# Ny tsiambaratelon'ny fahombiazana eo amin'ny fifandraisan'ny mpivady

**Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo.**

**"Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany
ho anareo avy aminareo ny vadinareo, mba hiainanareo
amim-pilaminana miaraka aminy, ary dia nasiany
fifankatiavana sy hatsaram-panahy teo aminareo. Misy porofo tokoa ao anatin'izany ho an'ireo
olona mieritreritra"** (Ar-rum30.21).

## Fampidirana

Ry rahalahiko sy anabaviko mpamaky hajaina! Eo am-pelatànanao ireo andiana teny avy amin'ny Mpaminany (saw) sy fomba fiheverana ary toro-làlana samihafa, mikasika ny fifandraisan'ny mpivady, natolotry ny mpanoratra amin'ny andiany maro avy amin'ireo lanonana isan-karazany mitranga mandritra ny raharaham-panambadiana, ary izay tranga natrehany fanampin'izany tany amin'ny ralehilahy sy ny fianakaviany maro ary ireo namany, torak'izany ireo avy amin-dravehivavy sy ny fianakaviany ary ireo havany akaiky. Izany dia fomba nalahatry ny mpanoratra amin'ny ambaratongany anatin'ny raharaham-panambadiana, ary nandraisany ny vokatsoany, sy fitiavana ny fanatrehana izany bebe kokoa, ary indrinndra ralehilahy satria io fotoam-pahasambarana io no faran'ny fotoana tsara indrindra misy ny lehilahy amin'ny fiomanany hihaona sy hanekena ireo toro-làlana rehetra amim-paniriana fatratra amin'ny fiandrasana ilay ampaham-potoana niaretana ela, ho amin'ilay fihaonana voalohany!

Ary na dia fotoana fohy monja aza no hanolorana ireo teny sy fananarana; izay tsy mihoatra ny 15 minitra akory, dia efa manoro ny ampahan-dàlana ho an'ny mpamaky vaovao, ary mampieritreritra azy amin'ireo andraikiny sasantsasany.

Tahaka ny iraiketan'ny boky ireo andiana foto-kevitra hafa sy toro-làlana izay maneho laha-dresaka manokana, midika ho sehatra fampitomboana ny fahalalan'ny tanora ny amin'ny fanambadiana, ka

handraisan'ny mpanoratra andraikitra amin'ny fanolorana izany anatin'ny fampiofanana izay tanterahan'ny ivon-toerana sy fikambanana miandraikitra ny fanapariahana ny kolontsaina mikasika ny fiainana ara-panambadiana.

Ny mpanoratra moa dia efa nanangona sy nitsinjarazara ary nanomana izany mba hapariaka ho famaliana ny faniriana mendrika avy amin'ny fitantanana ny ivon-toerana "Al baitou sy saïd" mba hanapariahana ny tombontsoa izay iriana, satria ny filàna amin'ny fampielezana sy ny fifanakalozan-kevitra ary ny fanapariahana ny kolontsaina ara-panambadiana dia lehibe tokoa, toy izany koa ny fifandraisana amin'ny maha olombelona, mba hahatongavan'ireo foto-kevitra sy fanohitra, ary ireo traik'efa samihafa any amin'ireo mpivady lahy sy vavy, indrindra moa noho ny fahatsapantsika lesoka lehibe eo amin'ireo mpivady amin'ny fandinihana ny tranga sy ny toe-javatra ary ny lalàna ara-boajanahary mifehy ny fiainana ara-panambadiana. Ary ny mpanoratra dia efa nanomana ireo foto-kevitra vokatry ny fandinihana ireo olana isan-karazany izay mitranga, ary ireo hafa avy amin'ny fandinihany manokana na ny fifanakalozan-kevitra eo anivon'ny fiaraha-monina.

Ny tena mampalahelo, ny zavatra misongadina eo amin'ny fiaraha-monintsika dia ny tsy fanomezan-danja ny vehivavy amin'ny fampatsiahivana azy mialohan'ny raharaham-panambadiana, ary tsy ampy koa amin'ny ankapobeny ireo toerana mifandraika izay misy ireo mpanoro hevitra sy ray aman-dreny ara-panahy manao ny andraikiny araka ny lalàn'ny finoana amin'ny fanolorana ireo toro-hevitra sy toro-làlana ho an'ny tanora vavy, sy izay rehetra miaraka aminy amin'ireo vehivavy, mba ho ohatra mendrika ho an'ny tanora lahy anadahiny, anisan'ny very anatin'ny fiaraha-monina tokoa ny andry

lehibe amin’ireo andrin’ny toro-hevitra sy toro-làlana. Ary farany moa dia atolotro amim-paniriana tsara tokoa sy amim-pahatsapana am-po marina, ho an’ireo mpivady ho ao anatin’ny fiainana feno fahasambarana sy fahatoniana.

Angatahana amin’Ilay Tompo be voninahitra mba hanasoa ahy amin’izay nosoratako amin’ilay andro hihaonako Aminy, Izy no mpitsara ahy sy Mpiahy tsara indrindra, ary voninahitra ho an’Andriamanitra Tompon’izao tontolo izao. Tahio Tompo i Mohammad sy ny fianakaviany feno fahadiovana!

Mohammad Hassan Al Alayouwât

## fanekena masina

Ny vonam-panambadiana, dia fanekena masina, ary Ilay Mpahary ny tontolo sy ny olombelona dia efa nametra izany ho lalàm-piainana, Ilay Mpahay ireo filàn’ny olombelona, sy izay rehetra mahasoa ary manimba azy ireo. Ary izany fanekena izany dia tsy zava-bitan’ny orin’asa akory na ny varotra, na avy amin’ny biraon’ireo mpisolovava, eny fa na dia manana ny hajany aza ireo fanekena manan-kaja rehetra, ny fanekem-panambadiana dia manana ny hasiny manokana mihitsy noho ny andraikiny lehibe eo amin’ny fiainan’ny zanak’olombelona, sy ny fifandraisan’ny mpivady, ary noho ny maha

fanohitra mpiaro azy ny foto-piainan'ny mpivady sy ny fianakaviana amin'ny mety ho fihoaram-pefy sy faharavana, ary fikarakarana ny vonam-panambadiana, sy fampiharana ny fiahiana azy. Andriamanitra dia efa nametraka lalàna ho an'ny mpivady "**fanekem-pankatoavana mafonja",** araka ny voalaza ao amin'ny andianteny masina: **"Ary ahoana moa no hahasahianareo haka izany indray taorian'ny niraisanareo, ny andaniny sy ny ankilany, ary izy ireo dia efa nahazo fanekem-pankatoavana mafonja avy taminareo"** (An-nissa 4.21).

Ary ireo mpamakafaka ny Kor'any moa dia efa nisintona tsoa-kevitra avy amin'io andininy io, ny maha masina ny fifanekem-panambadiana, tahaka izay hita amin'ny famakafakana io andininy masina teo aloha io, ka voalaza amin'ny fanazavana azy: ahoana no hangalaranareo ny zon'ny ravehivavy indray amin'ny vodiondry, nefa efa noraisiny taminareo izany teo am-panatanterahana ny fifanekem-panambadiana teo aminareo, fanekem-pankatoavana mafonja sy fifanekena voamarina, fa omenareo azy ireo ny zony feno, ka nahoana ianareo no mankahala indray izany fanekena masina izany, ary izany fanekena noraisina taminareo teo am-panaovana ny fifanekena izany. (Tafsiroul amthal v.3 p.113 Nasser Makârimo Ash shirâzi).

Ary satria izany fifanekena izany dia manana ny anjara toerany manokana, izay tsy mitovy tahaka ireo fifanekena ara-barotra; na fampanofana, na ny mitovy amin'izany, fa voafehin'ny fombafomba tsy maintsy arahina sy fanazarana tsy maintsy atao, ary tokony atao, ka isan'izany:

1- Natao ny fifanekem-panambadiana amin'ny tsy maintsy hanononana ireo teny voafetra izay napetraky ny lalàm-pinoana, fa tsy natao tamina teny rehetra hafa, ka natao izany ohatra tamin'ny filazana hoe mampanambady anao aho (zawwajtouki na an-kahatouki), fa tsy natao tamin'ny filazana hafa toy ny hoe: mila anao aho ho an'ny tenako (arad touki linafsi) sy ny mitovy amin'izany. Ka raha

mitranga ny teny toy izany dia tsy manan-kery ny fifanekena ary tsy misy akony, sady tsy araka ny lalàn ara-pinoana. Ka eto indrindra no nilazan'ireo manam-pahaizana amin'ny lalàna ara-pinoana (Fouqahâ) fa ny fifanekem-panambadiana ao anatin'izany dia lesoka amin'ny fanompoana (sha ibatoul 'Ibâdat).

2- Nametraka andiana fahalalam-pomba sy fahaiza-miaina ary zavatra tsara raha atao ny lalàm-pinoana masina, ary efa voalazan'ireo manam-pahaizana amin'ny lalàna ara-pinoana izany, ka isan'izany: ny vavaka fanompoana misy fiondrehana indroa (rak'a) rehefa milà mampanambady, isany ihany koa ny tonom-bavaka voaray avy amin'ny Mpaminany sy ireo  taranany (al 'ourwatoul outhqâ v.4 p.599 Assaeyd A yazdi) izay taterin'ireo boky momba ny fitsipi-dalàm-pinoana sy fomba fitondrantena manokana mifandraika amin'ity lohahevitra ity.

Ka isan'ireo fahalalam-pomba amin'ny fanekena ho fanomezana antoka ny fifanekena, dia hita amin'ireo zavatra tsara raha atao ny hitenenan'ilay mila mampanambady hoe: mandray sy manaiky izay nodidian'Andriamanitra aho, ny fifikirana amin'ny fahatsarana na fihazonana ny fahamendrehana. (al 'ourwatoul outhqâ v.4 p.599 Assaeyd A yazdi).

Izany moa dia fanekena mivantana sy mazava, amin'ny fandalana tanteraka izay tonga ao amin'ny fifanekena sy ny fahamasinany.

Ary isan'ny fahalalam-pomba ihany koa izay manamafy ny hevitry ny fahamasinana: ny fahatsaran'ny fanaovana toroteny manoloana ny fifanekena, izay ahitana ny fiderana an'Andriamanitra (Allah), sy ny fijoroana vavolombelona roa ary ny tso-drano ho an'ny Mpaminany sy ireo taranany mpandimby azy (ho amin'izy ireo anie ny fitahian'Andriamanitra), ny fananarana amin'ny fahatahorana

an’Andriamanitra, sy ny tonom-bavaka ho an’ireo mpivady. (al ‘ourwatoul outhqâ v.4 p.599 Assaeyd A yazdi).

Any koa moa dia misy fombafomba atao amin’ny fiarahana amin’ny vady voalohany amin’ny alin’ny fanambadiana, ka isan’izany: tokony ao anatin’ny fidiovana masina (oudhou), manao vavaka fanompoana rak’a roa, ary misy koa tonom-bavaka voaray avy amin’ny Mpaminany voalaza mikasika izany, ka vakian-dralehilahy.

Ireo fombafomba rehetra ireo dia midika ny fahatsapan’ireo mpivady fa ny fifandraisana izay nanambatra azy ireo dia fifandraisana hankasitrahan’Ilay Tompon’izao tontolo izao sy nodidiany ary notsofiny rano, fa izany fifandraisana izany tsy fitaovana hiampitana fotsiny akory, na ihany koa fitiavana adaladala, fa fifandraisana miorina amin’ny fitsipi-dalàna araka an’Andriamanitra, ary ao anatin’ny rivotry ny finoana tanteraka, vonton’ny fahatsiarovana an’Andriamanitra, Ilay be voninahitra, sy ny vavaka fanompoana ary ny tonom-bavaka, tena marina io fotoana fohy io dia mijanona mitoetra hatrany mandrakizay ao am-pon’ireo mpivady, ka mampirisika azy roa ireo hitazona mandrakariva ny fanekem-pankatoavana mafonja, sady masina, izay nanambatra azy roa, ka hahatonga izany fanekena izany ho fiaro azy roa amin’ny fandrebireben’ny devoly sy ny fanangoleny.

3- Ny lalàm-pinoana masina dia nametraka fetra sy mariky ny fepetra ho an’izay rehetra manohitra ny fifanekem-panambadiana sy ny fiahiana azy, ary nametraka ihany koa izy fa izay rehetra tsy manatanteraka ny zon’ny andaniny, na ny fanaovan-dralehilahy tsinontsinona ny zony noho ny fanoheran-dravehivavy azy, ka adidin-dralehilahy ny miverina amin’ny lafiny marina, ary izany dia ny fanatanterahany ireo zon’ilay miaraka aminy.

Ka tsy azon-dralehilahy atao noho izany ohatra ny manapaka ny fanampiana ny vadiny, ary tsy azon-dravehivavy atao koa ny tsy manome ny zon'ny lehilahy eo am-pandriana.

4- Hentitra amin'ny fomba rehetra tokoa ny lalàm-pinoana amin'ny faharetan'ny vonam-panambadiana, ary nametraka aro-fanina maro ho an'izay mitady handrava izany fifandraisana izany amin'ny alalan'ny fisaraham-panambadiana.

Ireo filazana masina moa dia efa namaritra ny fisaraham-panambadiana fa izany dia zavatra azo tao isan'ny ratsy indrindra amin'Andriamanitra, ary mankahala izany tanteraka Izy, miteny Imamo Sadiq (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra): "tsy misy zavatra tsy tian'Ilay Mahery sy be voninahitra indrindra amin'ireo zavatra nanomezany alalany mihoatra ny fisaraham-panambadiana, ary Andriamanitra dia mankahala ny mpisara-panambadiana sy ny mpihinana tafahoatra". (Mizânoul hikmat v.5 p.546).

Ny fikarakarana ny fisaraham-panambadiana dia tanteraka araka ny fahafenoin'ny fepetra amin'izany, ka isan'izany: ny fisian'ny vavolombelona roa marina mijoro vavolombelona amin'ny fisarahana, ary isan'izany koa ny fahadiovan-dravehivavy tsy mitondra vohoka izy.

Ary mbola fanampin'ny fahavesaran'ny fikarakarana ny fisaraham-panambadiana dia tsy tanteraka ny fisarahana raha tsy aorian'ny fotoana voatondro ao amin'ny bokin-dalàna, ka ny fetrany dia ny fahatongavan'ny fadimbolana in-telo, ho an'izay tonga fotoana; ary telo volana ho an'izay tsy tonga fotoana intsony, ary ny lalàm-pinoana masina dia nandrara an-dralehilahy hamoaka ny vadiny ivelan'ny trano mandritra io fotoana voafetra io, fa nametraka an-dravehivavy ho vady tsy maintsy

velomin-dralehilahy; ka mandritra izany no fotoana mety hiverenan'ny fifandraisana indray toy ny teo aloha, ary hiverenan'ny toe-draharaha ho amin'ny laoniny.
Izany dingana lalovana izany dia midika ho fitohizan'ny fifandraisana ara-panambadiana, ary fikarohana ny fotoam-panavotana amin'ny fomba rehetra azo atao, izany rehetra izany dia fiarovana sy fitandroana ary fitohizan'ilay fifandraisana masina, izay notahian'Ilay Mpahary mahery sy be voninahitra. Ary aorian'izany rehetra izany, dia tsy maintsy isika hifampanontany:

Nahoana ny sasany amintsika no manamaivana izany fifandraisana feno fahamasinana izany, nefa izany dia fihoaram-pefy amin'ny fetra napetrak'Andriamanitra sy ny fitsipi-dalàny, ary fanoherana ny sitrapony, ao anatin'ny fanekem-pankatoavana mafonja, na fanaovana tsinontsinona ny fitohizan'ny fiainana ara-panambadiana, ary ny fandraisana fanapahan-kevitra haingana amin'ny fanapahana ny fifandraisana ara-panambadiana manana ny hasiny, ka amin'izany izy dia toy ireny misotro rano mangatsiaka ireny! Nefa ilay tsy manantsiny (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra) dia nametraka azy ho trangan-javatra tokony hankalaina sy ratsy ary fahambaniana manoloana Ilay Mpahary Mahery sy be voninahitra.

Raha ny marina dia adidin'ny mpivady ny mamaky am-pamakafakana lalina ny fifanekem-panambadiana, amin'ny maha vona mampifamatotra masina azy, mamatotra azy roa amim-pahamarinana, ary ny hahatahoran'izy ireo an'Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra, satria ny tsy fanomezana ireo zon'ny hafa, dia mitovy laharana amin'ny fanoherana ireo fetra napetrak'Andriamanitra, ary fihoarana ireo didiny, sy fampandaingana "ilay fanekem-pankatoavana mafonja", mialohan'ny zavatra hafa rehetra. Ary tena marina Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra dia hanasazy izay rehetra nandika ny fetra napetrany, sy izay tsy nanome ireo zon'ny hafa, na nanambany sy nanamaivana ireo fifanekena araka ny lalàm-pinoana.

Ary dia toy izany koa ireo izay manitsakitsaka ny hasin'ny vonam-panambadiana- ao anatin'ny fotoana nitrangan'izany na eo am-pidirana amin'izany- tamin'ny sehatra sy fanao tsy ara-dalàna mba hatahotra an'Andriamanitra, sy hilefitra Aminy; ka ho fanohitra hijoro vontom-pinoana feno fahatsiarovana an'Andriamanitra, ka handrotsahan'Ilay Tompo Mahery sy be voninahitra ny fahasoavana ao anatin'izany; ary hanoratany ho an'ireo mpivady ny fahasambarana sy hanomezany azy ireo taranaka faramandimby mendrika.

## Ny endriky ny fifamofoana azo antoka

Ny fe-potoanan'ny fifamofoana tiana hambara eo amin'ny fiaraha-monintsika, dia ilay fe-potoana izay mialohan'ny vonam-panambadiana, ka mitohy hatramin'ny alin'ny fanambadiana sy ny fidiran-dralehilahy ao amin-dravehivavy, ka ny entina ho solony hilazana izany moa dia ilay alin'ny fanambadiana.

Ka io fe-potoana io (fifamofoana) amintsika, dia samihafa mihoatra amin'izay mitranga any amin'ireo fiaraha-monina arabo sy mandala ny finoana Islamo, satria ny fe-potoanan'ny fifamofoana any amin'izy ireo dia ilay dingana izay hanatanterahan'ny lehilahy sy vehivavy ny fifandraisana iarahana toy ny mpivady mihitsy, ary izany dia mba ho fitsapana ho azy ireo. Ary tanterahana tsy ao anatin'ny vonam-panambadiana izany, kanefa izany fiarahana izany dia zava-pady sy tsy araka ny lalàm-

pinoana, satria tanterahan'ny olon-droa afaka mivady, ary ivelan'ny vonam-panambadiana ara-dalàna amin'ny finoana.

Izany fe-potoanan'ny fifamofoana izany araka ny heviny ara-piaraha-monina sy ny fahafantarana azy - izany hoe aorian'ny fifanekena sy alohan'ny fiarahana ara-nofo - dia miteraka tahotra ho an'ireo fianakaviana avy amin'ny andaniny sy ny ankilany, izany dia noho io dingana io feno fahadisoana sy saro-pady loatra izay mety hiteraka zava-tsy mendrika ho deraina amin'ny farany. Ary isika eto dia mampanjaka ny fahazavana amin'io fe-potoana io amin'ny alalan'ny zava-misy sy tsy misy fiangarana mba hanatsoahana vokatra sasantsasany izay hanampy antsika amin'ny fahadiovam-pijery matotra sy araka ny zava-misy ny amin'io dingana io:

Tsy isalasalana fa ny fe-potoanan'ny fifamofoana dia dingana tsara amin'ny fahafantarana ny maha izy azy ilay olona iarahana amin'ny fiainana, amin'ny fomba mendrika sy mahasoa eo amin'ny fiainana iaraha-manana sy iombonana, ka manjaka ao anatin'izany ny fifankahazoan-kevitra sy ny fitiavana ary ny faniriana iombonana amin'ny fanorenana ankohonana fitaratra.

Amin'ny maha zava-dehibe io fe-potoana io; amin'ny lafin'ny fiomanana ireo zavatra takiana rehetra ho an'ny fanambadiana (ny fiarahana voalohany), sy ny fikarakarana ny fiahiana ny alim-panambadiana - araka ny itiavan'ny olona sasany ny famaritana azy - ary ny fikarohana ny toerana mifanaraka amin'izany, sy ny mitovy amin'izany..ka izany rehetra izany dia mitaky fotoana, ary milà fe-potoana ampy hahatongavana amin'io alim-pahasambarana io, ary ny fahatoniana ho amin'ny fahalemana sy ny fahampiana tanteraka amin'ny fiomanana, indrindra ho an'izay efa tonga taona ao anatin'izany.

Tsy mihevitra aho fa ny fotoana takiana ho an'ny fahafantarana ilay olona iarahana, sy ny fiomanana amin'ny alim-panambadiana (fiarahana voalohany) dia milà fe-potoana lava, tsy misy antony tokony hanalavana izany diso tafahoatra, indrindra rehefa mihoatra ny tokony ho izy izany fe-potoana izany.

Ny ankamaroan'ireo tanora dia miresaka fa ny fanambadiana (firaisana ara-nofo) dia tokony ho tanteraka ao anatin'ny taona nanomboka ny vaninandron'ny fifanekena, fa tsy tokony ho diso aoriana raha tsy noho ny antony tsy azo hanoharana, ary mbola manampy ihany izy ireo fa io fe-potoana io dia ampy ho amin'ny fahafantarana ny olona iarahana, ka moa ve isika mila fotoana maro mihoatra izany, sahala amin'ny hoe ilay olona iarahana dia tonga avy any amin'ny planeta hafa mihitsy, ka mitaky an-taonany maro mba hahafantarana azy. Ary isika moa dia miaiky fa ny toerana dia manana ny anjara toerany amin'ny fahasamihafan'ny fomba amam-panao sy ny fihevitra, fa saingy ny fahasamihafana misy amin'ny toerana misy antsika sy ny manodidina, dia tsy mitaky fahafantarana diso tafahoatra, ny tovovavy dia manana ireo anadahiny hiarahany miaina sy handraisany traikefa, ary ny tovolahy manana ireo anabaviny, hakany traikefa sy iarahany miaina ihany koa, ary ny tsirairay dia manana endrika iombonana amin'ny ankapobeny avy amin'ireo taranany sy ireo zanaka nifandray taminy, na dia tsy feno tanteraka aza izany, raha atao hoe mety ny fanalavana ny fe-potoanan'ny fifamofoana dia mifototra amin'ny fanirian'ny tsirairay amin'izy roa ihany ny fahafantarana ny hafa.

Hita sy voaporofo amin'ny zava-misy ny lafiratsin'ny fe-potoanan'ny fifamofoana lava loatra, ary efa nanamafy izany ny ankamaroan'ny tanora lahy sy vavy, amin'ny fisian'ireo andiana olana maro samihafa, izay misy fiantraikany eo amin'ny toetra, ka manimba ny fiainam-panambadiana mandritra io fe-potoana voalaza teo io, isan'izany:

### a) Ny fisian'ny tebiteby sy ny fisalasalana ary tsy filaminan-tsaina mafy:

Io ilay dingana izay manelanelana ny tontolon'ny maha mpitovo sy ny tontolon'ny fanambadiana, dingana eo antenantenany izay samy tsy mirona amin'izy roa ireo, sady tsy mpitovo izy ireo no tsy mpanambady. Ka izany no miteraka ilay tebiteby sy fisalasalana, eo amin'izy roa ireo, etsy andaniny koa moa izy ireo dia tsy hahavita ny hizara ny vatany ho amin'ireo dingana roa ireo anatin'ny fotoana iray, ary mahatsapa fahasarotana izy ireo amin'ny fanehoana ny tenan'izy ireo anaty fiaraha-monina, ary izany koa dia miteraka fahasahiranan-tsaina mifanongoa ho an'ny andaniny sy ankilany, miaina anaty fikorontanan-tsaina izay ifandimbiasan'izy ireo, mpivady izy ireo saingy voafehin'ny fetra sy ny elanelana misy; tsy afaka manao dia irery izy ireo, ary ireo fianakaviana dia efa zatra amin'ny fametrahana mpanara-maso miafina azy ireo rehefa irery, sy mandeha, ary tonga tena marina izany rehetra izany dia manary ny fahafahan'izy roa amin'ny fihetsika izay ataony, ary ny fitondran'izy ireo ny fiainany amin'ny endrika malalaka, indrindra moa fa izy roa ireo dia samy miaina amin'ny toerana roa samy hafa ; ary mifandray eo ambany fanaraha-maso miharihary.

### b) Ny fiposahan'ireo olana samihafa amina zavatra maivan-danja:

Matetika ny fanandramana hita amin'ny ankapobeny, ny amin'ny fe-potoanan'ny fifamofoana dia manamafy fa tsy afaka mifanakalo hevitra araka ny tokony ho izy ny raharaha iombonany akory ireo mpiaraka, fa manjaka amin'izany ny tsy fahazotoana, ary angamba izany dia vokatry ny tsy fahampian'ny traikefa eo amin'ny fifampitondrana mbola mitaky ezaka, sy ao anatin'ny sehatra

vaovao, ka mitarika any amin'ny fitomboan'ny olana, ary ny fifandraisana ihany koa tsy misy fahendrena fa vokatry fihetseham-po, ka tsy misy mahatsapa ny andaniny sy ankilany ny maha manan-danja ny hafa manoloana azy, ka ny tsy firaharahana izany dia tsy mampisy olana akory, ka izany indrindra no azo hanazavana ny mampitombo hatrany ny fisaraham-panambadiana eo amin'ny fe-potoana saro-pady io, izay asehon'ny antotanisa  sy ny zava-misy ara-piaraha-monina.

Tsara raha tsiahivina, fa ireo olan'ny fanomanana fanambadiana, sy ny fahamaroan'ny fomba fihevitra manodidina izany, dia mampisy teboka mandrava ny fifandraisana  ara-panambadiana vaovao, ary izany dia vokatry ny fahalavan'ny fe-potoanan'ny fifamofoana, izay mandreraka ny fianakaviana, indrindra miampy ny fitomboan'ny fisaraham-panambadiana amin'ny antony tsy misy dikany.

## d) Fiangonan'ireo olana isaky ny mihalava ny fe-potoanan'ny fifamofoana:

Ny zava-misy dia efa nanamafy fa ny olana lehibe indrindra sy ny ankamaroan'ireo mitondra faharatsiana dia ny fifandraisan'ny tanora lahy sy vavy mialohan'ny fampilazana ny fanambadiana (alin'ny fanambadiana) araka ny fantatra, ary na dia efa fantatra aza fa ny fiarahana ara-nofo dia miseho ao anatin'ny lalàm-pinoana ara-dalàna, dia mankahala izany kosa ho an'ireo mpifamofo ny fomban-tany, ka izany no mandatsaka ireo mpifamofo anatin'ny olana mafy matetika, indrindra fa raha mbola lavitra ny fotoanan'ny alin'ny fihaonana voalohany, ka izany dia ankoatra ny ratram-po amam-panahy mahazo ireo mpifamofo; ary mametraka azy ireo anatin'ny sehatra tsy mba mampialona azy ireo!

**e) Fe-potoana mahasodoka:**

Milaza miharihary ny maro amin'ireo mpanambady ny amin'ny tsy fahafahany tonga amin'ny tena fahamarinan'ilay hafa miaraka aminy ao anatin'ny fe-potoanan'ny fifamofoana, izany dia noho ny endrika ivelany fotsiny, sy ny fandokafana mandrakotra ny fifandraisana ao anatin'io fotoana io, satria miezaka ny andaniny sy ny ankilany hanome endrika tsara ny tenany araka izay vitany, ary hanolotra vinavina mahasodoka sy nofinofy amin'ny fiainana iombonan'izy roa. Kanefa tena marina ny fahasahiranana sy ny olana maro samihafa izay mety hitranga dia handrava izany endrika ivelany izany, sy ny fihatsarambelatsihy ara-piaraha-monina, na ho ela na ho haingana.

Eto dia azo atao ny miteny fa ny tiana hahatongavana amin'io fe-potoana io ho an'izay manonofy sy te-hahafantatra ny andaniny hafa dia tsy tanteraka mihitsy izany, fa ny tanteraka kosa dia trangan-javatra marevaka ivelany fotsiny, amin'ireo endrika sasantsasany, sady anatina fotoana fohy monja; ary efa voaporofo fa ny traikefa izay azon'ireo olon-droa manodidina ny adidy tsy maintsy atao amin'ny endriny mazava sy efa mahazatra miaraka amin'ny andaniny hafa, dia tsy vita mihitsy ny fanatanterahana azy ao anatin'io fe-potoana io, izany dia noho ny fisian'ny fomba fisainana vaovao tsy mety ampiharina miaraka aminy ny asa, izay anisan'ireo fitsipika sy traikefa ara-pitondrantena mahasoa.

Ka ny vokatr'izany: inona no vokatsoan'ny fanalavana ny fe-potoanan'ny fifamofoana, raha feno ireo fandokafana maro sy nofinofy mahasodoka rano fotsiny, fa tsy manome ilay endrika tena izy ananan'ireo olon-droa miaraka, fa ny endriny ambadika no omeny!

## Ireo teboka manan-danja aminao:

Taorian'ny famakiana ny fe-potoanan'ny fifamofoana izay fantatra amin'ny fiaraha-monintsika amin'ny endriny araka ny zava-misy tsy misy fiangarana, dia afaka mandray tahiry ireo fanamarihana tena manan-danja isika mandritra ny fe-potoanan'ny fifamofoana izay zava-misy marina sy azo antoka:

## Aza maika hifampitsara ianareo mandritra ny fe-potoanan'ny fifamofoana:

Satria ny ankamaroan'ny fandraisana fanapahan-kevitra ao anatin'io fe-potoana io dia vokatry ny fihetseham-po sy ao anatin'ny fahamaikana avokoa sy tsy misy fandanjalanjana, sady maneho ireo tranga tonga lafatra nefa tsy mety tanteraka araka ny tena zava-misy, izany moa dia ankoatra ireo efa nolazaintsika amin'ny fitondrantenan'ireo mpifamofo tany aloha, izay sady tsy ara-boajanahary no tsy araka ny mahazatra ihany koa, fa manjaka amin'izany fitondrantena izany ny fiezahana mamboatra ny fihetsika, ka angamba mety tsy manaja ny maha izy ny andaniny ny ankilany, ka manao tsy rariny aminy sy amin'ny tenany ihany koa. Tena marina ianareo roa dia toy ny mpikambana roa mila fiandrasana sy faharetana mba hampahombiazana ny fiainanareo roa. Ary izany dia fitondrantena hiseho tsikelikely ho azy aorian'ny fanambadiana.

## Tsia maro! Mahomby

Ny fandaniana ny fe-potoanan’ny fifamofoana matotra tsara dia mandrafitra ny dingana manaraka ho araka ny tokony ho izy, ka adidin’ireo mpifandray ara-panambadiana andaniny sy ankilany ny mametraka fitsipika ho an’ny tenan’izy ireo mba hiarovana ny tenan’izy ireo ihany tsy ho latsaka anaty fahadisoana anatin’ny fotoana izay mampisy olana azy ireo, na samy amin’izy ireo izany, na amin’ny fianakavian’izy ireo, ka isan’izany fitsipika izany ireo izay hampirisihan’ny fiainam-piaraha-monina:

## “Tsia” ho an’ny fiarahana ara-nofo mialohan’ny alin’ny fanambadiana (fiarahana ara-nofo voalohany):

Ka adidin’ny ravehivavy indrindra indrindra ny miaro ny tenany amin’ireo fahadisoana mateti-pitranga ireo, satria izany dia hiteraka sorisory sy adi-tsaina lehibe ho azy – raha sendra ka mitranga ny fifanantonana – ary hampisy vesatra lehibe ihany koa, ary izany dia hitarika fanararaotana ny toe-javatra amin’ny lafiratsiny avy amin’ny andaniny hafa, mba hisian’ny fandeferana ka mamparefo ny tanjaky ny fifandraisana eo amin’ny roa tonta, ary handraisan’izay matanjaka amin-kery ny tombontsoany, nefa etsy ankilany dia manjary marefo ny toe-javatra eo am-pisehoan’izay rehetra mety ho lesoka eo amin’ny fiainam-panambadiana aorian’ny nahavery ny fialantsininy rehetra!

Tena marina, adidin’ireo mpifandray andaniny sy ankilany ny miady sy manohitra mafy ny fotoana mampalemy azy ireo, raha toa izy ireo efa nanapa-kevitra ho an’ny tenan’izy ireo fa hanaiky amim-

pankatoavana ny hanalavitra ireo fahadisoana mateti-pitranga, fa raha tsy izany dia hamoy ny fahamarinana izay nijoroany izy ireo; ka hanomboka sahady ny fiainan'izy ireo amin'ny fahatsapana olana anaty.

## "Tsia" ho an'ny fanaovana dia lavitra irery:

Ny fandehanan'ireo mpivady irery manao dia lavitra mandritra ny fotoanan'ny fifamofoana araka ny noresahintsika, tsy misy olona iray miaraka amin'izy ireo avy amin'ny fianakaviany, dia mety hiteraka zavatra tsy ampoizina izay tsy azo antoka ny fisehony sy ny vokany, araka ny fijerin'ny fiainam-piaraha-monina azy, izay mametraka fa izany dia mahatonga olana ara-piaraha-monina, ary mitondra any amin'ny firaisana ara-nofo tsy azo atao mandritra io fotoana io.

Raha ny marina, adidin'ireo olon-droa miaraka ny miaiky fa hiaro ny tenan'izy ireo sy ny fianakaviany amin'izay rehetra hevitra na fijery ara-piaraha-monina mandinika azy ireo amin'ny lafiratsiny; ary hanalavitra izay nolazain'ilay olon-kendry fahiny amin'ny teniny hoe:

Natsipiny tao amin'ny heli-drano izy, ary nilaza hoe tandremonao tsy ho lena!

## Ny fahamaikana hiditra amin'ny fanambadiana araka ny sahaza sy antonony:

Ary aoka tsy ho diso aoriana ny fanambadiana, fa ilay mendrika indrindra amin'ny olombelona dia nanafaingana izany, araka ny voalazan'ireo tatitra masina avy amin'ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra). Ary ny fanafainganana ny fetin'ny alin'ny fanambadiana dia asa mendrika, satria izy dia manafaka ny vatana amin'ireo fatotra sy geja ary sakantsakana sy fetra eo amin'ny fiainam-piaraha-monina izay mampitebiteby ny tena, ary vesatra ho an'ny saina, fanafahana ihany koa amin'ny fijerin'ny fiaraha-monina manodidina, sy ny fanaraha-mason'izy ireo, ary fivoahana amin'ny tontolon'ny nofinofy mahasodoka sy mamitaka ho amin'ny tontolon'ny fahamarinana sy tena izy, ka hanandramana ny tsiron'ny fiainam-panambadiana mahafinaritra.

## Fanomezana lanja ny fanamafisana ny rohim-pihavanana:

Isan'ireo fanohitra manampy amin'ny fananganana fifandraisana miavaka sy akaiky tanteraka mandritra ny fe-potoanan'ny fifamofoana, ny fahavitrian'ireo andaniny sy ankilany anatin'ny fifandraisana ara-panambadiana amin'ny fananganana fifandraisana mendrika sy mafy amin'ny ankohonana sy fianakavian'ny andaniny hafa.

Ny fanandramana hita sy voatatitra dia maneho ny vokatsoa lehibe sy tsara izay rafetin'ny fifandraisana miavaka sy ifanakalozana eo amin'ireo mpivady miaraka amin'ny fianakavian'ny andaniny hafa. Tanteraka izany vokatsoa izany rehefa ampiharina ny fifandraisana toy izany, toy ny fametrahana fiaro ho antoka rehefa mitranga ny tsy fifankahazoan-kevitra eo amin'ny mpivady, rehefa manery haingana am-boalohany ny zanany lahy ohatra ny fianakavian-dralehilahy mba hamarana ny tsy fifankahazoana eo am-pitrangany noho ny antony avy aminy, satria izy ireo dia nifanerasera

tamin'ny vadin'ny zanany lahy, ka niditra tao am-pon'izy ireo ny fitiavana azy, ary dia feno fangorahana an-dravehivavy izy ireo.

Dia torak'izany koa, raha miseho ny zavatra toy izany avy amin-dravehivavy, dia ny fianakaviany izay mitia an-dralehilahy no maneho fangorahana sy fahalefahana aminy, ary dia manery ny zanany vavy ihany koa mba hamerina ny toe-draharaha amin'ny laoniny. Ny fianakaviana roa tonta dia tokony ho vonona hatrany mba hiditra an-tsehatra hanatsarana ireo mpivady, ary hanao izay tokony atao ho hampaharihatra ny fifandraisana eo amin'ireo mpivady. Ka izany fifandraisana izany dia mahasoa ihany koa hialana amin'ireo vato misakana maro, sy ireo fepetra maro samihafa eo amin'ireo fianakaviana eo am-pikarakarana ny lanonam-panambadiana sy ny fandaminana azy.

Eto am-pamaranana, ny fe-potoanan'ny fifamofoana araka ny fantatra raha ny marina eo amin'ny fiaraha-monintsika, izay maharitra fotoana lava, dia tsy toe-javatra manana ny lanjany eo amin'ny lalàm-pinoana masina, noho izany, tsy isan'ireo izay ekentsika, fa toe-javatra vaovao niforona teo amin'ny fiainantsika ara-piaraha-monina, ka misy miaraka aminy ny mahatsara sy ny maharatsy azy, ireo izay misaina dia mahazo tombony amin'ny fahatsaran-javatra, ary mamela kosa ny faharatsiany, tsy azo isalasalana fa ireo faharatsiana avy amin'io fe-potoana io dia ny fanalavana azy tsy amin'ny antony araka ny tokony ho izy.

## Ny fanomanana fanambadiana mahomby

Ny olona rehetra misaina sy mahitsy dia mametraka drafitra ny amin'ny raharaham-piainany, ary mivonona amin'izay rehetra takiany, manomana mandrakariva izay zava-baovao mifamatotra amin'izay hoaviny.

Ka ny mpianatra izay mandany ny fotoanany maro amin'ny famerenana ny lesony ho fiomanana amin'ny fanadinana ho avy, hanantenana fahafahana.

Ary ny reny mitondra vohoka, miomana amin'ny fiterahany ara-dalàna, amin'ny alalan'ny fanatonana mpitsabo, sy fametrahana fandaharam-potoana ho an'ny sakafony mifanaraka amin'ny filàn'ilay zaza am-bohoka, ary tsy manadino ny fiantsenana dieny mialoha amin'ny fividianana ireo rehetra takian'ny fiterahana sy tokony atao.

Eny fa na hatramin'ireo mpanao fanatanjahantena aza; manomana ny tenany tsara izy ireo, ary mandalina sy mametrapetraka tsara ny tetika amin'ny fihaonana ara-panatanjahantena, ary fanampin'izany ny fanazarana mafy, mba hahazoana ny traikefa maro isan-karazany, sy ireo toetra mendrika mba hahatrarana ny fandresena manoloana ny mpifanandrina.

Ka na dia misy aza tsy fahombiazana eo amin'ny fanatanjahantena sy ny tsy fahatanterahan'ny fandresena, amin'ny ankapobeny dia tsy apetraka ho tsy fahombiazana eo amin'ny fiainana izany, fa ny fanatanjahantena dia manana ny fitsipika matotra mifehy azy sy ny fanomezany rehetra, izay tsy maintsy homanin'ny mpitia azy sy karakarainy isanandro sy maharitra.

Ka ny fanambadiana dia iray amin'ireo sehatra lehibe eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona (ny vehivavy sy ny lehilahy), izay mendrika ny fandinihana lalina ary ny fanomanana izay tsy maintsy atao, noho ny fiheverana ny fanambadiana ho toe-javatra manan-danja, izay iankinan-javatra maro, amin'izay mety ho vokany sy ny fiantraikany anatin'ny trangam-pahombiazana sy ny faharendrehana.

Ary anisan'ny tombony tsara indrindra ho an'ny rehetra ny miomana amin'izany tranga mahafinaritra ao anatin'ny fiainany izany, ary isika àry raha ny marina dia manao ny tahoatra loatra amin'ny fanomanana azy io, izay handanian'ny mpivady amam-bolana maro mihitsy amin'ny fikarakarana io alina tokana amin'ny fiainana io, ary ny fitsidihan'izy ireo ny tsena im-polokely; mba hisafidianana ireo ravaka volamena samihafa, sy ireo kojakoja isan-karazany etsy andaniny, ary hisafidianana ihany koa ireo fitafy etsy ankilany, ny fikarohana ny toerana handraisana ny lanonana, izay maharitra fotoana lava, ary tsy ny tapitra hatreo ny fanomanana io alina tokana io, fa any ho any dia misy zava-manan-danja maro sy sehatra samihafa izay tokony homanina indrindra ihany koa…tsy ho farany na oviana na oviana akory ny lisitr'ireo hasaina amin'ny lehilahy sy ny vehivavy.

Ary na dia toe-javatra tsara tokoa aza ny fanomanana izay lafiny amin'ny fanambadiana izay, indrindra fa anatin'ny fetra ara-boajanahary, lavitry ny fandanindaniana tafahoatra, dia maro amin'ireo mpanambady no manadino ireo sehatra manan-danja sy tsy maintsy tanterahana amin'ny fanomanana ny fanambadiana, ho ao anatin'ireo laharam-pahamehana maro, fa ny lafiny ara-materialy indray no omeny lanja, ka tsy mitandrina ny lafiny ara-moraly sy ara-panahy izy ireo, ho ao anatin'ny fanomanana ihany koa, nefa izany lafiny izany dia mifandray tanteraka amin'ny fanomanana ny kolontsaim-panambadiana.

Ny fanambadiana dia tsy fitafiana tsara tarehy tafian'ny vehivavy akory anatin'ny alina voalohan'ny fanambadiana, ary tsy endrika hindramin'ny ralehilahy ihany koa izy io na hofainy ho an'ilay mpiara-dia aminy eo amin'ny fiainany, ary mazava loatra fa tsy trano lehibe hanaovana lanonana mahafinaritra miharihary ihany koa, izay manome ny mpivady ny fahasambaram-panambadiana, sy fiainam-pahatoniana! Satria ireo endrika sy fiara ary trano fandraisan-danonana aorian'ny alina hafa dia ho rava avokoa.
Tena marina ny fanambadiana mahomby dia mitaky amin'ireo mpivady ihany koa amin'ny fanomezan-danja lehibe ny fanomanana mafonja eo amin'ny lafin'ny maha olona ao anatin'ny fiainam-panambadiana, satria izany lafiny mifamatotra amin'ny fanandratana ny fiainan-tokantrano ao anatin'ny maha izy azy ny fiainam-panambadiana izany, dia isan'ny sehatra lehibe mifehy azy tanteraka. Toy ny fomba fanao amin'ny fiainam-baovao, sy ny famantarana ireo zo samihafa, ary ireo adidy tsy maintsy atao, ny fandraisana ny fahalalana izay mifandray amin'ny fitantanana ny fiainam-panambadiana, ary ny famahana ireo olona miaraka amin-dralehilahy, ny fahaiza-mampiasa ny fifanakalon-kevitra, ny fahafahana mitantana fifanolanana sy ny tsy fitovian-kevitra ary ny mitovy amin'izany. Izany fanabeazana izany amin'ny ankapobeny dia ilay miafiana ambadiky ny vesatry ny fanomezan-danjan'ny ara-materialy, izay mitsofoka anatin'ny sehatry ny fireharehana, sy fifaninanana tsy mahomby, mankany amin'ny fampitomboana ny fandanindaniam-poana sy ny fanariana harena, ary fivoahana amin'ny fahaiza-mandanjalanja, sy fitondrana ny vady aman-janaka matetika amina fakitiora ambony fandaniana, sy amin'ny vidiny lafo dia lafo. Ary mandritra izany rehetra izany isika, dia tsy manome lanja ny lafiny izay mendrika ho dinihana afa-tsy kely monja.

Tena marina, ny fanomanana ny fanambadiana dia tokony tanterahina amin'ny lafiny ara-moraly amin'ny alalan'ny:

## Voalohany: ny famakiana amim-pitoniana tanteraka ny amin'ny fanambadiana:

Ao anatin'ireo boky mahasoa, na ny fihainoana ireo horonam-peo mitondra vokatsoa izay mitari-dàlana ireo hanambady mikasika fiainam-panambadiana samihafa, ary mampiseho azy ireo ny lohahevitra isan-karazany momba izany, ary ny tanjon'ny famakiana dia ho votoatin'ireo tranga mateti-piseho sy tsy tohinina ao anatin'ny fiainan'ny mpivady, ary fakana ny fahalalana ho fampiharana izay mifanandrify amin'izany.

Ary iaraha-mahalala fa ny famakiana am-pisainana lalina, dia manome ny zanak'olombelona traikefa ara-kevitra, ahafahany amin'ny alalan'izany mahafantatra ny laharam-pahamehana amin'ireo fomba sy fitsipika tsy maintsy atao hampahombiazana ny fiainam-panambadiana, ary hanalavirana ireo fombafomba mahazatra izay miteraka korontana sy olona samihafa eo amin'ireo mpivady. Tena marina ny famakiana am-pisainana lalina dia mitovy amin'ny drafi-tsaritany manondro sy mitarika amin'ny fitarihany, ho an'izay miezaka ny hampahomby ny fiainany ara-panambadiana, sy handresena ireo olana misy amin'ny fiainan-tokantranony.

Ny tsy fisian'ny famakiana am-pisainana lalina sy ny fandinihana ireo lafin-piainana samihafa ao anatin'ny fiainam-panambadiana dia mety hitarika lesoka sy fahavoazana lehibe amin'ny fanatanterahana ireo andraikitra eo amin'ny ankohonana, noho ny anton'ny habadoana maro

mifanongoa ka mampisy ireo olana eo amin'ny mpivady, ka miafara amin'ny fifanolanana sy fisarahan'ny fifandraisana eo amin'izy ireo.

Koa mba hialantsika amin'ny fahalavoana sy ireo fahadisoana noho izany dia tsy maintsy isika mandray ireo fanabeazana ireo mikasika ny fiainam-panambadiana amin'ny alalan'ny famakiana sy fanoroana làlana ireo zanakalahy sy zanakavavy mba hanome lanja izany lohahevitra mafonja izany, ary hanomana sy hikarakara mba ho fanazarana vaovao mialohan'ny hidirana ao anatiny.

Ary anisan'ny tombony tsara indrindra ho an'ny rehetra ny maha maro sy ny maha ampy tanteraka ireo boky sy takelaka miresaka ny sehatry ny fifandraisana ara-panambadiana sy ara-pianakaviana.

## Faharoa: ny fakana tombony amin'ireo traikefa nahitana fahombiazana:

Ny olombelona dia miaina anivon'ny fiaraha-monina, sy ny tontolo manodidina azy, ka ao anatin'ny fiaraha-monina misy azy dia misy ireo nahita fahombizana sy ireo tsy nahomby, ka adidin'ny olombelona no misintona lesona amin'ny fiainan'ireo nahita fahombiazana tamin'ny fifandraisany tamin'ny vadiny, ary mandray ihany koa ny fomba nampiasain'izy ireo, sy ny fitondrantena izay nahomby nananan'izy ireo, eny, mametraka fanontaniana sy fanadihadiana izy ny amin'ireo lohahevitra manana fifandraisana amin'izay hiasan'ny fisainany, ary mety ihany koa izy, manao fifanakalozan-kevitra maro amin'ny hafa, ho famaliana ireo fanontaniany samihafa, tena marina adidin'ny olombelona ao anatin'izany tranga izany, na lahy na vavy, no miala tanteraka amin'ny fahamenarana manontany; na ny fitondrana fanontaniana na manao ahoana na manao ahoana

hakeliny, na ny hamaivany, mba ho fanazavana ny endrika izay tokony hisy fifandraisana amin'ny fiainan'ny mpivady, ary Imamo Ali (ho eo amin'ny anie ny fitahian'Andriamanitra) dia efa niteny hoe: **"ny tena manan-tsaina indrindra amin'ny olona dia izay manambatra ireo fisainan'ny olona amin'ny fisainany".**

Ary ny tsirairay amintsika dia mila ireo traikefan'ny hafa sy ny fanandramany, fa tsy misy mihitsy amin'ny olona manana ny traikefa amin'ny zava-drehetra, ny sasany tsy mahafantatra ny amin'ny fiainana ara-panambadiana, fa manao ny hadalana maro izy rehefa mikiry sy mizotra hatrany amin'ny habadoany, ary mionona fotsiny amin'izay ananany amin'ireo hevitra madinika nefa tsy mahalala ireo hevi-dehibe.

Ny traikefa ara-panambadiana nahomby sy tsy nahomby dia mamatsy ny olombelona amin'ny fomba fisainana azo ampiharina, sy manome fisainana azy ny amin'ny tena fahamarinan'ny fiainam-panambadiana an-tsipirihany. Ka anjaran'ilay mpaka tombontsoa sisa no misafidy ireo traikefa tena tsara sy mendrika, ary izay mifandraika aminy, satria isaky ny fiainam-panambadiana dia samy manana ny maha izy sy mampiavaka azy, ka izay mety eken'ny sasany dia mety hankahalain'ny sasany hafa! Ka tsy azo atao noho izany ny maka tahaka avy hatrany ny traikefa amin'ny lafiny maha olombelona, tsy misy fanitsiana sy fitsinjarana araka ny sokajiny. Ny traikefa mantsy dia toy ny saha lehibe misy voninkazo isan-karazany, ka anjaran'ny olona ny mifidy ho an'ny tenany ireo voninkazo izay manamanitra ny tranony ka manome hafaliana sy fahambarana. Aoka tsy adinontsika fa any ho any dia misy voninkazo mahafinaritra, nefa any ho any ihany koa dia misy ny tena mahafinaritra! Adidintsika noho izany ny misafidy ny sahantsika ara-panambadiana, ary ny fiainantsika ara-pianakaviana amina traikefa mendrika sy matotra ary tena mahomby; ary adidintsika ihany koa ny mamerina indray ny votoatim-pandaharana ao anatin'izany, ary ny fombafomba fanatanterahana azy,

eny, fa ny antsipirihany mihitsy izay mifanaraka amin'ny manahirana sy ny olantsika manokana, satria tsy izay nampiharina tamin'ny toerana iray ka nahomby dia tsy maintsy hanome izay fahombiazana izay ihany koa amina trano hafa, satria samihafa ny fomba fandraisan'ny olona sy ny fanekeny ary ny fomba fisainany, ka noho izany, samihafa ihany koa ny fanazavan'izy ireo sy ny fanadihadiana ny traikefa na ny fomba fiheverana.

### Fahatelo: ny fakana tombony amin'ireo fotoam-pihaonana arahana toro-làlana, sy ireo ivon-toerana manome fiofanana ara-pianakaviana:

Noho ny fahasarotana goavana izay tafiditra ao anatin'ny fiainantsika ankehitriny, dia iharan'ny olana ny fiainana ara-piaraha-monina sy ny fiainam-pianakaviana, ary ny fomba fiainana ankehitriny; ka very niaraka taminy ny toetra farany tsotra izay efa fantatra tanatin'ny fitsipi-potoana efa lasa.

Ny fiasan'ny mpivady ivelan'ny tokantranom-pianakaviana, sy ny hamaroan'ireo vesatry ny fiainana ara-materialy, ary ny adi-tsaina, dia nampiditra ireo olana maro amin'ny maha olombelona sy ny ara-piaraha-monina, izay manodidina ny ara-pianakaviana; isan'izany ny fitomboan'ny fahaverezan'ny filaminana sy fahatoniana amin'ny fiainam-pianakaviana, ary fanampin'izany ny fipoiran'ny fikorontanan-tsaina sy ny tebiteby ary ny ahiahy.

Ka eto indrindra, no niezahan'ireo mpanana traikefa eo amin'ny lafim-pianakaviana sy fiaraha-monina nanorenana ireo ivon-toerana misahana manokana ny fampiofanana ara-pianakaviana, sy

fananganana ireo fotoam-pihaonana arahana toro-làlana ny amin'ny fanomezana fahalalana ny fianakaviana, mba hamenoana sy hampitomboana ireo fahalalana maro sy fomba fiheverena samihafa, ary ny fampafantarana ireo fitaovana sy ireo fomba mandaitra hiatrehana ireo olana maro, izay manimba ny fifandraisana ara-panambadiana sy fianakaviana, ary mba hahazoana ihany koa ireo voasedra bebe kokoa tamin'ny traikefa samihafa ka hifampitondrana miaraka amin'ireo olana isan-karazany; ary handresena ireo olam-piainam-panambadiana ankehitriny, amin'ny alalan'ny fitaovam-pahalalana sy drafitra mahomby sy maty paika.

Tena marina ny olona sasany, dia mety tsy mahita izay hanokatra aminy ny fifanakalozan-kevitra mikasika ireo olana ny amin'ny fiainam-panambadiana, sy ny fahafantarana ireo tsiambaratelony, ka ilaina indrindra noho izany ny fanomanana izany amin'ny endrika tokony ho izy mialohan'ny hahatongavan'izany amin'izy ireo tampoka tsy fantatra!

Ka teo indrindra no naha zava-dehibe manan-danja ny fikarohana fotoam-pihaonana fanomezam-pahalalana ny amin'ny fifandraisana ara-panambadiana sy ara-pianakaviana, ho fototra ihany koa, mba handraisana bebe kokoa ny fahalalana sy fahafantarana ny lohahevitra mikasika ny fanambadiana, ka ny toe-javatra araka ny fiheverako dia mitaky fikarohana sy fikirizana ary harerahana, sy faharetana amin'ny fandaharam-potoanan'ny fotoam-pihaonana, sy ny vola lany aminy, satria mikaroka fahombiazana amin'ny endrika manokana, izay mety hifamatotra aminy ny fahombiazana na ny fahavoazana, amin'ny fotoana lavitra iainan'ny olombelona!

Ary tahaka ny andrerahantsika ny tenantsika andro aman'alina, amin'ny fikarohana tranon-danonana araka izay mety mba hahasambatra sy hahafinaritra! Ka moa ve tsy eken'ny saina ny mba hikarohantsika fahombiazana ho an'ny hoavintsika, ary hiharetantsika sy hihafiantsika izay rehetra

manodidina amin'ny faharerahana samihafa amin'ny fotoana sasantsasany anatin'ny làlana hikarohana fahalalana mamirapiratra hamonoantsika amin'ny alalan'izany ny habadoana, ary handresy amin'ny alalany ihany koa ny fahantrana ara-pahalalana.

Misaotra an'Andriamanitra fa efa ampy sy mipariaka eo amin'ny fiaraha-monintsika izany fikarakarana izany, ho an'ny lahy sy vavy amin'ny alalan'ireo ivon-toerana sasany, fikambanana miandraikitra ny fianakaviana, izay misahana ireo olana ara-panambadiana, sy izay manome lanja ny fanapariahana fanabeazana ara-panambadiana, sy ara-pianakaviana mahomby. Ary ireo ivon-toerana sy fikambanana maro samihafa dia efa nahatanteraka fifandraisana nahitana fahombiazana tokoa, tamin'ny alalan'ny fifanakalozana traikefa maro izay azon'izy ireo tamin'ireo fotoam-pihaonana nanome azy ireo ny fahamarinana sy ny fahalalana tokony ananana handalinana ny traikefa ara-panambadiana amim-pahatokisana sy amim-pahatoniana. Efa niseho tamin'izy ireo ny olana tsy fantatra, nefa nazava tamin'izy ireo ny valin'ireo fanontaniana nipetraka, ary hitan'izy ireo ny halehiben'ny andraikitra mipetraka eo an-tsorok'izy ireo, mba hisian'ny fahombiazana eo amin'ny fiainany.

Tena marina ireo andiany roa mpifandray ara-panambadiana, dia mila fakan-kevitra maro mialohan'ny hianaran'izy ireo izay avy amin'ny traikefa, ary mety nanefa sandany ambony tokoa izy ireo mialohan'ny nahatongavan'izy ireo teo amin'ny vaha olana, izay nampifandray azy ireo fa tsy nampisaraka azy, ary tsy azon'ny saina ekena ny miandry izany fotoana izany, satria izany fiandrasana izany dia tranga tsy mahomby. Ary efa zavatra mahazatra ny fahatongavan'ireo andiany roa mpifandray ara-panambadiana amina ivon-toerana sy fikambanana, ary ny fotoam-pihaonana mpanome fahalalana sy mpamatsy fahaizana, tahaka ny hahatongavantsika amin'ny fakana

fahalalana eo amin'ny sahan'ny fiainam-pahalalana, na mikasika ny fitsaboana izany na ny ara-jeometria, na ny ankoatra izany.

## Fahefatra: ny anjara asan'ireo ray sy reny:

Ny zanaka lahy sy zanaka vavy amin'ny ankapobeny dia mora mandray izay rehetra mandalo ao amin'ny tokantranon'izy ireo, mandray ireo endri-pifandraisana mijoro eo amin'ireo ray aman-dreny, sy ireo fomba fifampitondrana, ka ny fifandraisana misy eo amin'ny ray aman-dreny dia miteraka akony eo amin'ireo zanaka ny fahatsarany na ny faharatsiany, ka handraisan'izy ireo zanaka lahy sy vavy ny fanabeazana eo amin'ny fiainam-pianakaviana, mahomby na tsy mahomby avy ao an-tokantranom-pianakaviana, araka ny fitsipi-piainan'izy amin'ny trangan-javatra sy ny fifandraisana miharihary isanandro isanandro, eny, fa dia isan'ora.

Manomboka eto, ny ray aman-dreny dia manampy lehibe tokoa amin'ny endriny iray na amin'ny endriny hafa amin'ny fanomanana ireo zanaka lahy sy vavy ho amin'ny fiainam-pianakaviana iray.

Tsara raha tsiahivina eto, fa ny ray aman-dreny dia afaka mandray andraikitra amin'ny fanoloran-kevitra tsy mivantana, amin'ny alalan'ny fifandraisana mifototra amin'ny fitiavana sy ny fifanajana eo amin'izy roa tonta ho fanomanana ireo zanaka amin'ny endriny mahomby ho amin'ny fiainam-panambadiana ho avy.

Ny ray aman-dreny dia mpanolo-kevitra sy mpananatra ary mpitari-dàlana sy mpanazatra ireo zanaka lahy sy vavy, ho fanomanana ireo ambaratongam-panambadiana. Ka ny reny dia mampirisika ny zanaka vavy ho amin'ny fidirana amin'ny fandroana ohatra, ary maka traikefa amin'ny fomba fandroana sy ny mitovy amin'izany, ary ny ankohonana indray mampirisika ny zanaka lahy amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fividianan-javatra sy fividianana ireo zavatra tsy maintsy ilain'ny fianakaviana, ary ny mitovy amin'izany.

Tena marina ny andraikitry ny ray aman-dreny amin'ny fanomanana ireo zanaka sy ny fanabeazana azy ireo dia mavesa-danja tokoa amin'ny fametrahana ireo fitsipi-pahombiazana ho amin'ny fiainam-pianakaviana izay antenaina.

Ny ray aman-dreny dia manana andraikitra amin'ny fampirisihana ireo zanaka, sy fanosehana azy ireo handray tombontsoa amin'ny fanabeazana sy ny toro-làlana manokana, izay atolotr'ireo fikambanana sy ivon-toerana misahana fianakaviana, sy izay manampy azy ireo amin'ny fandraisana bebe kokoa ny fahaizana amim-pahalalana amin'ny fitantanana ny fiainam-panambadiana amin'ny endriny mendrika sy mahomby.

## Tsiahivo ny tombontsoan'ny fanambadiana aminao

Ny ankamaroan'ny olona dia tsy mandinika akory ireo fahasoavan'Andriamanitra, ary tsy manome lanja izany araka ny tokony ho izy, eny, tsy mieritreritra ireo fanomezana sesehena, sy ireo soa maro avy aminy, ary isan'ny endrim-pahombiazana ny resaka mikasika ny fahasoavan'Andriamanitra, sy ny fahatsiarovana izany, ary ny fahafantarana ny lanjany, araka ny andidian'Ilay Mahery sy be voninahitra izany, milaza Ilay Mahery amin'ny teniny hoe: **"fa aoka ianao hanambara ny fahasoavan'ny Tomponao"** (Ad-douha 93.11).

Ary ny fanambadiana dia isan'ireo fahasoavana avy amin'Andriamanitra lehibe tokoa, izay nataony ho fomba amam-panao amin'ireo fomba amam-panao maro eo amin'ny finoana Islamo, ary nametraka izany ho tokony hatao, sy nitia ny fanaovana izany, ary nanao izany fanambadiana izany ho fomba amam-panaon'ilay Mpaminaniny mendrika indrindra Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), raha niteny izy hoe: **"ny fanambadiana dia fomba amam-panaoko, ka izay mankahala ny fomba amam-panaoko dia tsy anisako"**

Ary ny tombontsoan'ny mpanambady matory amin'ny mpitovo mitsangana dia miteny ny Mpaminany (saw) hoe: **"ny mpanambady matory dia mendrika lavitra eo anatrehan'Andriamanitra mihoatra ny mpifehy mitsangana nefa mpitovo".**

Tena marina ny fahasoavana sy ny fanomezana ary ny tombontsoan'ny fanambadiana dia maro sesehena, ka anisan'izany:

## Voalohany: ao anatin'ny fanambadiana dia misy ny famaliana ireo hetahetan'ny vatana sy ny filàna amam-paniriana:

ka ny fanirian'ny vatana dia anisan'ny faniriana maro tokoa manery haingana ny zanak'olombelona, ka ny fanambadiana no mamaly izany fangatahan'ny faniriana izany noho ny fisian'ny tsiro sy filàna lalina ary fahasambarana ao anatiny, ary ny olombelona misaina dia mamaly izany fanirian'ny filàm-batany izany amin'ny fomba manara-dalàna araka ny nandidian'Ilay Mpahary azy, ary ho famaliana ihany koa ny antson'ny filàna ara-boajanahary.

Ny Islamo, dia tsy finoana mandrara ny fanambadiana, na fanapahana ny fankafizana ny fiainana an-tany amin'ny azo atao, izay nanomezan'Ilay Mpahary mahery sy be voninahitra alalana ho an'ny zanak'olombelona, ka teo indrindra ny Mpaminany (saw) dia nisintona ny fijerin'ny olombelona ho amin'izany fahasoavana izany, ary niangavy azy ireo handray izany sy haka tombontsoa amin'ny fahasoavany. Indray mandeha dia nitsidika lehilahy iray antsoina hoe "Oukkâf" ny Mpaminany, ka nilaza taminy hoe: manambady ve ianao? Namaly izy: tsia! Dia niteny indray ny Mpaminany (saw) hoe: moa ve ianao manan-katao? Dia namaly izy: eny. Nilaza taminy ny Mpaminany: aoka ianao hanambady, fa raha tsy izany dia isan'ny mpanonta ianao, amin'ny tatitra hafa moa dia milaza hoe: fa raha tsy izany ianao dia isan'ny relijiozy amin'ny kristianina, ary amin'ny tatitra hafa ihany koa dia milaza hoe: fa raha tsy izany ianao dia isan'ny rahalahin'ny devoly. (Mizânou-l-hikmat v.4 p.372)

Anatin'ny fihetsika manan-danja iray hafa ihany koa, avy amin'ny Imamo Ja'afar (a.s) ny amin'ny fahasoavan'ny fanambadiana, izay nitenenany tamin'ny vehivavy iray; izay nilaza taminy hoe:

Andriamanitra anie hanatsara anao, tena marina aho mbola mpitovo, dia namaly azy ny Imamo: fa inona no maha mpitovo aminao? Dia niteny ilay tovovavy: tsy mila izany fanambadiana izany mihitsy aho, dia nilaza ny Imamo: fa nahoana? Namaly izy: mikaroka ny fahasoavana ao anatin'izany aho, dia niteny ny Imamo: aoka ianao handeha, raha misy fahasoavana ao anatin'izany dia i Fatima (a.s) no mendrika hanao izany noho ianao, satria tsy misy na iza na iza misongona azy ny amin'ny fahasoavana. ( Mizânou-l-hikmat v.4 p.274).

## Faharoa: ao anatin'ny fanambadiana dia misy filaminana sy fahatoniana:

Miteny Ilay Mahery amin'ny filazany hoe:

**"Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany ho anareo avy aminareo ny vadinareo, mba hiainanareo amim-pilaminana miaraka aminy, ary dia nasiany fifankatiavana sy hatsaram-panahy teo aminareo. Misy porofo tokoa ao anatin'izany ho an'ireo olona mieritreritra"** (Ar-rum30.21).

Mazava loatra fa io andininy masina io dia milaza fa Andriamanitra raha ny marina dia nanao ny fanambadiana ho fahatoniana ho an'ny vatana sy ny fo, ary izy no mampisy ny fahatoniana ara-pihetseham-po sy anaty ho an'ny mpivady, ary izany ilay heviny izay azon'ny mpivady tsara rehefa mampitaha ny fiainan'izy ireo sy ny toerana misy azy ireo talohan'ny fanambadiana sy taoriany izy ireo, satria tsapan'izy ireo tsara fa talohan'ny fanambadiana dia nisy zavatra very teo amin'ny

fiainan'izy ireo, ka rehefa nanambady izy ireo dia nahita izany. Ny tebiteby, ny fikorontanan-tsaina, ny tsy fisian'ny fahatoniana dia niaraka hatrany tamin'ny naha mpitovo matetika.

Tena marina ny fanambadiana, dia manazava ny fo sy ny adi-tsaina, ary manala izay zavatra rehetra maneritery ny tratra, sy ny fahasahiranan-tsaina, miteny Ilay Iraka malala-tanana (saw) ny amin'izany: "**ampanambadio ireo mpitovonareo, fa Andriamanitra hanasoa azy ireo ao anatin'ny fitondrantenan'izy ireo"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.273).

Ka hifaranan'ny fahatokanana sy ny fahanginana amin'ny famelana ny tsy fanambadiana, ary hihaonana amin'ilay namana tsy mahafoy, sy ilay sakaiza miaraka amin'ny olontiana, amin'ny fomban'Andriamanitra sy ny fomba amam-panaon'ilay irany.

## Fahatelo: ny habetsahan'ny anjaramasoandro:

Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra dia efa nampanantena izay manambady anjaramasoandro sesehena, satria Izy Ilay Mpanankarena sy malala-tànana, ary ny fampanantenany dia marina sy azo antoka, ka isan'ny fahasoavan'ny fanambadiana, izay nametrahan'Ilay Mpahary Mahery sy be voninahitra toky ny habetsahan'ny anjaramasoandro sesehena, miteny indrindra Ilay Mahery hoe: ' **" Ampanambadio izay tsy manam-bady aminareo, sy ireo olo-mendrika amin'ireo mpanomponareo, lehilahy sy vehivavy. Raha mahantra izy ireo, dia Andriamanitra no hampanankarena azy amin'ny Fahasoavany"** (An–noor 24.32).

ary miteny ny Mpaminany (saw) hoe: **“aoka ianareo handray ny vady, fa Izy hanome anjaramasoandro anareo”** (mizânou-l-hikmat v.4 p.273).

Ary ny mpino dia manaiky ny fampanantenana miafina avy amin’Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra ho an’ireo mpanambady, satria Ilay Mpahary Mahery sy be voninahitra dia manomana ireo antom-pitahiana maro ho an’ny zanak’olombelona manambady, ka hahatsapany ny andraikiny ara-pianakaviana, manoloana ny vadiny sy ireo zanany, manosika azy izany rehetra izany mba hanolorany tena, sy hanome, ary havitrika amin’ny fanohizana ny làlam-piainana mendrika ho azy sy ny ankohonany, ary mety tsy ho feno eo amin’ny mpitovo izany fitondran-tena izany, sy fiezahana ary ny fahavitriana mba hahazoana anjaramasoandro mendrika, ary fahavitriana kely monja dia mety efa ampy, raha somary ambanimbany eo aminy ny hery manosika ho amin’ny asa, sy ny fahavitriana manangona.

Ary azo atao tsara ny misintona tombontsoa amin’ny tenin’ny Mpaminany (saw) raha niteny hoe: “**ampanambadio ireo mpitovonareo, fa Andriamanitra hanasoa azy ireo ao anatin’ny fitondrantenan’izy ireo, ary hampiitatra ny anjaramasoandron’izy ireo, sy hampitombo ny fandraisan’andraikitr’izy ireo”** (mizânou-l-hikmat v.4 p.273)**.**

Ka eto ny hevitry ny hoe fandraisan’andraikitra dia ilay faniriana lehibe hampitombo hatrany ny andraikitra, manosika any amin’ny faran’ny fiezahana mba hahasoa ny tena sy ny ankohonana.

## Fahefatra: ny fiarovana amin'ny fivilian-dàlana:

Amin'ny fotoana izay mampirongatra ireo filàna sy faniriana mafy eo amin'ny olombelona amin'ny lafiny rehetra, ka rakotry ny tontolo rehetra mampirona sy mandrisika azy ho any amin'ny filàna nofo izy, ka misy amin'izany ny manosika azy hamaly ireo faniriana sy filàna mafy; ary ny sentosento ambadiky ny faniriana lalina, ary ny fihainoana ny antson'ny devoly, sy ny fanatanterahana ireo fahotana, hiaro amin'izany anie Andriamanitra! Ary manaraka izany moa dia ireo faharatsiana mandoza miseho amin'ny endrika loza izay faran'ny aretin-dratsy mandripaka indrindra amin'izao fotoana izao, tsy inona moa izany fa ny SIDA, ary ireo aretina maro vokatry ny firaisana ara-nofo, azo vokatry filàna ara-nofo tao anatin'ny fotoana fohy monja nefa tonga any amin'ny alahelo sy fijaliana mandavan-taona. Ary tsy misy olombelona lahy na vavy ho tony sy hilamina araka ny tokony ho izy raha tsy voaaro ao anatin'ny fanambadiana, ary tsy misy mihitsy ihany koa filàna tsara sy fahasambarana raha tsy eo ambany haloky ny fahadiovana sy fanajantena, ary izany rehetra izany dia misy sy ampy tanteraka ao anatin'ny fanambadiana. Ary amin'ny alalany no hifikiran'ny mpivady amin'ireo didin'Andriamanitra be voninahitra, ary hanalavirana ireo fandrarany, ary ao anatin'izany no misy ny fanavotana amin'ny rojon'ny devoly, sy ny fanangoleny ary ny fandripahany, miteny indrindra Ilay malala voafidin'Andriamanitra (saw): **"na iza na iza tanora manambady anatin'ny fahatanorany tanteraka dia mihiaka mafy ny devoly: ô r'ilay ho azy ny loza! Voaaro amiko ny finoany!"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.272).

## Fahadimy: ao anatin'ny fanambadiana no misy ny fitohizan'ny fisianao:

Ny rehetra dia mitovy avokoa, maniry ny hitohizan'ny fisian'ny tenany amin'ny alalan'ny taranaka any aoriany manambara ny aminy, ary amin'ny alalan'ireo zanaka mitandrina mandrakariva ny fahatsiarovana azy, sy maneho ny fitondrantenany mendrika, ary mameno ny tontolo amin'ny fahatsiarovana an'Andriamanitra.

Miteny Ilay Iraka malala-tanana (saw): **tsy misy misakana ny mpino amin'ny fakana vady, ary angamba Andriamanitra hanome anjaramasoandro azy amin'ny alalan'ny olombelona, ka havesatra ny tany amin'ny alalan'ny tsy misy andriamanitra afa-tsy Allah (Andriamanitra tokana)"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.272).

**Fahaenina: ao anatin'ny fanambadiana no hanehoana ny fankasitrahana an'Ilay Tompo:**

sy hamaliana ny didiny, amin'ny alalan'ny fanarahana ny fomba amam-panaon'ny Irany (saw), ary ao anatin'izany no misy ny fanomezana lehibe sy valisoa, miteny ny tatitra avy amin'ny Imamo Sadiq (a.s): **"ny vavaka misy rak'at anankiroa izay ataon'ny lehilahy iray manambady dia mendrika lavitra mihoatra ny lehilahy mpitovo mivavaka amin'ny alina sy mifehy ny antoandro"** (Al 'ourwatou-l-outhqâ bâbou-n-nikah assayed Al yazdi)

**Fahafito: ny fiitaran'ny ankohonana:** ny fanambadiana dia miantoka tanteraka ny seha-pifandraisana ara-piaraha-monina sy ara-pianakaviana, ka ny maha vinanto sy ny maha rafozana dia mampifandray ireo fianakaviana maro, sy mifanalavitra, na manamafy tokoa ny rohim-pihavanana izay

efa nisy. Ary tsy miafina amin'iza n'iza ny tombontsoa amin'ny fisian'ny fifandraisana ara-pianakaviana sy ara-piaraha-monina ary amin'ny maha olombelona, ao aminy tanteraka ny fotoanan'ny fifandraisana, ka ny fahamboniana sy ny fahasoavana ary ny voninahitra no setrin'izany,izany rehetra izany moa dia noho ny fahasoavan'Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra, izay nanao ny fanambadiana ho rohim-pihavanana sy ho mpihoatra.

Miteny Imamo Al kâzimo (a.s) manambara ny hevitr'izay efa voalaza teo: **"raha tsy nisy andininy nidina na fomba amam-panao narahina, dia nataon'Andriamanitra ho fanaovantsoa ho an'ny akaiky ny fanambadiana ary rindram-pihavanana ho an'ny lavitra, mitia azy tanteraka ny misaina sy ny maranitra, ary mandeha haingana ho eny aminy izay nahazo fitahiana sy tojo fahamarinana"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.273).

## Mba hahatonga ny fanambadianareo roa ho feno fahasoavana

Ny mpivady tsirairay dia samy maniry mba ho eo ambany halokaloky ny fahasambarana, ary mba hiaina anaty fiainam-panambadiana homban'Ilay Tompo be voninahitra sy avo indrindra fahasoavana, ary na dia miezaka ho amin'ny fiainam-panambadiana sambatra sy feno fahasoavana aza ny rehetra, dia tsy tanteraka izany fanantenana izany raha tsy ho an'ny sasantsasany ihany, misy mantsy ny fiainam-panambadian'ireo sasany no voahodidina fahasahiranana sy lesoka maro mampikorontana ny fahadiovany ary manary ilay tsirony tsara indrindra, izany rehetra izany dia mety mitranga tsy hoe

fanahiniana akory, satria raha ny marina ny sasany amin'ireo fihetsika avy amin'iray amin'ireo mpivady dia mitarika fikorontanana maro, na dia avy amin'ny fikasana tsara aza izany.

Ary ao anatin'ity andalana ity, no misy ny fanampiana ireo mpivady mba hiala tanteraka amin'ireo lesoka izay mampikorontana ny fahadiovam-piainan'ny mpivady, ary manala ny fahasahiranany, ka anaovany izany ho feno fahasoavana, ary hitombenany eo amin'ny fanantenam-pahasambarana.

## Aza alefa lavitra ny masonao:

Ny ankamaroan'ireo mpivady, na lahy izany na vavy, dia tafalatsaka ao anatin'ny fahadisoana mamono; rehefa avela halalaka ny tena amin'ny fikasana sy ny faniriana tsy misy fetra, ka dia lasa lavitra ny mason'izy ireo mandinika izay any amin'ireo hafa amin'ireo fananana, sy amin'izay fahasoavana nomen'Andriamanitra azy ireo amin'ireo karazam-pahasoavana, ary dia velom-pialonana izy ireo amin'ny fijerena izay eny amin'ny hafa amin'ireo zava-poanan'ny fiainana an-tany, misava tanteraka ny rehetra madinika indrindra sy ny lehibe; ary maniry ny tenan'izy ireo hahazo izay ananan'ny hafa, toy izany koa izay tafian'ny hafa; avy eo izany faniriana mafin'ny tena izany, sy ny firesahana amin'ny tena izany dia lasa fitakiana miharihary amin'ny hafa mba hamaliana sesehena amin'ny rendrarendran'ny fiainana an-tany, ka hitenenan-dravehivavy ohatra amin'ny vadiny hoe: moa ve tsy hitanao ny vadin-dranona, ahoana ny hankafizany ny fahasambarana amin'ny fitafiany, ireo mpanampy azy, moa tsy hitanao ve ny tranon'izy ireny mafy sy vita amin'ny vato; moa tsy hitanao ve ny fiaran'izy ireo vaovao..moa ve tsy..moa ve tsy..ary tsy mitsahatra mihitsy ny faniriana sy ny fitiavana maro samihafa, ny lelany dia toy ny milaza hoe: moa ve mbola misy fanampiny. Ary izany dia

mety hiseho ihany koa avy amin-dralehilahy rehefa mampitaha ny vadiny amin'ny hafa izy, ny hafa izay tsara kokoa; ary mandinika etsy sy eroa ny masony, iry mpiasa, ny iray hafa tsara tarehy sy malaika..avy eo izy miaina ao anaty faniriana fotsiny!

Tena marina ny fiainana tsikelikely ao anatin'izany tranga izany, avy amin'ny iray amin'ireo mpivady dia mitondra ny fiainana ara-panambadiana ho an'ny amin'ny fijaliana. Satria tsy isan'ny fahendrena ny hanarahan'ny olona ny filàny sy ny faniriany, nefa etsy andanin'izany ny fampianaram-pinoana dia mitaona amin'ny fanalavirana tanteraka izany fahadisoana izany, ary ny hiadiana aminy, satria izany dia misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny olombelona, fiasantsaina sy fahatezerana.

Miteny Ilay Iraka malala-tànana hoe: **"n'iza n'iza manopy ny fijeriny amin'izay eny ampelatànan'ny hafa, dia hitombo ny fiasantsainy, ary tsy ho sitrana ny hatezerany"** (Mizânou-l-hikmat v.8 p.84).

Ary miteny Ilay Mahery: **"Ary aza atopinao any amin'izay fahafinaretana mandalo nomenay hifalian'ny mpivady sasany amin'izy ireo ny masonao, tahaka ny ravaka ny fiainana hisedrana azy ireo ireny.Tsara sady maharitra izay omen'Andriamanitra"** (Ta.ha 20.131).

Mba tsy hanarahan'ireo mpivady ny fijery ratsy sy maharitr'izy ireo etsy sy eroa, dia mifono fahamarinana maro io andininy io, ho an'ireo mpivady mba hametraka izany fijery izany amin'ny tokony ho izy:

1- Tena marina ny fahafinaretan'ny fiainana an-tany, izay nomen'Ilay Mpahary ny olombelona dia mety ho fitsapana sy fakam-panahy ho azy ireo, ary rehefa tsy tafita tamin'izany fanadinana sy

fitsapana izany izy ireo dia mety ho loza ho an'ny tompony izany fahasoavana sy hafaliana izany, ka tsy tokony ho velom-pialonana amin'izay izy ireo, ary tsy tokony haniry sy handinika izany ihany koa ireo manan-tsaina raha ka toy izany ny zava-mitranga.

2- Mampatsiahy ny olombelona io andininy io fa izay eo am-pelatànan'ny olona amin'ireo fahasoavana sy anjaramasoandro dia fahatsarana ho azy, ary ao anatin'izany ny soa sy ny tsara, ka izay mahalala fa ny kely amin'ny andro iray ka hiova ho fahatsarana sesehena izany eo am-pisian'ny fahaiza-mionona sy fo feno fisaorana ary fankasitrahana avy amin'ny olombelona, ary marina ihany koa ny mifanohitra amin'izany; izany hoe hiova ho zavatra tsy misy dikany ny sesehena! Ary ny tsara ho ratsy, ny fananan-karena ho fahantrana!

Ary azo avy amin'ny tenin'ny Mpaminany, fa tena marina ny fiafaran'ny olona izay mijery am-pandinihana lalina sy am-paniriana fatratra havanana sy havia dia hiangona ireo alahelo samihafa, ary hiverimberina ireo fahadisoana, ho feno hatezerana sy hahasosorana, izay mahavery ny filaminam-panahy sy ny fahatoniany, ka tsy hiaina anaty fialan-tsasatra na oviana na oviana.

Ary mba hahazoan'ny olombelona ny fialan-tsasatry ny saina, ka tsy hilatsahany anaty fandriky ny devoly dia mamela ny fijery ratsiny izy, ka tokony izy:

- Tsy manisy fihetseham-po amin'ny fijerena izay fahasoavana sy fahatsarana eny amin'ny hafa, tsy manisy ihany koa fahatsapana fa osa sy ambany, sy izay rehetra asa saina haterak'izany, fa tokony hitandrina sy hatahotra an'Andriamanitra ny zanak'olombelona, ary tokony hanamafy ny fahitsiana sy ny finoana amin'ny tenany izy, ary hikaroka ireo fahasoavana izay tiany ho hita eo anatrehany amin'ny fomba araka ny lalàm-pinoana, satria ny anjaramasoandro dia mitaky ezaka sy mila fahazarana, ary

adidin'ny olombelona ny miezaka farany izay tratrany amin'ny famaliana ireo filàny sy ireo fangatahan'ny fianakaviany, tsy amim-pandanindaniana sy am-pirobarobana, ary amin'ny endrika eken'ny saina.

- Ary raha toa ka voafetra ny hery sy ny fahafahan'ny olombelona, izay tsy mamela azy manao mihoatra izay eo am-pelatànany, dia tokony hankasitraka sy ho faly amin'izay nozarain'Ilay Mpahary Mahery sy be voninahitra ho azy izy, ary hionona amin'izay nomeny azy tsy misy fitsiriritana amin'izay eny am-pelatànan'ny olon-kafa **"haratsiana ho an'ny mpino tokoa ny fananany fitiavana izay manambany azy"** (Mizânou-l-hikmatv.5 p.553).

Miteny indrindra ny Imamo Al Kâzimo (a.s): "tena marina ny fitsiriritana dia fanalahidy ho an'ny fahambaniana, ary fahadisoam-pisainana, fahasamihafan'ny fandraisana andraikitra, fandotoana ny voninahitra, ary fanariana ny fahalalana" (Mizânou-l-hikmat v.5 p.555).
Miteny ny Imamo Sadiq (a.s): **"aoka ianao hionona amin'izay nozarain'Andriamanitra ho anao, ary aza mijery an'izay eny amin'ny hafa ankoatra anao, ary aza maniry izay tsy azonao, fa izay mionona dia voky, fa izay tsy nionona kosa dia tsy voky, ary raiso ny anjaranao amin'ny fiafaranao"** (Mizânou-l-hikmat v.8 p.284).

## Ny fandanjalanjana amin'ny fandaniana:

Mieritreritra amin'ny fomba diso ireo mpivady sasantsasany, rehefa mihevitra fa ny olombelona isaka ny mandany amim-pandanindaniam-poana sy amin'ny endrika tafahoatra ao anatin'izany, dia ho

ambony ny toeram-boninahiny manoloana ireo mitovy aminy, ary hanjary hiavaka izy, indrindra indrindra ao anatin'ny fotoam-panambadiana, indrindra moa ireo vehivavy mpanambady izay mihevitra fa ny fandanjalanjana amin'ny fandaniana dia fahihirana sy fanamaivanana ny zon'izy ireo, ka izy ireo amin'izany dia tsy ho ambany amin'izay hafa ankoatra azy ireo amin'ny haja amam-boninahitra! Ary dia mitsangana manery mafy ny vadin'izy ireo mialoha sy aorian'ny fanambadiana, mba ho famaliana ny fampitomboana misimisy kokoa ny fangatahan'izy ireo, ka ilay lanonam-panambadiana tanaty faniriana sy hetaheta lehibe aorian'izany dia hiafara amin'ny fisian'ny trosa lava sady mavesatra, izay mitaky taona maro lava ihany koa ny fanefana azy, ary aorian'izany dia eo ambany vahoan'ny fahasahiranan-tsaina ami'ny trosa  ralehilahy, izay anisan'ny mitondra any amin'ny tebiteby, manimba ny fiainam-panambadiana ary mahatonga azy iharan'ny fikorontanana, sy fahasahiranana ary olana isan-karazany!

Eto dia manamafy ny fampianaram-pinoana ny amin'ny fandanjalanjana amin'ny fandaniana, sy ny fitsitsiana. Voalaza avy amin'Ilay Iraka malala-tànana (saw) izay niteny hoe: **"Ny fitsitsiana dia antsasaky ny fivelomana"** (Mizânou-l-hikmat v.8 p.138).

Avy amin'ny Imamo Ali (a.s): **"izay mitsitsy ao anatin'ny harena sy ny fahantrana, dia efa nanomana ny fivadibadiky fotoana"** (Mizânou-l-hikmat v.8 p.138)

## Ny hamaroan'ny vodiondry (mahr: vola na zavatra omena an-dravehivavy halaina vady) dia haratsiana:

Ny trosa dia mitoetra ho fahasahiranan-tsaina amin'ny alina, ary fanambaniana amin'ny antoandro, araka izay voalaza amin'ireo filazana sy tatitra avy amin'ny Mpaminany, ka eto dia nametraka ny fampianaram-pinoana fa ny habetsahana sy ny hamaroan'ny vola na zavatra omenan-dravehivavy dia faharatsiana ho an'ny fiainam-panambadiana, fa miantso kosa izy any amin'ny fanamorana ny fanomezana sy ny fanakelezana ny vodiondry (mahr), satria izany dia vao maika mampitombo ny fahaterena ara-bola mihatra amin-dralehilahy, izay mamery aminy ny fahafahana amin'ny fandaniana kely sy mora , ka izany rehetra izany dia hiova ho enta-mavesatra eo amin'ny fiainam-panambadiana, indrindra rehefa miova ho an'ny amin'ny fandaniana ny filàna, na mitranga ny tampoka; na misy tranga amin'izy ireo mitaky fampitomboana ny fandaniana.

Miteny ny Mpaminany (saw): **"Aoka ianareo hanamora ny fanomezana, fa tena marina ny lehilahy dia hanome an-dravehivavy, ka hitoetra hatrany eo aminy izany, ary feno fahasiahana ravehivavy"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.279).

Izany rehetra izany dia noho ny rahavehivavy mampitondra vesatra ny lehilahy vokatry ny trosa.

Fa ireo filazana maro dia mametraka fa ny fampitomboana ny fandaniana amin'ny vodiondry (mahr) dia faharatsiana. **"fa ny faharatsian'ny vehivavy dia ny fahabetsahan'ny vodiondriny (mahr) sy ny tsy fankatoavany ny vadiny"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.279).

Ary raha sarotra ny olana, miangona ny trosa, ary mivangongo ny adin-tsaina sy ny alahelo, mihamiafina ny tsikitsiky ary milatsaka ny olana samihafa, mitranga ny rivotry ny tebiteby sy ny fitaintainana eo amin'ny fifandraisana ara-panambadiana.

## Ny fikasana tsara:

Any ho any dia misy trangan-javatra maro hita eo amin'ny fiainana; izay manana ny fiantraikany eo amin'ny tena fiainan'ny olona, eny fa na dia tsy jerena loatra aza izany, ary raha ny marina, isika dia tsy mahafantatra hoe ahoana no ipetrahany eto amin'ny fiainana anatin'ny fahanginana, ny rehetra fantatsika mikasika azy dia ny fiantraikany sy ny fiasany izay mitovy aminy, mitovy amin'ireo trangan-javatra maro tsy hita maso izay mamela ny dindony sy ny vokany, na dia aty aoriana be aza, eny fa na dia tsy tsapantsika aloha ihany koa aza ny vokany. Ary izay rehetra fantatsika ny aminy dia manana fiantraikany tokoa eo amin'ny fiainantsika izy, ka anisan'izany trangan-javatra izany ny fikasana mendrika sy tsara, izay any anatin'ny olombelona any, ao am-pony, ary entiny miaraka aminy eo amin'ny seha-piainana maro samihafa, ka lasa famantarana ny fitondrantenany.

Ka ny fiainana ara-panambadiana dia isan'ny seha-piainana miseho maro izay mitaky fikasana tsara mba handrotsahan'Andriamanitra ny fahasoavany amin'izany, ary mandefa ao anatin'izany ny rivom-pahasambarana, sy manome fitahiana amin'izany.

Miteny ny Imamo Ali (a.s): **"n'iza n'iza manatsara ny fikasany, dia omena azy ny fitahiana"** (Mizânou-l-hikmat v.10 p.288).

Ny tena zava-misy, ny sasantsasany amin'ireo mpanambady, lehilahy na vehivavy, dia very amin'izy ireo ny toetra toy izany, ka dia mangataka fitahiana izy ireo noho izany, ary solafaka ny dian'izy ireo amin'ny farany, ny sasany manosika azy ny faniriany fatratra, sy ny hetaheta mafy ho amin'ny fanambadiana mpiasa, tsy misy zavatra hafa afa-tsy ny fitiavany ny haren-dravehivavy ihany; ny hafa indray, manosika azy any amin'ny fanambadiana ny faneren'ny havany azy, izay mila mampanambady azy ohatra, izany faniriana sy ireo hery manosika rehetra ireo manimba izay manana azy, ary manimba ihany koa ny fiainany ara-panambadiana izay tsy fantany akory ny fiaviany, ka hiakaran'ny fahasoavana aminy, miteny ny Imamo Ali (a.s): **"Eo am-pahasimban'ny fikasana dia miakatra ny fahasoavana"** (Mizânou-l-hikmat v.10 p.281). Ary amin'izay fotoana izay ihany, dia tsy afaka ny hanatanteraka ny faniriany akory izy, toy izany no hitenenan'ilay nanjavona aminay, ary toy izany ihany koa hilazan'ireo filazana masina, voalaza fa ny Mpitarika ny mpino (a.s) dia nilaza hoe: **"n'iza n'iza manaratsy ny fikasana dia voasakana ny faniriana"** (Mizânou-l-hikmat v.10 p.281).

Toy izany no hanakanan'ny fikasana ratsy ny fahatongavan'ny fahatsarana sy ny fahasoavana, any amin'ny tompony, etsy andaniny anefa, mahafinaritra ny fiainana ary madio ho an'izay manatsara sy manao izay hahamendrika ny fikasany, ka raha fanambadiana izy, dia miala amin'ny alalan'ny fikasany ny faharatsiana sy ny hevi-dratsy ary ny fitaka, sy ny mitovy amin'izany, ka dioviny tanteraka ny fikasana tsy misy fahalotoana, ary manantona ny tadim-panantenany amin'Ilay Mpahary azy, ka ny fanohitra eo aminy dia ny fitiavana sy ny fanajana, ary ny fahatsaram-pifandraisana, ny fangatahan'ny zanaka hendry sy ny mitovy amin'izany. Firifiry ny vokatra nahatalanjona naterak'izany fikasana tsara izany teo amin'ny tena fifandraisan'ireo mpivady, sy teo amin'ny fiainan'izy roa amin'ny endriny ankapobeny.

Miteny ny Imamo Ali (a.s): **“Ny fahatongavan’ny olona amin’izay rehetra tadiaviny amin’ny fahatsaram-piainany, sy ny fahatonian’ny làlany ary ny habetsahan’ny anjaramasoandrony, dia amin’ny alalan’ny fikasan-tsarany sy ny hatsaram-pitondrantenany”** (Mizânou-l-hikmat v.10 p.286).

Ny filazana dia mijanona eo amin’ny fahatsaram-pikasana amin’izay rehetra irin’ny olombelona sy tadiaviny; moa ve izany tsy manamarina ny filazana hafa: **“amin’ny alalan’ny fikasanareo no hanomezana ny anjaramasoandronareo”.**

Ary amin’ny filazana hafa: **“n’iza n’iza manatsara ny fikasany; dia hihamaro ny valisoany, ary ho tsara ny fiainany, tsy maintsy tiavina izy”** (Mizânou-l-hikmat v.10 p.286).

## Ny fifandrimbonana ara-pinoana:

Ny olona sasany dia mety manamaivana ny hevitry ny fifandrombonana ara-panambadiana, ka mametraka izany fotsiny ho fifandraisan’ny mpivady amin’ny heviny an-tsisin’ny fahasambarana ara-panambadiana, izay hisian’ny fandaniam-potoana amin’ny fiaraha-miantsena sy fitsangatsanganana miaraka, amin’ny dia lavitra na fohy, na ihany koa fanaovana dia any amin’ireo renivohitra maro mahafinaritra sy mahatalanjona, nefa raha ny marina, izany dia ampahany ihany amin’ny hevitry ny fifandrimbonana ara-panambadiana, ary ny hafa moa dia trangan-javatra mahafinaritra sy takiana manam-petra sy eken’ny saina, ao anatin’ny fiainana ara-panambadiana.

Nefa tena marina, ilay ampahany hafa izay very amin'ny hevitry ny fifanomezan-tànana ara-panambadiana,dia ilay mifamatotra amin'ny fifanomezan-tànana ara-pinoana, eo amin'ny mpivady toy ny fandaniana ny fotoana miaraka amin'ny tontolo ara-pinoana sy ara-panahy, toy ny famakiana tonom-bavaka miaraka, na fanatrehana vavaka fanompoana iraisan'ny daholobe (salatou-l-jamâ't), na ny fandraisana anjara miaraka amin'ny fanatanterahana asa soa, toy ny fiahiana ireo zaza kamboty, ny fampanambadiana ireo tanora, fanampiana ny fianakaviana mahantra, sy ny mitovy amin'izany. Tena marina, izany tontolo ara-pinoana izany, izay hiraisan'ny mpivady dia manome azy roa ireo ny tanjaka ara-pinoana lehibe tokoa, ary manamafy ihany koa ny fifamatoram-pitiavana sy ny fisakaizana lalina eo amin'izy ireo, satria ny sehatra ara-panahy sy ara-pinoana vaovao dia mampatanjaka ny fifandraisana ara-panambadiana, ary efa niorina tamin'ny finoana, sy ny fahadiovam-po, ary ny fikarakarana ny hafa, tsy azo isalasalana  fa tena marina ireo asa sy ny fikarakarana ny hafa ary ny fanatrehana ny tontolo ara-pinoana dia manana vokany tsara sy mendrika eo amin'ny olona, ka anisan'izany ireo mpanambady, ny asa soa mantsy dia manosika ny faharatsiana hiala amin'ny tompony, ary feno fahasoavana ny asan'izy ireo sy ny fahavelomany ary ny anjaramasoandrony, sy ny fiainan'izy ireo; ary voataiza ao anatin'izany amin'ny fitondrantena tsara izy ireo, ary ny fanolorantena noho ny anton'ireo hafa, sy ny mitovy amin'izany, ka ny voalohany mahazo tombontsoa amin'izany dia ny mpivady roa izay voataiza sy mirihariha toy ny mpivady eo ambany haloky ny rivo-pinoana mifanohana ny andaniny sy ny ankilany,  ary Andriamanitra dia mitsodrano ny fifandraisana ara-pinoana rehetra, ka ahoana ianao raha tafiditra miaraka amin'izany fifandraisana ara-panambadiana feno tsodrano izany.

Ary raha toa ny tontolom-pinoana ka toeran'ny famindram-po sy ny fahasoavana amin'ny fiainana ara-panambadiana, dia mazava izany fa ny tontolon'ny fahotana dia mifanohitra amin'izany. Tena marina ny fifandrimbonan'ny mpivady amin'ny fanatanterahan-javatra; sy fiarahan'izy ireo mandray fanapahan-kevitra iray, ka mandala izany hatrany ary mifanome toky mba ho lavitry ny tontolon'ny

fikorontanana ny fanambadian'izy ireo, ary lavitry ny fahambaniana voarara ihany koa, izany dia fiantombohan'ny fahamendrehana sy ny fahatsarana, ary dingana ao anatin'ny diam-pitahiana avy amin'Andriamanitra, tombontsoa sy fahasoavana eto an-tany sy any an-koatra.

Miteny indrindra Ilay Matanjaka: **"Mianiana amin'ny fotoana Aho,fa anatin'ny fahaverezana tokoa ny olombelona, afa-tsy ireo nino sy nanao asa soa, ary nifampitaona amin'ny marina; sy ny nifampitaona amin'ny faharetana"** (Al 'asr 103.1/2/3)

Ary tsy isalasalana fa ny fifaneken'ny mpivady amin'ny fanaovana asa soa sy ny fanalavirana ireo fahotana, dia fanamarinana ireo andininy masina ao amin'ny Toko Al 'asr (ny fotoana) izay manambara ny tombontsoa sy ny fandresena ho an'izay manao asa soa, manomana ihany koa ho an'ireo hafa ny fatiantoka.

## Ny fifanajana eo amin'ireo mpivady

Ny fahombiazana na ny faharendrehana amin'ny fiainana ara-panambadiana dia tsy tonga tsy nampoizina na kisendrasendra; na tsy nisy fiandohana, ary izany trangan-javatra izany dia tsy vintana akory na anjara, toy ny sasany izay miezaka mamitaka ny tenany rehefa amin'ny tsy fahombiazana eo amin'ny fiainany ara-panambadiana, amin'ny fitenenana fa izany trangan-javatra izany dia vintana sy

anjara! Ary ny tsy fahombiazana dia toy ny zana-tsipika jamba ka mikapoka fahatany, ary tahaka ny hoe lahatra izany ka tsy misy idiran'olombelona amin'ny fandrafetana azy.

Ary ny marina, ny fahombiazana dia manana ireo fanohitra sy antony mahatonga azy, ary dia torak'izany ihany koa ny tsy fahombiazana, misy ireo olana, sy ireo mitarika amin'izany, ary amin'ny farany, ny fahombiazana sy ny faharendrehana eo amin'ny fiainam-panambadiana dia miverina amin'ny andaniny sy ankilany eo amin'ny fifandraisana ara-panambadiana, ary tsy misy ankoatra azy roa ireo. Tahaka ny tsy hiverenan'ny fahombiazana sy ny faharendrehana ihany koa matetika any amin'ny andaniny tokana ihany, fa iarahan'ny mpivady ny fandrafetana azy, eny fa na dia avy amin'ny fianakaviana tsy mitovy aza ny roa tonta, ka ravehivavy ohatra dia mety manao fahadisoana 40%, fa ralehilahy kosa dia mety manao fahadisoana 60%, na mifanohitra amin'izany. Nefa, ary hamafisina, sy marina tokoa, fa tsy misy n'iza n'iza afaka hanamarina fa ny tsy fahombiazana dia vokatry ny anjara, na nitranga noho ny kisendrasendra! Tsy ekena anefa izany, ary ireo manan-tsaina ihany koa dia tsy manaiky izany, mifanohitra amin'ny rafitra ara-boajanahary napetrak'Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra, amin'ny fiainana miorina amin'ireo anton-javatra sy ireo mahatonga ny anton-javatra, amin'ny firafetan'ny trangan-javatra sy ny fisehoana eo amin'ny tontolo sy ara-piaraha-monina… **“ Iazao, izany dia avy amin'ny tenanareo..”.**

Raha ny marina, ny andaniny sy ny ankilany eo amin'ny fifandraisana ara-panambadiana dia na ny fahombiazana na ny faharendrehana no iantombohan'izy ireo, ary azon'izy ireo atao tsara ny manao ny tokantranony ho paradisa an-tany, nefa etsy andaniny azon'ireo atao ihany koa ny mandrehitra izany ho afo sy helo!

Ka eto dia adidintsika ny mahafantatra ireo tena hery fanohitra sy fototry ny fiainana ara-panambadiana mahomby, ary ny finoana sy ny fanatanterahana ny fampiharana izany amin'ny endrika madio avy amin'ny mpivady roa tonta.

## Ny fifanajana ifamaliana eo amin'ireo mpivady:

Ny fifanajana takiana eo amin'ny fifandraisana ara-panambadiana: fanomezana lanja ny vady sy fanajana ary fanamboniana azy, fanomezana lanja ny faniriany ihany koa, sy ny heviny, ary ireo filàny lalina manara-dalàna, raha tsorina dia ny fifampitondrana tsara sy feno fahendrena.

Ka ny takiana amin'ny ralehilahy ohatra: dia ny fandalany ny fampisiana hatrany ny fanajana, sy ny fitandremana izany. Ny amin'ireo olana izay tonga eny amin'ireo mpitsara na eny amin'ireo mpampihavana dia manazava fa ny ankamaroany sy amin'ny ankapobeny amin'izany dia miverina any amin'ny fihoaram-pefy isan-karazany ataon-dralehilahy, izany moa dia miverina any amin'ny fomba fihevitra sy fanabeazana ara-piaraha-monina, izay tsy manome lanja ny anjara toeran'ny vehivavy; ka manamaivana ny momba azy ireo; ny fitondrana azy matetika ho ambany hatrany, ny fanakelezana ny fanajana sy ny fanamboniana azy, indrindra amin'ny maha vady azy, satria ny vady eo amin'ny kolon-tsaina ara-piaraha-monina, dia vehivavy tsy ampy fisainana, ary ny tena mampalahelo, ny sasany amin'ireo lehilahy izay niharan'ny zava-misy ara-piaraha-monina dia mampandre ireo vadiny teny mafy sy mandratra ary mahamenatra, izay manambany ihany koa ny voninahiny, ka hahatsapan'izy ireo fahambaniana sy fahamaivanana.

## Fahazoana diso:

Ny sasany moa dia manararaotra ny hevitry ny mpitarika na lohany araka ny finoana; mba hampisiana fahavoazana lehibe ara-tsaina sy ara-batana ho an'ny vehivavy, izay hanazavan'izy ireo fa ny mpitarika na ny lohany dia zon-dralehilahy malalaka tanteraka ny manjakazaka amin'ny vadiny, ka hitazonina tsotra izao ireo zon'ny vehivavy, ary hanereny ny vadiny amin'izay tsy ananany zo akory amin'izany, sy amin'izay tsy vitany akory, ny fanabeazana araka ny finoana Islamo anefa dia alavitra izany tanteraka, ary ny toro-lalàny sy ny fanabezany izay miantso ho any amin'ny fifampitondrana mahitsy sy feno fahendrena.

Ary Ilay Mpahary Mahery sy be voninahitra dia efa nandidy ireo mpivady hifampitondra amim-pahatsarana sy amim-pahamendrehana, miteny indrindra Izy hoe: **"ary aoka ianareo hitondra azy ireo amim-pahatsarana".**

## Ny vahatra:

Tokony isika hitodika any amin'ny olan'ny fifampitondrana tsy mahomby miaraka amin'ny vehivavy, ao anatin'ny fiainam-panambadiana, izay mety hiverina any amin'ny fandrafetana ankohonana mihitsy, sy ny fanabeazana ara-pianakaviana diso, raha toa ohatra mahazo fanomezan-danja manokana ny zanaka lahy, dia mandefitra hatrany amin'ny fahadisoany ireo ray aman-dreny, ka hahitany fotoana hanjakazakana amin'ny anabaviny, ary mety mahita ny rainy izy manambany ny reniny sy manamaivana ny anjara toerany mihitsy eo anatrehany, ka dia hifindra any am-pon'ny zanany izany

aretin-drainy izany, ka hitondrany miaraka aminy io endri-pitondrantena io, sy ny toetra ratsy ho any amin'ny tokantranom-panambadiana.

## Ny fahatanjahana diso:

Mifanakalo teny miafina amin'ireo namany ireo tanora sasany, ka mifampibitsibitsika ny tsirairay amin'izy ireo amin'ny hafa, eo amin'ny fifanekem-panambadiana, ary ao anatin'ireo andro voalohany, fa hampiseho ny tena maha lehilahy azy, amin'ny endriny miharihary manoloana ny vadiny, ary miaina miaraka aminy sarotiny dia sarotiny tokoa, araka ilay filazana mihitsy aza manao hoe: "manome ny vadiny voamaso mena"; sy mampatahotra azy, ary mampitandrina azy hatrany mba tsy hihoarany ny fefiny.

Ny sasany indray moa, dia mitatitra ny fahatanjahany sy ny heriny eo anatrehan'ny vadiny, fa izy dia nampangina tanteraka ny vadiny! Ary tsy nitodihany tarehy akory! Ary mety ho tonga hatrany amin'ny famelahana teha-maina azy mihitsy, sy ny famonoana azy! Izany no antsoina hoe fiantsiana ny hafa amin'ny fihetsika toy izany, ary fanehoana ny tanja-dehilahy sy herin-dehilahy!

Tena marina izany fitondrantena mirefarefa amin'ny tany izany izay miditra ao anatin'ny sehatra ratsin'ny fitondrantena miaraka amin'ny vady, dia fihemoran'ny kolontsaina sy tsy mampandroso ary mampalahelo; izay tokony hampialana tanteraka ao an-tsaina sy  amin'ny tena, ary manohitra azy ihany koa ny fampianaram-pinoana, manda azy ny fanahy madio, ary mitsipaka izany ny tanja-dehilahy mahitsy; ary tsy misy mandeha any amin'izany afa-tsy izay rehetra mpanome tsiny araka ny

hita amin'ny filazana voarakitra: **"tsy misy manaja azy ireo afa-tsy ny malala-tanana, ary tsy misy manambany azy ireo afa-tsy ny mpanome tsiny".**

Marina tokoa fa ny fanajana ny vady dia tsy fahalemena akory, tahaka izay heveran'ny sasany azy, sy aparitany, fa fanaraham-pinoana marina, sy fahatokiana ny fampianaram-pinoana izay mitarika any amin'ny fahamendreham-pitondrantena, sy fifampitondrana tsara miaraka amin'ny vady, ary famelana ny fitondrantena ratsy.

Ary Ilay Iraka malala-tanana (saw) dia efa nampilaza tokoa ireo mpino silamo indray andro rehefa nandeha an-tongotra taorian'ny razan'ny mpanara-dia azy iray; ka tsy nitafy kiraro, avy eo nampiditra ny razana tao am-pasany. Ary rehefa nanontaniana ny amin'ny tsiambaratelon'ny fanomezana lanja izany mpanara-dia maty izany ny Mpaminany (saw), dia niteny ho fanazavana ny tanjona ny amin'izany rehetra izany, hoe: **"tena marina aho, dia matahotra azy, ny amin'ny faneren'ny fasana, satria izy taloha nanao ratsy ny vadiny".** Izany dia fampitandremana miharihary ho an'izay rehetra manao ratsy ny vadiny, ary miala tanteraka tsy hanao izay rehetra mahatezitra an'Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra amin'ny vadiny.

## Inona no hamalianao ny Tomponao?

Ary inona no hamalian'ny mpanao ratsy ny vadiny amin'ny andron'ny fitsarana rehefa anontaniana ny amin'izany izy, ary inona no fialantsininy amin'ny andro itsanganana eo anatrehan'Andriamanitra, raha toa nanao ny tsy rariny tamin'ny vadiny izy, ka ireo zo rehetra tamin'izany andro izany dia miverina

amin'ny tompony, ho valiana amin'ny mpanao tsy rariny izay nahazo ny voan'ny tsy rariny, eny fa na dia vady aza izy, saingy manjakazaka! Dia torak'izany ihany koa ho valiana ny vehivavy mpanao tsy rariny na dia vady aza izy! Tsy misy fahasamihafana, tena marina izany dia tranga sarotra tokoa…

Adidintsika noho izany ny miverina amin'ny tenantsika matetika sy miverimberina amin'ny fomba fitondrantsika ny vadintsika, ary hamerenantsika izay mifanaraka aminy, amin'ny fanitsiana ny fitondrantenantsika, ary adidintsika ihany koa ny manitsy izay lesoka raha misy, eny fa dia andraikitsika ny mampiakatra sy manatsara ny fomba fitondrantsika ho amin'ny ambaratongan'ny fangorahana sy fanaovantsoa, satria isika dia nodidiana ny amin'izany..

Ary tokony koa isika hahatsiaro fa ny teny vitsivitsy feno fankahalana, ary fitondrana mafy sy henjana dia mety hanakana ny fahatsarana sy ny fitahiana amin'ny olombelona taona maro eto an-tany mialohan'ny any an-koatra**..”aoka ianareo hamindrafo amin'izay eto an-tany, fa hamindrafo anareo izay any an-danitra”.**

## Anao ny vokatsoa voalohany:

Ny fifandraisana tsara sy ny fifanajana ifamaliana dia miverina amin'ireo mpivady ny akony sy ny vokany tsara, dia ny fahatoniana ho an'ny tena izany, ny fahamafisan'ny fitiavana lalina eo amin'ny mpivady, ary ny fiainana feno filaminana. Izany rehetra izany dia vokatsoan'ny fifanajana. Etsy andanin'izany kosa, ny fihenjanana sy ny fihetseham-po, ary ny fiainana feno fahantrana dia vokatry ny tsy fifanajana sy ny fifampitondrana ratsy.

Ary amin'ny lafiny hafa indray, tena marina ny vady (vehivavy) izay mahatsapa ny fanomezan-danjan'ny vadiny azy, sy ny fanajany, dia miaina anatin'ny fahasambarana, milamina ny tenany, ka noho izany izy dia afaka manome fahasambarana ho an'ny vadiny sy ny ankohonany ihany koa, nefa raha toa izy sahirana sy mahantra dia matetika ny tokantranony feno fahasahiranana sy fahantrana ihany koa mazava loatra.

Manaraka izany, ny vady (vehivavy) raha vingavingana sy ambaniana ary kapohana, dia inona no andrasan'ny ralehilahy hatolotry ravehivavy ho azy; moa ve izy hanolotra azy fitiavana, sy fitiavana farany ambony, ary moa ve izy manana ilay tena maha izy azy feno fandanjalanjana matanjaka ho fanabeazana ireo zanany? Tsy hisy anefa izany rehetra izany, satria ny tsy manan-javatra dia tsy afaka ny hanome! Ka izay miaina amim-pahambaniana, amim-pikorontanana dia amin'ny fomba ahoana no hanomezany ny fahamboniana sy ny voninahitra, ny fahamendrehana ary ny fahavitriana!

Ka tahaka ny filàn-dralehilahy ny vadiny mba hanana ny maha izy azy ara-dalàna mba hampiadana azy, dia torak'izany ihany koa ravehivavy milà mafy ny vadiny manana ny maha izy azy tanteraka, manana ny toerana mendrika azy, izay eo anilany mba hahafahany mitondra akony sy mitari-dàlana ireo zanany ary manoro azy ireo; ka tsy fahamendrehana ho an-dravehivavy noho izany ny manambany ny vadiny amin'ny teny na fihetsika eo anatrehan'ireo zanaka, ary marina ihany koa ny mifanohitra amin'izany, izany hoe tsy tokony hanambany ny vadiny ralehilahy, satria izany rehetra izany dia misy fiantraikany ao an-tokantranon'ny mpianakavy ka mitondra fanimbana ho azy.

## Fanamafisana sy fampiharana:

Ny fifidianana ny teny mifanandrify araka ny tokony ho izy, enti-miantso, dia tafalatsaka ao anatin'ny tena voafaritra tsara, ka ny sasany amintsika dia mbola mifikitra amin'ny kolontsaina efa taloha, na manao fanahiniana amin'ny toetra ratsy rehefa tsy miantso ny vadiny (vehivavy) amin'ny anarany na amin'ny anaran'ny zanany, toy ny hoe nenin-dranona; fa mbola miantso azy amin'ny hoe: ianao io! Na; ô ranona a! Sy ny mitovy amin'izany. Izany rehetra izany dia fomba fiteny sisa tavela amin'ilay kolontsaina marary mbola tafatsofoka ao an-tsaina.

Tena marina isika dia mila fahamatorana amin'ny fahaiza-miaina, mba hialana tanteraka amin'ny fironana any amin'ny fanamboaniantena manjakazaka ao amin'ny tena, ary isika raha ny marina dia toy ny tsy tena lehilahy, tsy manao afa-tsy ny mampitombo ny fanambaniana ireo vehivavy. Ary ny olana dia ny tsy fahatsapan'ireo sasany akory amintsika ny fahavoazana hateraky ny fihetsiny.

Ary tena marina isika, mba hametrahantsika ny fototry ny fifanajana ifamaliana, dia tsy maintsy manorina fanabeazana ara-panambadiana mahitsy sy matotra isika, mioria amin'ny fakana hevitra sy ny fifampiresahana eo amin'ny mpivady, amin'ny raharahan'ny tokantranom-pianakaviana, satria izany no hahatsapan'ny andaniny sy ny ankilany mpifandray ny fanajana; fa tsy sanatria tapenam-bava akory izy na haotra avy ety ankavia tsy manan-kery amin'ny isa araka ny fiteny, fa izy roa tonta dia samy mahatsapa ny lanjany ho an'ny hafa; ary mendrika ny hajaina, sy omen-danja avy amin'ny hafa, ka miresaka aminy izy, maka hevitra sy mifanakalo hevitra aminy, ary miaina fisainany sy ny fomba fijeriny ary ny fanantenany.

Ary torak'izany, ny fanampian-dralehilahy ny vadiny ao an-tokantrano, na dia farany kely aza izany, dia efa hahatsapan-dravehivavy fahasambarana, ka ho voarakitra ho isan'ny fanajana tokoa izany, ary fahatsapana tsara ho mari-panajana ny fikarakarana ny vehivavy, ka izany dia hampitombo avy amin-dravehivavy ny fanomezany lanja sy fanajany ny vadiny.

## Ny fanatanterahana ireo zo aman'andraikitra

Voarakitra ao anatin'ny fanekem-panambadiana raha ny marina sy araka ny tokony ho izy ny andiana fehezan-dalàna, dia ireo zo ifanakalozana eo amin'ny mpivady, eny fa na dia tsy voalaza eo amin'ny endriky ny fanekem-panambadiana aza izany, fa saingy ny fanekem-panambadiana ara-dalàna dia mirakitra ireo andraikitra sy ireo zo, ka isan'ny laharam-pahamehana amin'ireo zo: ny zo famelomana ny vady (vehivavy), sy ny toeram-ponenana, sy ireo zo hafa ifanakalozana, toy ny firaisana ara-nofo, sy fampisiana ny fahatoniana, ary ny hafa ankoatra izany amin'ireo zo araka ny lalàna, sy ny fombam-piaraha-monina. Ary raha ny tokony ho izy, ny mpivady tsirairay dia tokony hahafantatra sy hamakafaka ny andian'ireo zo ifanakalozana, raha tsy izany dia ny tsy fahalalana ny sasany amin'ireo zo ireo, sy ny tsy fandinihana azy, ary ny famelana azy, sy ny tsy fananana eritreritra aminy dia mitarika any amin'ny fivakisana sy fisarahan'ny mpivady, ary dia mety hifarana ny fifandraisan'ny mpivady.

## Vokatra mangidy:

Tena marina ny fiainam-panambadiana dia mitsangana amin'ny fanatanterahan'ny mpivady ireo andraikiny manoloana ny hafa, ary ny fanomezany ny zony, ka raha sendra misy tandrevaka ao anatin'izany, na fanamaivanana dia manimba ny vonam-panambadiana masina, indrindra fa misy ny tsy fankasitrahan'ny andaniny hafa, sy ny fanoherany ary ny fahatezerany, ary ny tsy fahafaliana ihany koa sy ny fitojoany hatrany amin'ny zony sy ny fangatahany izany; ary ny tsy fandeferany mihitsy.

Tokony hahafantatra isika fa, ny tsy fanatanterahana ireo zon'ny andaniny amin'ny mpivady miaraka amin'ny tsy fankasitrahany, dia mifanohitra tanteraka amin'ny lalàm-pinoana, ka mahatonga ny fahatezeran'llayTompo Mahery sy be voninahitra. Voalaza avy amin'Ilay Iraka malala-tanana (saw) hoe**: "n'iza n'iza manana vehivavy ka manao tsy mety aminy ilay vehivavy, dia tsy eken'Andriamanitra ny vavaka fanompoany (salat), na izay tsara amin'ny asany, mandra-panampiny ny vadiny sy mankasitra azy, eny fa na dia mifehy mandritra ny fotoana rehetra aza izy, ary mihatra amin'ny lehilahy ihany koa ny famaliana toy izany, raha mpampijaly sy mpanao ny tsy rariny izy"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.287).
Tena marina ny ankamaroan'ireo tokantranom-panambadiana no miatrika fahavakisana sy fahapotehana noho ny anton'ny tsirambina ataon'ny iray amin'ireo mpivady manoloana ny andraikiny amim-panahiniana sy amim-pahamafisandoha tsotra izao. Ka anisan'ny tranga mateti-piseho ny tsy fameloman'ireo lehilahy sasany ireo vadiny noho ny fananan-dravehivavy asa sy ny fampidiram-bolany fanampiny, nefa etsy andaniny, ny lalàna masina nanao ny famelomana ho andraikitry ny lehilahy, eny fa na dia mpanefoefo be aza ravehivavy; raha mbola tsy mampandefitra ny zony amin'izany ravehivavy.

## Fakana harena tsy amim-pahendrena:

Misy ny sasany manao fihetsika mametsifetsy ny vadiny (vehivavy), ary mihazakazaka any amin'ireo fomba lavitry ny maha olombelona mba hahazoana ny harenan-dravehivavy tsy misy fankasitrahana avy aminy akory, amin'ny alalan'ny fividianana fiara, na fanamboarana trano, sy ny mitovy amin'izany, ary mametraka azy amin'ny fisamboram-bola aminn'y banky, ka mandrahona azy amin'ny fisaraham-panambadiana raha tsy misambotra izany vola izany amin'ny anarany ravehivavy, mba ho azy! Ary firifiry amin'ireo vehivavy moa no mijaly amin'ireo lehilahy feno fasiahina, ka tsy misy manan-danja amin'izy ireo afa-tsy ny fizahozahoana amin'ny fahazoana vola be hatrany ihany!

Torak'izany koa ireo lehilahy manambady izay tezitra amin'ny fangatahan-dravehivavy amin'ny fanoratana ireo fananana iombonan'izy ireo rehefa mandray anjara amin'ny fanefana ny vidiny ravehivavy, ary raha mila miaro ny zony araka ny lalàm-pinoana ny vehivavy, lalàna izay manome antoka azy amin'ny zony, dia toy ny mitsangana eo anatrehan'ny lehilahy ny andro farany, araka ny fiteny; ka aiza àry ny olana ao anatin'izany, nefa etsy andaniny dia anisan'ny andraikitry ny lehilahy manambady ny miaro ny zon'ny vadiny, mialohan'ilay vehivavy mitaky izany aminy.
Ary anisan'ny endrika fanaovana tsinontsinona ireo zon'ny vady (vehivavy) fantatra eo amin'ny fiaraha-monina ny fanamaivanan-dralehilahy ny tranon'ankohonana, izay ataony ho toeram-patoriana fotsiny, toy ny toeram-pandraisam-bahiny, izay tsy hiverenana raha tsy amin'ny fotoanan'ny fatoriana, fa ny ankamaroan'ny fotoanany dia laniany iarahany amin'ireo namany, any amin'ny toeram-piaretan-tory isan-karazany, na any amin'ny toeram-piasana, sy ny mitovy amin'izany, ka ametrahany ireo ankohonany anaty tebiteby irery, sy fiandrasana. Dia toy izany ireo sasany amin'ireo lehilahy manambady, manimba ny tokantranony, amin'ny alalan'ny tanan'izy ireo ihany, satria ny misy azy, na

izy ao an-trano matory, na any amin’ny asany sahirana, na ao anatin’ny fiaretan-tory lava miaraka amin’ireo namany! Ary tsy isalasalana fa izany fitondrantena izany dia mamotika ny fiainana ara-panambadiana, ary manimba azy tanteraka mihitsy.

Ny amin’ny fananaran’Ilay Iraka malala-tanana (saw) ho an’ireo lehilahy manambady indray moa dia araka izay hita amin’ny tatitra hoe: **“ny fipetrahan’ny lehilahy eo amin’ny ankohonany, dia tian’Andriamanitra bebe kokoa mihoatra ny fipetrahany mitoka-monina ato anatin’ity trano fivavahako ity”** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.286).

## Ireo zo mifandanja:

Mazava loatra fa tsy andraikitry ny lehilahy ny mandany ny fotoanany ao an-tokantranony, nefa tokony izy hanome ny zon’izay rehetra manan-jo, ka ireo namana aman-tsakaiza dia manana ny zon’izy ireo, saingy tsy tokony hifanindry an-dàlana amin’ny zon’ny vady (vehivavy) sy ireo zanaka, ary dia torak’izany koa ireo ray aman-dreny sy ny Havana, manana ny zony izy ireo, ary ny mitovy amin’izany.

Tena marina ny mpino silamo dia tokony hahay handanjalanja amin’ny fiainany, ary amin’ny fanatanterahana ireo zo tsy misy fanamboniana diso tafahoatra, na fanambaniana tsy rariny, satria izany rehetra izany dia misy fiantraikany amin’ny fahatsaran’ny fifandraisany ara-pianakaviana sy ara-piaraha-monina.

Ary anisan'ny endriky ny tsy firaharahana eo amin'ireo lehilahy manambady sasantsasany ny famelana ny fikarakarana feno fandanjalanjana, ary ny tsy fanomezana lanja ny fahadiovana sy ny endrika ety ivelany amin'ny ankapobeny ny ankohonana, mitaraina ireo vehivavy sasantsasany amin'izao fotoana izao amin'ny fihetsika mamohenatra ataon'ny lehilahy, sy ny fofona ratsin'ny fitafiany! Ary firifiry ireo fitondrantena toy izany no miteraka alahelo sy fahavoazana lehibe, ary firifiry ihany koa ireo loza mihatra amin'ny fahamarinan-toeran'ny fiainam-panambadiana.

## Fotoana tokony ho raisina:

Efa nampitandrina ireo lehilahy mpanambady ireo mpitarika avy amin'ny fianakavian'ny Mpaminany amin'ny loza hateraky ny tsy fahamendrehana, dia ny fanamaivanana ny fikarakarana, miteny Abou-l-hassan (a.s) hoe: **"tena marina ny fikarakarana dia isan'ny mampitombo ny fitandreman-tenan'ny vehivavy, ary efa namela ny fitandreman-tenany ny vehivavy tamin'ny famelan'ny vadin'izy ireo ny fikarakarana"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.287).

## Ny fanaovana raharaha ao an-tokantranom-panambadiana:

Mety ho ao anatin'ny fikorontanana mafy ireo lehilahy manambady rehefa miangavy ireo vadiny amin'ny fanaovana raharaha ao an-tokantrano, ary mitondra ny vadin'izy ireo amim-pahasarotana tokoa, miteny amin'ny vadiny ohatra ralehilahy hoe: tsy tsara izany nahandro izany, maloto izany siny izany, ny trano fandraisam-bahiny tsy milamina, ny fitafy tsy voapasoka; ary dia toy izany…miteny

izany amin'ny vadiny izy, ary mety amim-pihenjanana sy an-kerisetra mihitsy manoloana azy noho ny tsirambina kely. Ary raha ny marina dia tsy andraikitry ny vehivavy ny fikarakarana ny vadiny araka ny lalàna ara-pinoana, fa raha manao izany ravehivavy dia vokatry ny fony izany, fa tsy andraikiny akory, ary ny fanatanterahana ireo andraikitra lehibe ao an-tokantrano sy ny fikarakarana ny ankohonana dia toe-javatra ampirisihan'ny lalàna ara-pinoana, ary tena tian'ny vehivavy tokoa ny manao azy, saingy tsy azo terena izy hanao izany, voalaza araka ny tatitra: **"tsy misy vehivavy mampisotro rano indray misotro ny vadiny, raha tsy tsara lavitra ho azy izany mihoatra ny fanompoana taona iray"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.286).

Ary rehefa nanontany ny Irak'Andriamanitra (saw) i Oummo Salama ny amin'ny fahasoavana azon'ny vehivavy amin'ny fikarakarana ireo vadiny? Dia niteny izy hoe: **"tsy misy vehivavy mampiakatra zavatra iray ao an-tokantranom-badiny avy amina toerana iray izay itadiavany fahatsarana, raha tsy mijery azy Izy, ary izay jeren'Andriamanitra, dia tsy hosaziany"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.286).

Ary ny lalàm-pinoana izay madio mangarahara dia nampirisika ny lehilahy ihany koa amin'ny fikarakarana ny vadiny, fa tsy nametraka fotsiny ny fampirisihina ho an'ny vehivavy irery, miteny Ilay Iraka malala-tànana (saw): **"raha mampisotro ny vadiny ralehilahy dia hahazo fahasoavana"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.286).

Ary mbola miteny ihany Ilay Iraka (saw): **"tsy mikarakara ny ankohonana raha tsy olo-marina, na maritiora, na izay lehilahy tian'Andriamanitra omena fahatsarana ambonin'ny tany sy any an-koatra"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.286).

Noho izany, tsy misy zon'ny lehilahy amin'ny vadiny araka ny lalàm-pinoana eo amin'izay fantatra amin'ny hoe fikarakarana ao an-tokantranom-panambadiana, sy any amin'ny hafa ankoatrany, kanefa ny fomba mahazatra ara-piaraha-monina dia manao io fikarakarana io ny vady (vehivavy), ka tsy mahazo ny rariny noho izany ny hatezeran-dralehilahy raha mitranga ny tsirambina ataon-dravehivavy, fa ny fihetsika mendrika eo amin'ny lehilahy manambady misaina sy be fangorahana kosa dia manosika azy ireo hanamaivana sy minia tsy mijery izay fahalemen'ny vady, ary tsy mitsara azy ireo amin'ny  trangan-javatra toy izany, fa ny fiderana amin'izay ataony eny fa na dia zavatra madinika aza.

## Ny fahazaran-dratsy:

Tahaka ny efa notsiahivintsika tamin'izay lasa, fa tena marina ny vady (vehivavy) dia mahazo fahasoavana amin'ny fikarakarana ny vadiny, nefa ireo lehilahy manambady sasantsasany dia ratsy fitondrantena miaraka amin'ny vadin'izy ireo, sady manambony tena, ka ny fihetsiny dia tahaka ireny manam-pahefana ao an-trano ireny, eny fa na dia mila rano iray vera aza izy hosotroina dia miantso ny vadiny, izay lavitra amina metatra vitsivitsy, ka miangavy azy hitondra izany rano izany, ary izy amin'izany dia mipetraka mampifanaingina ny tongony iray amin'ny tongony hafa, nefa izy tsy hoe reraka akory, na sahirana fa ao anatin'ny filaminana tanteraka, nefa etsy andaniny ravehivavy rerahan'ny asany ivelan'ny trano na ao an-trano!

## Ny vehivavy ihany koa:

Ary tsy hoe akory ny lehilahy irery ihany no manao an-tsirambina ny fanatanterahana ny andraikiny ara-panambadiana, fa izany olana izany koa dia misy amin'ny vehivavy noho ny tsy fahampian'ny fieritreretany lalina, amin'ireo fangatahana maro eo amin'ny fiainam-panambadiana, ary ny fanamaivanan'izy ireo ny andraikitra sasany.

Mety mitaraina ireo lehilahy manambady aorian'ny fandalovan'ny taona maromaro taorian'ny fanambadiana amin'ny tsy fanomezan'ny vehivavy lanja ny fahatsarany sy ny endriny ivelany ao an-tokantrano, nefa manao ny tafahoatra izy amin'ny fametahana ny haingon-tarehy samihafa sy ny fihaingoana ivelan'ny trano, indrindra fa rehefa izy hivoaka hanatrika lanonam-panambadiana na lanonam-pifaliana, ary tsy isalasalana fa izany dia sokajiana ho fanariana ireo zon'ny vady (lehilahy).

Ary amin'ny ankapobeny, ny tsy fanomezana ny zon'ny hafa ara-panambadiana, dia miteraka sakana sy fivakisana ary mety ho fisarahana mihitsy sy famaizana ho an'ny mpivady ao anatin'ny tsy fisian'ny fanarenana ny lesoka sy ny fanalana ireo anton'izany.

## Ny haloky ny fanaovan-tsoa:

Anisan'ny mampalahelo tokoa fa ny sasany dia miaina ao anatin'ny sehatry ny fifandraisana ara-panambadiana amin'ny fitandroana ny zony manokana irery ihany, fa tsy mba mijery ny andraikiny

manoloana ny hafa, ka ny laharam-pahamehana aminy dia ny zony irery ihany, sy izay rehetra tokony ho tonga aminy, fa izay tokony ho tanterahiny amin'ireo zon'ny hafa kosa dia omeny lamosiny.

Ary ny sasany indray dia mety mialokaloka amin'ny fanekena ireo zo sy andraikitra amin'ny fametrahana fepetra hoe: tanterahako ny adidiko amin'ny fotoana izay hahazoako ny zo ihany koa, izany anefa dia mahatonga ny fiainana ara-panambadiana hizotra amin'ny lalan'ny zo feno fahaterena, ka hampanahy ny fifandraisana raha mitohy ny fizorany amin'izany lalan'ny zo tery dia tery izany. Etsy andaniny anefa, ny lalàm-pinoana masina dia mila izany fifandraisana ara-panambadiana izany mba hizotra amin'ny lalan'ny fitiavana lalina sy fanasoavana, ka samy hahafoy tena ny andaniny sy ny ankilany izay mifandray, ary hifaninana izy ireo mba hanao izay hahasambatra ny hafa, eny fa na dia manao an-tsirambina aza ny andaniny iray, satria izy dia mety hifoha amin'ny torimasony ihany, na dia ho ela aza. Ny fanaovantsoa, dia antoka amin'ny mety fahaverezan-jo, sy ny zo mifamaly amin'izany, ary antoka ihany koa ny fanaovantsoa ho fiarovana ny fifandraisana ara-panambadiana maharitra.

Ka raha tsy manatanteraka ny zon'ny andaniny ny iray amin'ny mpivady, fa manao tsirambina izany, dia tezitra amin'izany fihetsiny izany ny ankilany, ka hanasazy azy mitovy amin'izay nataony, ary tsy hanome ny zony ihany koa, amin'izay tavela afa-tsy kely monja, amin'ny fifandraisana ara-panambadiana, ary dia hitarika any amin'ny fisaraham-panambadiana amin'ny endrika tsy hay vinaniana. Kanefa ny trangan-javatra tsy amin'izay endrika izay ihany, fa maro amin'ireo lehilahy manambady no mamindrafo sy mamela hadisoana ary mandefitra amin'ny hafa mpanao tsirambina, ary amin'izay fotoana izay ihany dia tsy manasazy amin'izany tsirambina izany izy ireo, ary tsy mamaly amin'ny alalan'ny tsirambina mitovy amin'izany ihany koa, fa mitsara amin'ny alalan'ny

sain'izy ireo, ary mampihatra ny lalàn'ny fanaovantsoa ho an'ny hafa ho fitandroana ny vonam-panambadiana masina.

Misy noho izany ireo tatitra maro miantso ny roa tonta anatin'ny fifandraisana ara-panambadiana mba handefitra amin'izay lesoka sy tsirambina mitranga, amin'ny hafa sy hiharitra amin'izany.

Miteny Ilay Iraka malala-tànana (saw): **"izay miharitra amin'ny toetra ratsin'ny vehivaviny (vady), ary mikendry valiny amin'izany izy, dia omen'Andriamanitra azy ny fahasoavana isaky ny fiharetana ataony aminy, tahaka izay nomeny an'i Ayoub (Joba) (a.s) tamin'ny fitsapana nahazo azy"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.288).

Ary miteny ihany koa Ilay Iraka (saw): **"izay vehivavy miharitra amin'ny toetra ratsin'ny vadiny; dia omen'Andriamanitra azy izay nomeny an'i Assia Bint Mozâhim"** (Mizâno-l-hikmat v.4 p.288).

## Ny fomba fihetsika manoloana ny hadisoana araka ny tokony ho izy

Ireo izay mijery ny toe-javatra eo amin'ny fiainana an-tany amin'ny alalan'ny fijery matroka sy mainty dia hitsara ny tenan'izy ireo mialohan'ny hafa ankoatrany amin'ny tsy fahombiazana, izany dia satria diso ny fototra misy ny sori-dalam-pisainan'izy ireo, ary niharan'ny lesoka lehibe, ka tsy mety amin'ireo hafa ny miaina miaraka amin'izany fijery mainty fatratra izany.

Olana tokoa izany, maro amin'ny olona no mijery ny mpiara-dia aminy amin'ny fiainana ho an-jorombala sy amin'ny lafiratsiny, ary manara-maso fatratra ireo toetra misy lesoka, fa tsy mba mamily izany any amin'ireo toetra tsara, ary tsy manara-maso ireo toetrany mahomby, fa dia mijery amin'ny maso tokana monja izy ireo, mikendry mafy amim-panahiniana ireo fahadisoana amin'ny andefimandriny, tena marina izy ireo, raha tokony hisary tsy mahalala ireo fahadisoana madinika, sy hinia hikipy amin'ny lesoka kely, ary handefitra amin'ny fahasolafahana, sy ho mpamela fatratra ao an-tokantrano, dia hitanao izy ireo, indrisy mampalahelo, fa henjam-pihetsika manoloana ny andefimandriny, angamba izy ireo hahita zavatra hanomezan-tsiny azy, ary dia vao maika mampitombo hadiry ny fahadisoana, ka ny andraikitr'izy ireo dia tahaka ny fikarohana ny tsy fahombiazana hatrany!

Tena marina ny fahavoazan'ny lehilahy mpanambady maro dia noho izy ireo tsy mahita ny fahazavana, fa dia mirona any amin'ny haizina irery ihany; ary mahita ny toetran'ny mpiaraka aminy ho ratsy hatrany, sy manalehibe izany manoloana ireo toetra mahomby, ka mety hahita vady tsara izy, matehotia, malefaka, mpikarakara vady fatratra; mizaka ny andraikitra ao an-tokantranony, saingy mety tsy havanana amin'ny fikarakarana sakafo izy, araka izay hitiavan'ny vadiny azy sy ankafiziny.

Ka eto, manoloana an-dralehilahy, misy iray amin'ny tranga roa:

1- Raha toa ralehilahy mpijery maizina sy mampitombo ireo hadisoana dia ho sosotra, sy hiantso ozona ary hanompa araka ny fiteny, ary dia mitaraina amin'ny vintan-dratsiny! Mampitombo ny zava-misy! Ary mamerimberina: vintan-dratsy inona ity ry Tompoko! Ka izay nahandro rehetra ataon-dramatoa vadiny, dia itadiavany izay mety ho lesoka amin'ny an-tsipirihany! Mafy ity! Ary ity tsy ampy

izao sy izao, dia mila voa tsy hary araka ny fitenenana! Ka izany fomba sy sori-dàlam-pisainana izany dia mametraka olana, raha tokony hamaha azy, very ao an-tokantrano noho izany ny fahatoniana sy ny fifaneraserana akaiky; ary mipetraka eo ambonin'ny faharatsiana hatrany ny fiainan-tokantrano, tena marina izany dia fihetsiky ny olona tsy misaina izay tsy hitondra fahatsarana na oviana na oviana!

2- Ny fihetsika araka ny tokony ho izy manoloana ny tranga toy izany dia ny fampiasan-dralehilahy fomba hafa, fomba izay mitondra ny fahatsarana rehetra, ary mampiseho ny sori-dalàna mahomby, avoakany avokoa miaraka aminy ireo toetra mendrika rehetra ao amin'ny vadiny (vehivavy), ka mihakely amin'ny alalan'izany ny olana, ary mihamalefaka ny toe-javatra, tsy mitaky zavatra maro noho izany koa ny raharaha, fa amin'ny tranga toy izany dia ny fampitomboana ny fisainana no takiana ho an'ny mpiara-dia, ary ny fampiasana ireo fomba mitandro ny maha olombelona manana ny fahamboniany, mba hanalavirana ny fampiakarana sy fanalehibeazana ny olana, tena marina ny fomba fakan-tahaka dia ny fanajan-dralehilahy ny vadiny amin'ny fiezahana ataony sy ny fankasitrahana azy ary ny fanaovantsoa azy amin'ny zavatra tsara vitany.

Ny toe-javatra dia mitaky teny vitsivitsy fandrisihina mba hitondrana ny olana ho any amin'ny famahana olana, ampy ny fiderana an-dravehivavy amin'izay sakafo nataony, ny olombelona dia mianatra hatrany, ary mandroso any aloha raha sitrak'Andriamanitra, sy ny toy izany amin'ireo teny manome hery mampafana, mampitombo fitiavana sy ny fifaneraserana akaiky eo amin'ny mpivady.

Raha tsy fahamaroan'ny fahendrena sy ny fahamatorana, avy amin'ireo lehilahy manambady, eo anatrehan'ireo tranga ireo, ary ny fanehoan'izy ireo ny toetra mendrika sy mahomby ananan'ireo andefimandriny, dia nivaha ireo olana maro ara-panambadiana, tena marina ny fahendren'ireo

lehilahy sy ny fahatsapan'izy ireo ny adidy no nanosika azy ireo namela ny fahadisoana sy nanam-pandeferana.

Rehefa nivoaka ny vehivavy iray, niaraka tamin'ny vadiny niantsena, izay niaraka tamin'ny namany anankiroa ihany koa, ka taorian'ny nandrerahany ny vadiny tamin'ny fikarohana ny toerana tokony iantsenana, havia sy havanana, tsia…diso…iry làlana iry, ny fiolanana faharoa…tonga tamin'ny fetrany ny raharaha teo amin'ny ralehilahy izay manana toetra sarotiny sy henjana, ka tsy nisy teny aminy afa-tsy ny fitenenany ilay vadiny hoe: ampy izay! Ary dia natsotrany ny tongony tamina fihetsika tampoka nanitsaka ny tsindrihisatra (frein), ary teo dia sanganehana izy sy ireo namany roa, ka tsy niteny tamin'ny vadiny na dia teny iray aza, nanjaka noho izany ny fahanginana, afa-tsy teny vitsivitsy niaraka tamin'ireo namany, mba hampitoniana ny trangan-javatra, niverina niaraka tamin'ireo namany izy ao anatin'ny fahanginana hatrany, mandra-panenon'ny findain'ny iray tamin'ireo namany niaraka taminy, ka nankahery azy tamin'ity vadiny tsy misaina izay tsy manaja ny vadiny: inona ity fihetsika tsy am-pisainana avy amin'ny vadinao! Tsy mendrika anao izany na dia fotoana kely monja aza, ahoana no hiharetanao izany! Mampalahelo ianao! Andriamanitra anie hanampy anao! Saingy tsy tojo sofina nihaino izany teny izany, nandray traikefa teo amin'ny fiainana ity vehivavy ity, ary efa nanandrana azy, ary nampiasa nanandrana ny fisainany ka nahita fahombiazana hatrany, indro izy fa namaly ny tenin'ireto namany akaiky azy tamim-panatsarana ny vadiny tanteraka nanao hoe: marina ny teninao, fihetsika tsy am-pisainana tokoa izany, saingy tsy fantatrao tanteraka ny vadiko, ary raha azonao tsara izy, dia tsy hiteny toy izany teny izany ianao, tena marina izy olona tsara fo, sy malefaka, saingy indraindray mora tezitra izy! Teo dia niaiky ny fahendreny sy ny fahamatorany ny naman'ity vehivavy ity, ary ny fahanginany sy ny fidiran'ny lalina tao anatin'ny fifantohana.

Eny, tena marina izany dia fijery amim-pahamarinana ny olona mpiaraka amin’ny tena eo amin’ny fiainana, mahatonga ny lehilahy hifikitra mafy amin’izay miaraka aminy ka zary tsy hahalalany ny fihetsika sasany miavaka sy ireo fahadisoana mandalo, ary ireo fahadisoana miverimberina, ka iza amintsika moa no tsy mba diso, ary iza amintsika no milaza tena fa madio lavitry ny fahotana, tena marina isika raha manao fahadisoana dia miangavy amin’ireo hafa sy miantso azy ireo mba hamindrafo, ary mangataka famelana amin’izy ireo isika, nefa isika matetika manadino fa tahaka ny angatahantsika famindram-po sy famelana amin’ny hafa, no tsy maintsy koa anaovantsika mitovy amin’izany fitsipika izany, ary ampiharantsika amin’ny tenantsika ihany koa io fepetra io; isika dia mangataka famelana amin’ny hafa, ka tokony isika handefitra haingana amin’ny hadisoan’ny hafa ary hamelana izany amin’izy ireo, tokony isika hijery indrindra ihany koa ny lafitsaran’izy ireo, sy ireo toetrany mazava sy miharihary, amin’ny alalan’izany dia miseho amim-pahatsarana ny fiainana, ary ho sambatra amin’ny fiainany ara-panambadiana ny olona.

Tena marina fa, ireo boky mirakitra ny ela dia mitatitra amintsika izao fahendrena mahafinaritra izao, amin’ny alalan’ity tantara kely ity: ny Mpaminanin’Andriamanitra Issa Bin Maryam (a.s) (Jesosy) dia nitsangatsangana niaraka tamin’ireo mpanara-dia taminy, ka nandritra izany, dia nandalo fati-na alika izy ireo, ka niteny ny sasany tamin’izy ireo: izany hamaimbon’ny fofona! Ary niteny indray ny hafa: izany hamaintiny! Dia nitodika tany amin’izy ireo ny Mpaminanin’Andriamanitra, ka niteny azy ireo: izany hafotsin’ny nifiny!

Izany dia anatra mazava amin’ny fomba fijerena ny toe-javatra sy ny zava-misy amin’ny lafitsarany, moa tsy izany ve..? Ary moa tsy izany ny fomba fisainan’ireo manantsaina sy olon-kendry!

## Ny fiainana ara-panambadiana sy ny fijerena ny tena zava-misy

Ny sasany dia mamorona ho an'ny tenany ireo nofinofy, ary manorina zava-misy ho azy manokana, rehefa mieritreritra ny fanambadiana, sy ny fahitana izay ho namany eo amin'ny fiainana, lavitra amin'ny tena zava-misy ao anatiny izay mivelatra sy midadasika tanteraka, ary misy ireo fahamarinana samihafa, ka itsaran'ireo sasantsasany ny fironana manokana miorina amin'ny fironan-kevitra sy ny fisainana manofy! Ka eo am-panatrehana voalohany ny tena zava-misy amin'ny antsipirihany sy ny vahatrany dia indro fa haevaevan'ny rivotra ireo nofinofy sy fanantenana toy ireny ravin-kazo amin'ny andro lohantaona ireny! Fa ny fiainan'ny olombelona izay mirakitra fahasarotana sy fihetseham-po miovaova tsy miorina amin'ireo nofinofy lavitry ny tena zava-misy, fa raha tsy izany dia fianjerana no fiafarany!

### Ny endrika voalohany:

Ny sasany dia mametraka ny fotoanan'ny fifamofoana (ilay fanekena ary mialohan'ny fiarahana tanteraka) ho fepetra ho an'ny fiainam-panambadiana mahomby, na toy izany no iriany, ary mampanantena ny tenany, ny miharihary anefa, ny fotoanan'ny fanekena izay mirakitra ireo fitiavana sy fanirian'ny mpivady, ka hitandrovan'izy ireo fatratra ny fisehoany araka ny tokony ho izy, ary manao fanahiniana mihitsy ny tsirairay avy mba hankasitrahan'ny andaniny, ary dia miharitra mizaka tanteraka ao anatin'izany ireo fahaterena maro samihafa, ka manafina izany ao anatiny ary tsy mamoaka izany amin'ny andaniny hafa fatahorana ny fanaovana tsy mety, sy ny faharatsiana mety hahazo ny fifandraisana ka hisian'ny fisaraham-bazana ara-panambadiana, ary fanahiana ihany koa

ny tampoka sy ny famaliana ny fihetsiky ny hafa izay efa nampoizina avy amin'ny andaniny hafa. Izany rehetra izany dia ataon'ny mpivady amin'ny ankapobeny, amin'ny alalan'ny dingana fakantahaka ambony amin'ny antsipirihany, saingy ny zava-misy tena marina dia milaza ny mifanohitra amin'izany. Tena marina io fotoanan'ny fanekena io dia tsy mety hanjary ho fepetra marina sy milaza ny amin'ny fiainana ara-panambadiana tena marina, noho izy maneho kisarin'ny fotoanan'ny nofinofy sy ohatrohatra amin'ny ankapobeny.

Ary ny olana dia hanjary ho zava-doza rehefa ho lasa zavatra takian'ny iray amin'ireo mpiaraka ny sarintsarin'izany, ka hamoronany izany amin'ireo andro hoavy, ary dia ho lasa ohatra fakantahaka.

Tsy maintsy hiseho ny voatra ara-boajanahary marina sy tena izy eo amin'ny mpivady tsirairay, fa tsy afaka hiverina hanakona izany izy ireo, araka ny oha-pitenenana ara-piaraha-monina, "tena marina ny voajanahary dia mandresy ny fahazarana". Ka na dia miezaka mafy manafina ny voatra ara-boajanahariny aza ny olona, sy mampiasa fomba hafa ary manome ho an'ny tenany tsy araka izay toetra ara-boajanahariny dia tsy ananana fiainana mitombona na oviana na oviana, fa hiseho haingana ny tena toe-javatra, ka hiverina amin'ny toetra ara-boajanahariny izy, sy ny tena maha izy azy, ary amin'izay fotoana izay dia hitranga ny fifandonana eo amin'ny sarintsarin-javatra sy ny tena zava-misy, ary eo amin'izay foronin'ny nofinofy sy izay zava-misy ety ambonin'ny tany.

Ary dia manontany tena ny olona izay iarahana, inona no mitranga? Nahoana izao rehetra izo? Nahoana no tsy niverina izy nanazava tamiko tahaka anay tamin'ny fotoana lasa? Ary dia hifanesisesy ireo fanontaniana maha sanganehana izay milaza ny amin'ny dona mafy nentin'ny fiovana, sy ny fifindrana avy amin'ny sehatry ny nofinofy ho any amin'ny tena zava-misy, ka eo indrindra no fiantombohan'ny fanambadiana tena izy aorian'ny fidirana taminy, fa tsy ny talohany akory, ary eo no

hanatrehan'ireo mpivady ny fahasarotan'ny fombe enti-miaina miaraka amin'ny tena zava-misy vaovao, ka izany rehetra izany dia miankina amin'ny fanabeazana sy ny kolontsain'ireo mpivady ary ny fahafahan'izy ireo amin'ny fahaiza-mahazo sy ny fahaiza-manao.

## Ny endrika faharoa:

Ny sasany indray moa dia lasa lavitra mihitsy amin'izay hitiavany ny vadiny, ny sasany mila ny vadiny ho toy ny saribakoly mihetsika, mandritra ny tontolo andro, voarakotra vovoka fampihaingona matevina, ary manentoento avy aminy ny fofon-dranomanitra, rakotry ny tsikitsiky malefaka avy aminy ralehilahy! Ary toy ny hoe tsy mety reraka ilay mahantra ka mitondra vesatra, ary tsy mba malahelo, ka eo amboniny ny alahelo isan-karazany, ary tsy mba mahandro ka eo amboniny ny fofon-dakozia ary tsy mba matory ka miala ireo hosotra isan-karazany eo amin'ny tarehiny!

Ary mety ho talanjona ny olona amin'ireo karazam-pieritreretana eo amin'ireo sasany, ary toy ny miaina any amin'ny planeta hafa mihitsy izy.

Ka mety hitanao ireo izay mampitaha ny vadiny amin'ny mpiteny amina fahitalavitra iray; miresaka ny amin'ny tsy firaharahan'ny vadiny ny hatsarany, sy ny tsy fanomezana lanja izany, ary ny tsy firaharahana ihany koa ny fangatahany amin'ny fihaingoana, adinony anefa fa ny mpiteny amin'ny fahitalavitra dia manjaka aminy ny fitaovana enti-manazava amin'ny endrika matevina, aorian'ny fametahana ny hosotra amin'ny tarehy diso tafahoatra aminy isaky ny matetika! Ary raha toa izy manala izany rehetra izany, dia tsy misy anaovana ny fampitahana.

Ary ny amin'izay tranga izay ihany, nizotra ny resaka teo amin'ireo mpivady, ny amin'ny ambadiky ny fanomezana lanja sy ny fanaovana tafahoatra amin'ny bika aman'endrika, satria ny lehilahy dia manome lanja bebe kokoa ireo mpiteny vehivavy amina fahitalavitra avy amin'ny zom-pirenena iray voafaritra, ary manambony fatratra azy ireo, manoloana ny vadiny, ilay nizaka ny onjan'ny faharatsiana mafy sy fangirifiriana, ary amin'ny farany dia manolotra azy torohevitra amin'ny famangiana izany firenena izany, mba hahita sy hanatri-maso mihitsy ny tenany, fanomezana lanja ny olona hafa ary fisaraham-bazana eo amin'izy ireo, ary dia tanteraka tokoa ny famangiana, indro ralehilahy fa mikaroka olona eny an-dàlana sy faritra rehetra eny, ary ny toeran'ny sarababem-bahoaka, ka dia mahita ny tena fahamarinan'ny olona, mahita ny vehivavy miasa, ary ny hafa manana farim-piainana antonony, ny sasany  mpivarotra, ao ny tantsaha, ao ihany koa ny main'ny masoandro ny hodiny, ao ny ianjadian'ny fahasahiranana, ao ny miaina ny fofon'ny lohataona ao anatin'ny vondron'izy ireo. Dia toy izany no hiverenan'ny fandanjalanjany eo aminy, sy nahitany ny fiainana sy izay eo aminy, araka ny tena fahamarinany, ka miainga avy amin'izany ny hiverenana miaraka amin'ny fijery vaovao sy akaiky ary ny hafanan'ny fifandraisan'izy ireo ara-panambadiana, taorian'ny nofinofy izay nosokafan'ny tena zava-misy hafa.

## Ny endrika fahatelo:

Mety mieritreritra amin'ny alalan'ny nofinofy fotsiny ravehivavy rehefa maniry ny ho loharanom-piainan'ny vadiny, sy ho ivon-toerana homena lanja mandrakariva, ka hideran-dralehilahy ny hatsarany sy ireo toetrany, ka handrebirebeny ny famaliana ireo fangatahan-dravehivavy tontolon'ny

andro! Fa raha tsy izany, dia tsy ho vady mendrika sy mahate-hotia izy, fa manamaivana sy mpanao tandrevaka!

## Ny endrika fahefatra:

Ary ny sasany dia manonofy fiainam-panambadiana feno fahatoniana, tsy misy zavatra manelingelina ny fahadiovany, tsy misy ireo kilema rehetra mitondra fanakorontanana, sy ireo fahadisoana! Ary aiza moa no hahitana izany fiainana izany afa-tsy ao an-tsain'ny tompony, fa raha mbola olombelona isika, dia samihafa hatrany ny toe-tsaintsika sy ny voatra ara-boajanahary misy amintsika, ary ny kolontsaina sy ny fanabeazana azontsika, ka tsy maintsy misy ny tsy fifankahazon-kevitra, ary tsy maintsy misy ihany koa ny fahasamihafana, ary tsy maintsy misy noho izany ny fikorontanana, fa raha tsy izany dia lasa paradisa mandrak'izay ho antsika ny fiainana an-tany, nefa tsy toerany izany, ka raha mbola ivelan'ny paradisa isika, dia tsy maintsy manampo ny fisian'ireo olana sy ny korontana, fa raha tsy izany, ny fahendrentsika sy ny tena antom-pisiantsika dia mametraka antsika hahavita hamaha ireo olana maro ireo, sy ireo fahasamihafana amin'ny alalan'ny fampiasana ny fijery matotra ny zava-misy eo amin'ny fiainana ara-panambadiana.

## Fampitandremana:

Ny fijerena ny tena zava-misy eo amin'ny fifandraisana ara-panambadiana dia tsy midika ny tsy hamantarantsika ny zava-misy mitondra fahasimbana izay misy ny mpiara-dia andaniny, sy tsy ijerena

ireo fitondrantena ratsy, tena marina izany fihetsika izany dia tsy mifanaraka amin'ny fitondrantena izay iantsoan'ny finoana, ka iangaviana ireo mpino amin'ny fanatanterahana ireo andraikitra mamongotra ny faharatsiana sy mandrara izany, ary ny fampirisihina ny fahatsarana, nefa izany rehetra izany dia tanteraka ao anatin'ny sehatry ny fahendrena sy ny fomba mendrika fakan-tahaka hanatanterahana ny tanjona ary hamerenana indray ny toe-javatra amin'ny tokony hisy azy. Tena marina, ny ankamaroan'ny lehilahy manambady na ny vehivavy dia iharan'ny fahadisoam-panantenana vokatry ny fisian'ny fahadisoana ara-pitondrantena eo amin'ny mpiara-dia amin'ny fiainana, ka tsy maintsy manaiky ny fisian'ny aretina, ary dia very amin'izy ireo ny faharetana, sy ny fahafahana amin'ny fampisiana fiantraikany ny asa izay atao, noho ny fandalovan'izany fahatsapana fahosana izany sy ny famahana olana tsy mahomby! Noho izany, anisan'ny zavatra ampoizina ny fahavitrian'ny olona hanolotra fikarakarana iray ho an'ny olona tena akaiky azy mba tsy ho fatiantoka amin'izany izy. Ary raha toa tsy miasa mafy sy am-piezahana isika ary am-paharetana ho an'ireo olon-tiantsika mba hanavotana azy ireo amin'ny aretina mahazo azy ireo, ary tsy miezaka faran'izay ezatsika noho ny amin'izy ireo, dia rahoviana ary miaraka amin'iza indray no anaovantsika izany!

Tena marina ny fahalatsahana avy amin'ny nofinofy goavana ho any amin'ny tena zava-misy marina dia tsy tranga moramora, fa mitoetra ho sarotra tokoa, izay tahaka ireo fahalatsahana rehetra, saingy marina fa ity fitsipika manaraka ity dia hanampy anao indrindra amin'ny fahatongavana amin'ny sehatry ny tena zava-misy:

**Voalohany:**tsarovy fa olombelona isika, ary tsy misy n'iza n'iza ka feno tanteraka, mahazo antsika hatrany ny tsy fahampiana sy ny tsy fahatomombanana, ka anisan'izany ianao.

**Faharoa:** aoka ianao hitsangana hitsara ny fihevitrao isaky ny fotoana voafetra, ka zahao amin'ny an-tsipirihana mihitsy, ary ezaho ny fampiharana izany, amin'ny tenanao voalohany indrindra, ka ampitahao amin'ny an'ny hafa izany; ary farany dia sokajio isan'ambaratongany izany ary lanjao amin'ny fomba izay hahafahanao mamaly izany ho an'ny hafa, raha mangataka izany aminao izy, raha mitranga avy amin'ny mpiara-dia aminao eo amin'ny fiainana izany.

**Fahatelo:** tsarovy fa ianao dia anisan'ny iray amin'ireo vondrona mpandala ny rariny sy ny hitsiny, ary ny hafa ihany koa dia manana ny vinavinany sy ny fanantenany, ary raha toa ka avela halalaka tanteraka amin'izao izy dia tsy afaka ny hitsikera azy ianao, satria tsy eken'ny saina raha ao anatin'ny fotoana rehetra no ametrahantsika ny rakotry ny fitandroana amam-piarovana hisokatra tsy misy farany, fa ny tsirairay amintsika dia samy manana ny heriny voafetra mampatsiahy ny tenin'ilay poeta taloha:

Tsy izay rehetra irian'ny olona, dia ho tratrany avokoa
Ny rivotra dia mizotra tsy araka izay tian'ny sambo
Ka moa ve isika aorian'izany mifoha amin'ny nofinofintsika feno fironana.

## Ny filazana ny amin'ny fihetseham-po marina

Tena ilaintsika tokoa ny fifanakalozana ireo fihetseham-po marina,eo amin'ireo mpivady mba hitohizan'ny fiainam-panambadiana hatrany, hifanakaikezana sy hitohizan'ny hafanana, ary ho

fanasana izay rehetra mifamatotra amin'ny fahalotoana, sy ny tsy fifankahazoan-kevitra eo amin'ny mpivady, mba hiverenan'ny fiainana ara-panambadiana ho any amin'ny fahadiovany taloha, ary hiadiana amin'ny fiverimberenana tsy misy fiovana sy ny fahazarana fotsiny, ary ny tsy fihetsehana izay miova ao anatin'ny fiainam-panambadiana miaraka amin'ny fandehan'ny fotoana, ka lasa fahavalony matanjaka sy mampidi-doza, ary mametraka azy ho valaka sy ketraka ka handehanany haingana any amin'ny fahanterana!

Ary ny filazana ny amin'ny fihetseham-po dia zava-kanto izay ampiharin'ny lehilahy manambady mahomby ao anatin'ny fotoana mifandraika sy mifanaraka amin'ny zava-misy, tsy misy fahasahiranana. Tena marina ny filazana ny fihetseham-po dia tranga mandeha ho azy, marina izay miposaka avy ao anaty, ary hatolotra ilay mpiara-dia andaniny, amin'ny alalan'ny teny feno fandokafana sy famosahan-kevitra amin'ny endriny feno fahatsarana amin'izay mandalo ao an'eritreritra, ary izay kobonin-dralehilahy amin'ny fitiavana sy ny fanajana ary fahadiovam-po ho an'ny hafa.

Ary amintsika dia tsy misy milaza tena fa izy dia tsy mahatsapa fanamboniantena sy faharavoravoana rehefa mandray fiderana avy amin'ny hafa, na tsy miraika amin'ny fahatsapana fahazoan'aina rehefa tonga eo aminy ireo bitsiky ny mpiara-dia aminy izay mandratra ny voninahiny, ary miaro fatratra ny toerany, sy mampatsiahy azy ny asany.

Ary ny tena zava-misy, ny fiaraha-monintsika eto an-toerana dia misy kilema sy fahabangana hatrany eo amin'ny sehatry ny famborahana ny fihetseham-po marina amin'ilay mpiara-dia aminy eo amin'ny fiainany, satria banga amintsika izany zava-kanto manan-danja sy ilaina izany; ka indraindray ny

henatra dia manjary toy ny fanohitra ara-panabeazana ao anatin'ny tsy fisian'ny fanolorana maro ireo tenim-pitiavana sy fiderana ny andaniny amin'ny mpiara-dia.

Tahaka ny fanarahana ny fombam-piaraha-monina izay lalim-paka, fomba mametraka ny famborahana ny fihetseham-po avy any amin-dralehilahy ho mifanohitra amin'ny maha lehilahy, izay tokony hahatsapan'ny vehivavy fa izy dia tsy ho toy izany mihitsy na dia tsara toy inona aza ny fihetsiny!

Ary mety hiverina io tranga io ho any amin'ny fahamainan'ny fahazarana amin'ny fiaraha-monina sasany; izay mampihatra ny fifandraisana amin'ny alalan'ny fihenjanana sy fahamafisana.

Ary na dia mitondra fahatsarana maro sy fihetseham-po marina ao anatiny aza ny fiaraha-monintsika; dia saingy vitsy dia vitsy ny manolotra teny mamy ho an-dramatoa raha mihoatra amin'ireo hafa, etsy andaniny dia mety mahita fiaraha-monina hafa ianao, mampihatra izany ho fandokafana tsotra izao.

Mety haheno ianao ao anatn'ny fiaraha-monintsika, avy amin'ireo reny sasany, aorian'ny nanaovany fianianana tamin'Andriamanitra be voninahitra, fa izy dia tsy nandre tamin'ny vadiny teny manandratra na mandoka nandritra ny tontolom-piainany ara-panambadiana, izay efa nihoatra ny efapolo taona, tsy mahatsiaro izy na dia andro iray aza, fa ny vadiny dia niteny taminy ohatra hoe: “tsara ny nataonao”, “Andriamanitra anie hamaly soa anao tamin'izay asa nataonao”, “tsy nanao ratsy ny tananao” ohatra! Raha marina izany voalaza izany, dia mila fandinihana sy fandalinana mafonja ny toe-draharaha mba hamerenana indray ny fijerena ny mikasika ny fanabeazana, mialohan'ny zavatra hafa rehetra!

Ary tsy misy ny teny voafetra na fihetsika voafaritra milaza ny fihetseham-pon'ny olombelona, satria ny sehatr'ireo teny na ny fihetsika izay azo hamborahana sy hilazana ny ao anaty dia tsy manam-petra.

Ary ny fampianarana momba ny finoana Islamo dia mampirisika ny fanehoana ny fihetseham-po sy ny fisaorana ny hafa, ary ny fiderana azy ireo, rehefa manolotra fikarakarana voafaritra izy ireo. Miteny indrindra Ilay Mahery: **"ary milazà ny fahatsarana amin'ny olona ianareo".**

Ary avy amin'Ilay Iraka (saw), amin'ny teniny hoe: **"ny tenin'ny lehilahy amin'ny vehivavy hoe: tia anao tokoa aho, dia tsy miala ao am-pon'ny vehivavy na oviana na oviana"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.285).

Ary izany moa dia fampianaran'ny Mpaminany hanehoana ny fihetseham-pom-pitiavana ho an'ny vady (vehivavy) mba hampaharitra ny fifankatiavana tsara eo amin'izy ireo.

Ny tena mampalahelo dia ny fanarian'ny olona ny fihetseham-pony manoloana ny fiainan'ilay mpiara-dia aminy sy ny fahafoizan-tenany, avy eo minia mikipy sy tsy mandre izy ny amin'ireo fahasoavana lehibe nomen'Andriamanitra azy, ka ny vady (vehivavy) mendrika sy madio izay maniry ny hanazava ny fom-badiny amin'ny alalan'ny fitafy madio sy fahitana ivelany mahafinaritra, dia mendrika ireo teny malefaka mahatehotia, ka hanehoan-dralehilahy ao anatin'izany ny fanomezany lanja izay tafian'ny vadiny, eny fa na dia teny vitsy mahafinaritra aza. Tena marina, izany teny izany dia mitondra fahavokisana ho an'ny fihetseham-po sy ny atim-panahy ho an'ny vehivavy, ary mandrisika azy hanome lanja ny endriny ivelany sy ny fahatsarany.

Tahaka ny itadiavan'ny vehivavy ireo teny manandratra sy midera, dia tahaka izany koa ny lehilahy, mitady izany; ka ny vady (vehivavy) misaina dia mamboraka ny fitiavany sy ny fitsimbinany ny vadiny amin'ny fotoanan'ny trangan-javatra maro, ka midera ireo toetra tsaran'ny vadiny izy ao anatin'izany, sy ireo fihetsiny mahafinaritra, tena marina izany rehetra izany dia manamaivana ho an'ny lehilahy ny fahasahiranana sy ny vesatry ny fiainana, ary ireo teny ireo ihany koa dia hahatsapany filaminana sy fahasambarana ary fanajana.
Ary inona no mety ho fatiantoky ny olona amin'ny alalan'ireo teny vitsy, moa tsy tahaka izay voalaza amin'ny filazana hoe: **"ny teny tsara dia fanomezana".** Nahoana ny toeran'ny vehivavy no tsy ny tranom-panambadiany; izy no ilay mpiara-dia amin'ny vadiny amin'ny fiainana, ary ralehilahy no mpiara-dia aminy amin'ny fiainana ihany koa, ka moa ve tsy ireo akaiky indrindra no laharam-pahamehana hanaovan-tsoa?

Tena marina ny famerimberenana ny fihetseham-po marina dia ahitana hery fanohitra hafa izay manamafy ny fitondrantena tsara sy tena mendrika avy amin'ny andaniny, ary manome fahavitriana ao anatiny, ka mitondra azy ho amin'ny toeram-pahamboniana.

Ary raha tsy mahita izany fihetseham-po marina izany ao anatiny ny olombelona, dia tsy tokony hahihitra farafahakeliny amin'ny tenim-panajana, satria ny fanajana dia antsasaky ny saina araka ny fiteny!

Ary satria ny fanajana dia lasa filàna tanteraka, eny fa na dia ho mariky ny fialantsiny monja aza, sy ho fahaiza-miaina, ka hijanonan'ny valim-pihetsiky ny andaniny hafa eo amin'izany.

Tena marina ny fahazarana amin'ny fanaovan-tsoa dia mendrika sy tsara tokoa, ary miverina any amin'ny andaniny roa amin'ny vokany mahomby, ary miaraka amin'ny fandehan'ny andro dia manjary mahatehotia sy mahafinaritra ny raharaha.

Ary miaraka amin'ny fizotran'ny fotoana dia hifankafantatra ny mpivady amin'izay tian'ny tsirairay araka ny karazam-pihetseham-pony, sy ny fotoanany avy, ary ny amin'ny lafin'inona avy no iriany bebe kokoa hiderana na hanandratana, ary isan'ny azo antoka fa ny vady (vehivavy) no matetika mahatsapa hafaliana rehefa hasandratra sy deraina amin'ny haingony sy ny fahatsarany.

Ary azo antoka ihany koa, fa ny lehilahy dia velombelon'aina sy manatraka loha rehefa maheno ny fanandratana ny maha lehilahy azy avy amin'ny vadiny, ary faly tokoa ny fony, amin'ny fanatanterahana ny adidy ara-pianakaviana sy ara-piaraha-monina ohatra, amin'ny tranga rehetra, ny toe-javatra dia samihafa amin'ny lehilahy iray mihoatra amin'ny lehilahy iray hafa, ary toy izany ny vehivavy iray manoloana ny vehivavy iray hafa, ka ny tsirairay dia samy manana ny firafitry ny toe-tenany manokana ho azy, fa tsy misy fitsipika voafaritra, saingy ny azo antoka indrindra, ny teny tsara sy izay avy amin'ny fihetseham-po marina dia mambabo ny fo sy ny fanahy, ary mamelona ilay hafanana ao anatin'ny fiainana ara-panambadiana, ary mahalalina ny fifamatoram-pitiavana ao anatiny.

## Ny fitantanam-bola sy ny fifandraisana ara-panambadiana

Ny vola dia mandrafitra sehatra ilaina tanteraka eo amin'ny fifandraisana mitombina ara-panambadiana, sy ara-pianakaviana, ary izany dia ho famaliana ireo filàna isan-karazany sy ny vola laniana ho an'ny fianakaviana isan'andro isan'andro.

Ary matetika dia mipoaka hatrany ireo olana eo amin'ny fiainam-panambadiana vokatry ny antony maro mifamatotra amin'ny ara-bola, ka dia mipoitra ny olana, hateraky ny tsy fahafahan'ny ralehilahy manatanteraka ireo adidy aman'andraikiny manoloana ny ankohonany, ary mety hitranga izany amin'ny alalan'ny fangatahan'ny ravehivavy diso tafahoatra izay tsy zakan-dralehilahy intsony, ary mety hisy ihany koa ny olana vokatry ny fifandirana amin'ny lafiny ara-bola eo amin'ireo mpivady, sy ny fangatahan-dralehilahy ny vadiny amin'izay fandaniana atao amin'ny ankohonana, ary mety hivoatra ny tranga ka tonga hatramin'ny karazana takalo sy sandany amin'ny zon'ny vehivavy.

Ka eto ny resaka momba ny vola dia anisan'ny lohahevitra maresaka tokoa izay mifandray amin'ny fifandraisana ara-panambadiana, ary hotsindriantsika bebe kokoa ny fanazavana io tranga io, ka hitondrantsika fanasitranana izany amin'ny alalany vahaolana sy ny soso-kevitra ary ny toro-làlana ho fiezahana handresy ny olana.

Adidintsika noho izany ety amboalohany no miaiky sy mahafantatra fa ny ankamarontsika dia tsy mahafehy ny fitantanana ny fiainam-panambadiana ara-bola, izany hoe ratsy ny fitantanana nandritra ny fotoana naharitra. Ny sasany dia mba mahazo vola ampy avy amin'ny asany ihany, saingy amin'ny

faran'ny volana izy dia tsy mahita izay holaniany ho an'ny tenany, na ho an'ny ankohonany akory, ny sasany indray moa dia voatery hisambo-bola amin'ny alalan'ny fomba samihafa.

Ary any ho any, ny sasany hafa indray mahazo kely ihany, ampy ho azy ny ankohonany; saingy tsy misy fahaiza-mandanjalanja sy mitsinjara mihitsy eo amin'ny fivelomana, ary eo ihany ny fomba fisainana maka-tahaka ireo hafa manan-katao ka mandrendrika azy anaty loza, ary voatery amin'izany isaky ny mihetsika ny hitrosa, sy hampivesatra ny tenany ny vesatry ny  trosa sesehena sy mafonja.

Isika moa eto, tsy mila miresaka fa ny ankamaroan'ny olana mifamatotra amin'ny toe-bola dia noho ny tsy fahaizantsika mitantana ny loharanom-bolantsika, ka ny hetsika ho fanatsarana ny fitantanam-bolantsika sy ny fandratoana fahalalana ary fakana traikefa izay tsy maintsy takiana amin'izany no hanampy antsika hiala amin'ireo olana sesehena mety hitranga.

## Ny dingana voalohany:

Ny ankamaroantsika, teo am-panombohan'ny fiainam-panambadiana dia mety nandalo naharitra teo amin'ny sehatry fandanindaniam-poana, ka nahafoana ny harena tamin'ny endriny izay tsy eken'ny saina, ny fivoahan'ny mpivady matetika ny trano, sy ny fandaniana ny fotoana any amin'ny trano fisakafoanana lehibe, ary ny fitsidihana ireo tsena malaza sy miavaka, ny fandaniam-bola sesehena amin'ny fomba tsy mendrika sy ny fanamboaram-bolo.

Ary ny sasany dia mety mirona any amin'ny fanoloana ny fiarakodiany ho famaliana ny hevitry ramatoa na ho fanajana sy fiarahabana azy, ka dia mitombo miaraka aminy ny fandaniana sy ny trosa eo anivon'ny fiainam-panambadiana vaovao izay nisy ny fahasambarana sy ny fahavitriana.

Ary mety hitohy mandritra ny taona maromaro izany tranga izany, nefa tsy mitodika mijery ireo fahadisoana vokatry ny famotehana sy fandanindaniam-poana ary fandaniana tsy amin'ny toerany ireo mpivady! Araka ny fitsipika hoe:  ampiasao izay any am-paosy, ho tonga aminao izay miafina, indrindra indrindra fa tsy mahadinika ny haben'ny andraikitra ara-bola amin'ny hoavy ireo mpivady, sy izay miandry azy roa ireo amin'ny olana tsy fantatra!

## Ireo dingana feno fahasahiranana:

Mifoha amin'ny torimasony ireo mpivady aty aoriana, sy aorian'ny fandalovan'ny taona maro, amin'ny fanairan'ny fanambadiana, sy ny hafanan'ny faharendrehana noho ny zava-misy samihafa, ireo ankizy miha lehibe isan'ando isan'andro, ny filàna miha mitombo ho famaliana ny fangatahan'izy ireo, sy ny filàn'izy ireo ara-bola, ny toeram-ponenana manomboka mihatery tsikelikely amin'izy ireo, ary ny eo am-pelatanana mamitaka araka ny fiteny, ny tahirim-bola tsy maintsy lany, ary ny miditra mila tsy hahasarona ny filàn'ny ankohonana rehetra.

Tena marina ny maro amintsika dia mifoha amin'ny fitrangan'ny olana, sy tampohany avokoa, ary mety iharan'ny fialantsiny sy ny fanenenana tamin'izay natao tsirambina, sy tamin'ny tsy fahaizany mitsinjara ny raharaha tamin'ireo andro efa lasa, nefa taorian'ny fandaozan'ny fotoana!

## Mandraisa fahalalana amin'ireo fahadisoan'ny hafa:

Mba tsy hamerenantsika ireo fahadisoan'ny hafa sy ny fanandraman'izy ireo tsy nahomby, dia adidintsika ny mametraka drafitra sasantsasany amin'ny ankapobeny takiana amin'ny fitantanana ny fiainana ara-panambadiana, sy ny toerana misy ny ankohonana amim-pahombiazana.

## Ny fitehirizana dieny mialoha:

Anisan'ny fanapahan-kevitra sarotra amin'ny olombelona ny hametrahany fetra amin'ireo faniriany, ary ny hamerany ireo fanirian'izay velominy amin'ny ankohonany, raha toa izy amin'izay fotoana izay amin'ny toerana tsy misy mpialona, isan'ny fepetra manjaka ara-piaraha-monina. Nefa avela ho an'ny mpaniry ny tady araka ny fitenenana, ary avela ihany koa ny raharaha handeha fahatany amin'izao, tsy misy tombontsoa ho an'ny ankohonana amin'ny hoavy, ka adidiny ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny fitehirizana amin'ny fotoana aloha amin'ny fanambadiana, izany no fanapahan-kevitra feno fahendrena bebe kokoa, ka hametrahana fetra ho an'ny faniriana mihoa-pampana izay tsy misy fetrany, ary miaro ny ankohonana amin'ny fiatrehana ireo olana ara-bola tonga tampoka, noho ny fisian'ny tahiry, manampy amin'ny famaliana ireo filàna ao anatin'ny tranga sarotra, ary ny tahiry dia tsy midika faneriterena ny famelomana akory, fa fandaniana amin'ny antoniny ary fitehirizana ny mihoatra.

## Fanatsarana ny toe-bola:

Mitombina tsara tokoa ny fanomezan-danja ny fitehirizana noho izy maneho dingana ho amin'ny làlan'ny fampitomboam-bola sy fampiasana azy. Ary ny fampianarana araka ny finoana Islamo dia efa nanamafy ny maha zava-dehibe ny fampitomboam-bola sy ny fampiasana azy noho ny fisian'ny famoahana sy ny fandraisana mahomby eo amin'ny sehatry ny toe-karena ary ny ara-bola ho an'ny ankohonana, mba ho marin-toerana tsara ny famaliana ny mety ho loza hitranga ara-toekarena hatrehan'ny ankohonana maharitra.

Miteny ny Imamo Sadiq (a.s): **"aoka ianao hanatsara ny toe-bola, fa ao anatin'izany dia misy fanairana ho an'ny malala-tànana, ary zava-mandalo kosa ho an'ny mpanome tsiny"** (Mizânou-l-hikmat v.9 p.261).

Ary amin'ny filazana hafa: **"ny fampitomboam-bola dia fanamaivanana tanteraka"** (Mizânou-l-hikmat v.9 p.261).

## Ny fampitomboam-bola azo antoka:

Mety ho maika ny sasany hanan-karena haingana, ka mametraka ao amin'ny tenany nofinofy amin'ny fananan-karena, ary dia mandeha haingana amin-kery mampiasa ny volany amin'ny endrika diso, ka mijinja aorian'izany ny fatiantoka sy ny fanenenana ary ny fahaverezan'ny tahiry.

Tena marina ny fampiasam-bola dia mitaky fahaiza-manao sy traikefa ary mila fotoana amin'ny fikarohana làlana mikasika ny tetikasa sy fahazoana antoka. Ka firifiry amin'ny lehilahy manambady no maika amin'ny fanatrehana ny hafanan'ny fampiasam-bola amin'ny endrika tsy misy fiomanana, ka dia ny nenina maro no aorian'izany.

## Aza ilaozana izay velominao:

Ny fampianarana ara-pinoana dia mandray ny fahendrena sy fanaovana drafitra ary ny fampiasan-tsaina amin'ny fifaneraserana miaraka amin'ny tranga samihafa ara-piainana sy ny momba azy, ary ny fananahana dia maneho sehatra fototra eo amin'ny fiainana ara-panambadiana. Ary lalàna voajanahary ny mampifanaraka ny fitsipika amin'ny ankapobeny miantso ho any amin'ny fahendrena sy ny fampiasan-tsaina ary ny drafitra amin'ny fananahana. Ary voajanahary ihany koa ny haneken'izany rehetra izany ho amina tanjona, sy izay maneho ny iray amin'ireo lafiny maro, ao anatin'ny fahafahan'ny mpivady ara-bola, mba hizakana ny vesatry ny filàm-pivelomana, miampy ireo zavatra hafa mifandray amin'ny fahasalamana sy ny fanabeazana ary ny mitovy amin'izany. Ary eto isika dia mahafantatra ny tsiambaratelon'ny fahasamihafan'ny tenin'ny tatitra milaza momba ny fananahana, ka ny sasany dia ahitana fampirisihina amin'ny fiterahana, sy ny fanamaroana taranaka, tahaka ny tenin'ny Mpaminany (saw): **"manambadia ianareo, ary aoka ho maro, fa izaho dia hirehareha tokoa amin'ireo vahoaka noho ianareo amin'ny andro fitsanganana, eny fa hatramin'ny zaza afaka aza"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.271).

Ny filazana sasany indray mitodika any amin'ny tena fahamarinana fa ny fahavitsian'ny fiterahana dia andry ifotoran'ny fanamaivanana amin'ny vesatra ara-toekarena ao an-damosin'ny raim-pianakaviana, miteny ny Imamo Sadiq (a.s): **"ny fahavitsian'ny ankohonana dia iray amin'ireo fahamorana roa"** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.271)

Ary ny azo tsoahina amin'ny fahasamihafan'ireo toro-lalana avy amin'ireo filazana masina ireo araka ny endriky ny tatitra roa teo aloha ireo, ny resaka momba ny fiterahana dia mankato ireo fepetra araka ny tanjona, ka ny filazana voalohany dia mampirisika ho an'izay mahavita miaraka amin'ny fitandremana ny fahafenoin'ireo fiomanana rehetra sy fahafahana ara-materialy ary ara-tsaina handraisana ireo taranaka manaraka, etsy andaniny ny endriky ny filazana hafa indray dia mandray ny heviny amin'ny endriny mazava sy miharihary, resaka fahefana ara-bola eo amin'ny fiterahana maro; mba tsy hanarian-dralehilahy izay velominy.
Ary ny fampianaram-pinoana dia mifantoka amin'ireo anton-javatra, ary miantso ny olona ho any amin'ny fandinihana ireo antony mba hamahana ireo olana, sy tsy ianteherana amin'ny vintana, ary ny tenin'ny Mpaminany (saw) dia tsy mitsahatra manako ny amin'ilay tambanivohitra arabo: **"fatory ary miantehera"**, ao anatin'ilay tantara diso fantatra; sy izay toro-làlana ho an'ilay tambanivonitra amin'ny fandraisana fepetra sy famelana ny tsy firaharahana, ary fametrahana drafitra sy fialana tanteraka amin'ny fahamaizinana.

Ary isika moa tsy hiteny amin'izany toe-javatra izany fa ny mpivady, izy roa irery ihany no manapaka ny amin'ny fiterahana vitsy sy maro, ary izy roa, iza no mahafantatra amin'ny antsipirihany ny olana mahazo azy ireo, sy hamaritra ny haben'ny fahafahan'izy ireo amin'izany.

## Ny fifandrimbonana ara-bola:

Rehefa manjaka ny fitiavana sy ny fifankahazoana eo amin’ny mpivady; dia tsy misy mifampitsara ny andaniny sy ny ankilany amin’izay nolaniana sy nomena ny hafa amin’izay mifamatotra amin’ny filàna fototry ny ankohonana, toy ny tany sy ny trano, ary ny lany tamin’ny fikarakarana sy ny hafa, fa miseho kosa ny tsy fitovian-kevitra ara-panambadiana eo amin’ny ara-bola matetika, ary mifampitsara tanteraka ny andaniny sy ny ankilany, rehefa mitranga ny tsy fifankahazoan-kevitra, sy mikorontana ny fifandraisan’izy ireo, ary mihamitombo ny disadisa, ka mahatsapa ho ambany ravehivavy noho izy tsy tompon’andraikitra amin’ny fandaniana sy ny fandraisana anjara miaraka amin’ny vadiny amin’ny fividianana trano, na fiarakodia, na ny mitovy amin’izany, raha tsy noho ny sitrapony.

Ary eto isika dia hanolotra ireo fahamarinana maromaro:

## Voalohany: ny fandaniana dia adidin’ny ralehilahy:

Tena marina ny fandaniana atao amin’ny vady sy ny trano ary ny filàn’ny zanaka sy ny ankohonana dia anisan’ny adidin’ny lehilahy irery ihany, fa tsy mizaka adidy mihitsy ny vehivavy araka ny fitsipi-dalàna araka ny finoana, raha mbola mahavita izany ihany ralehilahy.

Miteny indrindra Ilay Mahery: **“Ny lehilahy dia tompon’andraikitra amin’ny vehivavy, izany dia noho ny nanomezan’Andriamanitra azy tombony manokana manoloana ny an-kilany, sy noho ny nahafoizany ampahany tamin’ny harenany”** (An-nissa 4.34).

Ary miteny Ilay Iraka malala-tànana (saw): **“zon’ny vehivavy amin’ny vadiny ny manala ny hanoanany, sy mandrakotra ny henatrany, ary tsy manaratsy azy”** (Mizânou-l-hikmat v.4 p.284).

Ary tsy manan-jo ny lehilahy ny hankahala ny vadiny amin’ny fandaniana, na ny fifandrimbonana aminy amin’izany amin’ny filàn’ny fiainam-panambadiana, na ihany koa hanery azy mba hanaiky ny fangatahan-dralehilahy ara-bola; satria izany dia tsy azo atao araka ny lalàm-pinoana, ary hapetraka ho fihinanana harena amim-pahadisoana, ary izany dia harena nalaina an-keriny, ka ho tsaraina amin’ny andro fitsarana, ary dia hitsangana amim-pahambaniana sy amin-kenatra manoloana Ilay Mpahary azy izy, nefa indrisy fa diso aoriana.

## Faharoa: ny fanaovan-tsoa voalohany:

Ny fifandraisana ara-panambadiana dia miorina amin’ny fitsipi-pitiavana sy famindram-po. Ka ny fifanampiana sy ny fahafoizan-tena dia anisan’ny endrika isehoan’ny fitiavana lalina sy fitsimbinana, ary tsy isalasalana fa ny fanampian’ny vehivavy ny vadiny, amin’ny alalan’ny famoaham-bola avy aminy, ho an’ny filàn’ny ankohonana, sy ny fitsanganany miaraka amin’ny vadiny mandrakariva ao anatin’ny fahasarotana sy ny fahavoazana dia zavatra tsara sy mendrika, ary takian’ny lalàm-pinoana; izany dia anisan’ny fahatsarana sy fahatahorana..miteny Ilay Mahery: **“ary aoka ianareo hifanampy amin’ny fahatsarana sy amin’ny fahatahorana”.**

Ka ny fifanampiana sy ny fahafoizan-tena dia anisan'ny manamafy ny fifandraisana ara-panambadiana, ary mampitombo ny fiarahan'ny mpivady.

Tena marina ny vehivavy manambady sasany dia mikaroka asa fanasoavana mba hamoahany vola amin'izany fitadiavana ny fankasitrahan'Andriamanitra be voninahitra, sy hahazoana fahasoavana ary valisoa sesehena avy Aminy, ka ny fanampiana ny vady (lehilahy) amin'ny fanorenana trano ho an'ny ankohonana dia endrika iray amin'ireo endrika maron'ny fahatsarana sy fanaovan-tsoa, ary fahazoana valisoa sy fahasoavana, ary fanaovan-tsoa ihany koa ho an'ilay mpiara-dia aminy eo amin'ny fiainana, ary ny havana akaiky dia laharam-pahamehana hanaovana ny fahatsarana.

## Fahatelo: ny fahatsarana ao anatin'ny fifanampiana:

Tena marina ny fifanampiana takiana eo amin'ny mpivady dia mety tsy ho tanteraka amin'ny ambaratongany farany ambony, saingy azo tanterahana tsara amin'ny ambaratongany farany ambany, ka ny vehivavy izay tsy maniry ny hifandrimbona amin'ny vadiny amin'ny fandaniana ho an'ny ankohonana sy ireo filàny, dia anisan'ny zony izany, ary tsy manana andraikitra amin'izany izy, saingy azony atao ny manampy ny vadiny ho fitadiavana valisoa amin'izay famoaham-bola ataony miaraka amin'ny vadiny, amin'ny fanorenana trano ho an'ny ankohonana ohatra, izany dia trosa araka ny lalàm-pinoana, ka adidin'ny ralehilahy ny mamerina izany amin'ny vadiny, ary manatanteraka izany amin'ny fotoana ahafahany. Ary mba hampazava ny toe-javatra, ka tsy hisian'ny zavatra mifangaroharo ao anatiny, ary mba handraisan'ny andaniny sy ankilany ny zony avy, dia tsy maninona ny fanoratana ny trosa ary rakitra mipetraka ara-pinoana; ka adidin'ny ralehilahy ny manaiky izany

amim-pahamorana, ary tsy hanisy fiantraikany amin’izany eo fifandraisany amin’ilay mpiara-dia aminy eo amin’ny fiainany, satria izany dia zon’ny andaniny ka tsy maintsy manaiky izany. Ary tsy misy fanamaivanana ny amin’izany, tahaka ny ilazan’ny andianteny masina amintsika araka ny tenin’Ilay avo indrindra: **“Fa ianareo mpino! Raha mifanaiky ny hifampitrosa anatina fe-potoana voafetra ianareo, dia aoka hitana izany antsoratra; ary ny mpitan-tsoratra aminareo handrakitra izany araka ny fahamarinana”** (Al baqara 2.282).

Mitovy avokoa ny rehetra ny amin’ny fanoratana ny trosa, eo amin’ny vahiny sy ireo namana, eo amin’ny ralehilahy sy ny vadiny, eo amin’ny zanaka sy ny rainy..ary afaka mifanaraka miaraka izy roa amin’ny fananana ny trano ohatra, arakaraka ny fifanarahana eo amin’izy ireo. Ny zava-dehibe dia ny fitandroana ireo zo eo amin’izy ireo mba hanalavirana ny fifandirana ara-bola.

Ary adidin’ny ralehilahy ny matahotra an’Andriamanitra, sy tsy hanao ny tsy mety amin’ny volam-badiny, fa hamerina izany haingana aminy, amin’ny fotoana ahafahana manao izany, raha toa ny vola noefaina avy amin-dravehivavy ka trosa avy aminy ho an-dralehilahy, ary arakaraka ny fifanarahana teo amin’izy ireo.

Ary farany, raha tsy misy ny fanaovan-tsoa eo amin’ireo mpivady, araka ny faharesin-dahatra eo amin’izy ireo avy, ary tsy tanteraka ny fifanampiana ara-bola eo amin’izy ireo; eny fa na dia tonga amin’ny sehatry ny trosa aza izany, amin’izay fotoana izay dia tsy maintsy mandeha amin’ny dingana mivantana sy mazava, ary fanapahan-kevitra

farany, amin’ny fampisarahana ny volan’ny andaniny sy ny ankilany, ary ny famerenana ireo zon’ny tompony, sy ny fifehezana ny fankahalana ao amin’ny tena.

## Fahefatra: ny fanokanana manokana ny ara-bola:

Mety hifangaro ny volan’ny mpivady noho ny sitrapon’izy ireo, nefa tsy mahafantatra izay azy ny tsirairay amin’izy ireo, ka izany toe-javatra izany dia miverina amin’izy ireo ihany, amin’ny fitantanana izay niseho teo am-pelatanan’izy ireo, tamin’izay fananany. Koa satria izy roa ireo dia samy latsaka ao anatin’ny olan’ny tenany avy, indrindra fa ny vehivavy, izay naniry ny hisarahan’ny volan’izy ireo avy, ka dia mitohy toy izany ny raharaha araka ny fisehoany mandra-pitrangan’ny fifandirana sasany hafa indray, nefa izany dia mifanohitra amin’ny zava-misy feno olana iombonana eo amin’izy ireo, ary mba handravana ny olana mety hiseho, dia adidin’ireo mpivady ny mifanaiky amin’ny fampisarahana ny vola, samy hanana ny azy, ka tsy maintsy izy ireo manaiky amin’ny fo madio ny hanokana ny volany amim-panajana sy andraikitra , indrindra moa fa tsy misy mahafantatra afa-tsy Andriamanitra ny fahafatesana; ary ny fahavelomana dia anatin’ny fahalalan’Andriamanitra Ilay be voninahitra sy avo indrindra, ary hanalavirana ny trangam-pifandirana eo amin’ireo mpandovan’ny mpivady tsirairay avy, aorian’ny fandaozan’ny iray amin’izy ireo noho ny tsy fahafantarana ireo zon’ny andaniny hafa ara-bola, ka ho voambaka ny sasany amin’izay fotoana izany; ary tsy ampy ao anatin’izany tranga izany ny fikasana tsara sy ny eritreritra madio, ary ny fifandraisana ara-panambadiana tsara teo amin’ny fiainan’izy ireo raha mitranga ny olana izay mety mahatonga ny fikorontanan’ny fifandraisana tsara teo amin’ny fianakaviana sy ny mpandova.

## Ny fanomezana no fanalahidin'ny anjaram-pivelomana:

Mety tsy afaka hampitombo ny harenany ny maro amin'ny alalan'ny fampiasam-bola sy fanaovana tahiry araka ny fantatra, izany rehetra izany anefa dia nampandroso ny fandalinam-pinoana ho lohalaharana, amin'ny fomba sy ny fanao feno fahasoavana amin'ny fampitomboana ny harena, ary maneho izany ny fanatanterahana ireo zo sy fanomezana ireo tompon'ny filàna, miteny Ilay Iraka be voninahitra (saw): **"aoka ianareo hanamaro ny fanomezana dia hahazo anjaram-pivelomana"** (Mizânou-l-hikmat v.5 p.323).

Ary mbola miteny ihany izy (saw): **"tena marina ny fanomezana dia mampitombo sesehena ny tompony, koa manomeza ianareo, hankasitraka anareo anie Andriamanitra".** (Mizânou-l-hikmat v.5 p.323).

Ny fandalinam-pinoana ny amin'ny miafina dia manome antoka ho an'ireo mpino ny miafina mpankato sy mpanaiky ny baikon'Andriamanitra ny fahatsarana maro sy fahasoavana ary ny fanefana ny trosa raha nandray tombontsoa tamin'ny toro-hevitra faran-tampony araka an'Andriamanitra amin'ny famoaham-bola sy ny fanomezana ho an'ny hafa, miteny ny Imamo Sadiq (a.s): **"ny fanomezana dia manafaka ny trosa, ary mampisy fahasoavana aty aoriana"** (Mizânou-l-hikmat v.5 p.324).

Izany dia fampanantenana avy amin'Andriamanitra ho an'ireo mpanolotra fanomezana sy ireo mpamoaka ny harenan'izy ireo amin'ny làlan'Andriamanitra ary manefa ny filàn'ireo tsy manana sy mahantra amin'ny alalan'ny fampivoarana sy fampitomboana ny harenan'izy ireo, izany dia toy ny

haron-kely misy tahiry, amin’ny karazany manokana mihitsy, tsy misy mahafantatra ny fomba namboarana azy sy ny tsiambaratelony afa-tsy Ilay Tompon’ny harena sy Malala-tanana irery ihany.

## Ireo olana misy ara-panambadiana

Ny fiainana ara-panambadiana tsy ilaozan’ireo olana samihafa, ka izay mieritreritra hafa ankoatra izany dia mpandefa vinany sy mpanonofy fotsiny izy. Misy aza ny milaza fa ireo ara-panambadiana dia toy ny siran-daoka, izay tsy azo ialana, ka toy izany tanteraka izy. Ary torak’izany ihany koa ny zo, fa raha mbola samy manana ny ambaratongam-pieritreretany ny olombelona, sy mbola samihafa ny toetra amam-panaony ara-boajanahary ary ny fomba fijeriny ny toe-draharaha, ka ny zava-misy ara-boajanahary entin’izany fahasamihafana izany dia mampifanipaka ny faniriana sy ny fomba fihetsika eo amin’ny tsirairay amin’ny lahy sy vavy. Ary ny fiainana ara-panambadiana dia fitsapana madinika, ary ohatra bitika ho an’ny fahasamihafan’ny zanak’olombelona, nefa ny lehilahy dia tsy mitovy amin’ny vehivavy. Saingy izany fahasamihafana izany dia tsy midika ho tsy fisian’ny fifankahazoana sy fifanarahana mihitsy eo amin’ny mpivady, fa izany dia mety ho fototry ny fifamenoana sy fiarahana tanteraka ho toy ny vatana iray, araka ny voalazan’ny andianteny masina: **“Ary anisan’ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany ho anareo avy aminareo ny vadinareo…”** (Ar-rum 30.21).
Ary amin’ny heviny hafa, ny fahasamihafana ara-boajanahary eo amin’ireo mpivady dia tsy fototry ny olana, fa ireo olana dia miainga avy amin’ny fanaovana ny tsy mety avy amin’ireo mpivady, ary ny fitantanan’izy ireo ny fiainam-panambadiana tsy araka ny tokony ho izy; noho ny antony maro, saingy tsy mbola hitondra resaka ny amin’izany aloha isika izao.

Ary isika moa dia mbola manaiky ny fisian'ireo olana ao anatin'ny fiainam-panambadiana, na noho ny antony fidiran'ireo fianakaviana, na noho ny fiasan'ny vehivavy, na ny olana ara-bola, izay mampikorontana ny fiainam-panambadiana, na ny ankoatra izany amin'ireo olana maro..ka noho izany, ahoana ny fomba hiarahantsika amin'izany olana izany, ary inona no fitsipika mahomby amin'izany?

## Tsy fanitarana ireo olana:

Ny sasany dia ankafiziny tokoa ny mampitombo ny faharatsiana sy manitatra ireo olana, ka raha vao miseho ny olana ara-panambadiana dia lehibe eo amin'ny tenan'izy ireo izany; ary dia miova ho loza goavana eo amin'ny fiainan'izy ireo, tsy vitan'izy ireo ny manafoana izany, fa dia miresaka amin'ny mpifanolom-bodirindrina sy ny lavitra; ka dia manome asa ny tenany izy ireo araka ny fiteny! Nefa izany fomba fitondrana ny olana izany dia vao maika mahasarotra ny toe-javatra, ary mampitombo ny fahasarotana, ary dia mitovy amin'izay mandraraka menaka eo ambony afo.

Ka tokony isika ho matotra sy handinika tanteraka ary hifehintena eo am-pitrangan'ny olana, fa tsy mety mihitsy ny manitatra sy mampitombo azy, ary tsy fahendrena ihany koa ny misary tsy mahafantatra sy manamaivana azy; satria izany dia mampiangona ny fahasemporana efa mahazo ny fifandraisana ara-pianakaviana.

Tena marina ny fijerena misy tanjona ny toe-javatra, sy ny fandraisana azy araka ny endriny ara-boajanahary dia antoka manamaivana ny raharaha, ary ny fandefasana fahatoniana sy fisian'ny fahasorenana ho fiatrehana ny olana amin'ny endriny ara-boajanahary. Ary ny tsy fampiakaram-peo sy tsy fandefasana ireo teny manankiana; na fampiasana fihetsika hankahalana ilay mpiara-dia, sy ny fiantsiana ady aminy.

## Fampiasana fomba hifampiresahana amin'ny famahana olana:

Ny fifankahazoan-kevitra eo amin'ny mpivady dia manafoana ny olana tena sarotra, ary ny fampiasana ny saina tony dia antoka hamonoana ny haratsian'ny tsy fifanarahana, ka ny olona tsirairay dia mitovy samy mandray ny fisainana madio, sy fomba milamina, ary mitsipaka ny fitabatabana sy ny fanompana, ny fanavakavahana ary ny fiantsiana ady.

## Ny fametrahana fotoana ho an'ny fifampiresahana:

Azo antoka tokoa, fa tsy ny fotoana rehetra dia mety ho amin'ny fifampiresahana, sy ny fifankahazoana amin'ny famahana ny olana, ary tsy ny toerana rehetra ihany koa no mety hifanakalozan-kevitra sy hanazavana ny olana, fa adidin'ny mpivady no misafidy fotoana sy toerana mifanaraka amin'izy ireo. Ary tsy eken'ny saina, ny angatahin'ny vehivavy ny fanokafana ny fifampiresahana ny olana aorian'ny fahatongavan-dralehilahy avy any am-piasana avy hatrany, nefa ralehilahy ao anatin'ny filàna fialan-tsasatra kely; tahaka izany koa, tsy anisan'ny fahendrena ny

fiadian-kevitra amina olana eo am-patoriana, na amin'ny fitrangan'ny fahavoazana amin'ny iray amin'izy ireo!

Fa azon'ny mpivady atao tsara ny mandinika ny olana anatin'ny tontolo milamina sy mampahazo aina, ary amin'ny toerana lavitry ny ankizy..fahatahorana amin'ny fiatahana amin'ny tena votoatin-dresaka sy ny fivoahan'izany anatin'ny fifehezana azy!

## Ny fandeferana sy fo madio:

Aoka isika hahatsiaro mandrakariva fa ny fifampiresahana sy ny fifankahazoana dia tokony hisy eo amin'ny mpivady sy ny mpiara-dia roa tsy mifandao, fa tsy amin'ny mpifahavalo roa akory, ary ny fikambanam-pianakaviana dia mangataka amin'ireo mpivady haneho misimisy kokoa ny fandeferana, ny fahafoizan-tena mihitsy aza sy ny fandeferana tanteraka amin'ny zo ho fanakaikezana sy fankatoavana an'Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra, sy fanatanterahana ny didin'Ilay Mahery sy Tsitoha, ary fampianaran'ilay lalàm-pinoana madio mangarahara; miteny Ilay Mahery: **“manaova soa tahaka ny anaovan'Andriamanitra soa aminao”.**

Tena marina isika dia voadidy amin'ny fanaovan-tsoa, sy ny famelana, ary ny fiainana ara-panambadiana dia mendrika ny fahafoizan-tena, sy ny fiharetana ary ny fanaovan-tsoa amin'ilay mpiara-dia.

## Fantaro ireo filàn'ny andaniny hafa:

Ny fizahozahoana amin'ny fotoana maro dia manosika ny olona hampitondra fahadisoana ny hafa, ary famelana ny tena tsy handray andraikitra; nefa anisan'ny fahendrena ny fitondrana amim-pahamarinana ny mpiara-dia ankilany; ny fanomezan-tsiny ny tena, sy ny tsy fandiovan-tena, ary ny fametrahana ny tena amin'ny toeran'ny hafa, ka ny olana ara-panambadiana matetika dia tsy noho ny antony avy amin'ny andaniny iray ihany, fa hikambanan'izy ireo miaraka, eny fa na dia avy amin'ny fiaviana samihafa aza ny fisiany sy ny nahatonga azy.

Ary mba tsy haharendrika antsika amin'ny fametrahana ny fetra ho an'ny olana hatrany am-boalohan'ny toe-draharaha, dia adidintsika noho izany ny tsy fanalaviran'ny tenantsika ny olana, ary ny famelantsika ny fanomezan-tsiny ny hafa, sy ny fandiovantsika tena!

Ary adidintsika ny mifikitra tanteraka amin'ny fahamatoram-pisainana mba hahafantatra ny fahadisoana, ary hanaiky izany, ary ny fiarahana amin'ny tena sy amin'ny hafa amin'ny fampiharana izany.

## Ny fampisehoana ny lafitsaran'ny hafa:

Tsy anisan'ny fahendrena ny hanariantsika ny zon'ny mpiara-dia ara-panambadiana noho ny tenantsika, ka hamenoantsika ny fontsika fankahalana sy fialonana raha sendra manao diso izy amina tranga voafaritra, na eo ambany fangejantena, ka misary hanadinoantsika ireo fahombiazany sy ny

lafitsarany; ary ny fahatsarana am-polony nataony, tsy mety ny fankahalana ny fitondrantenan'ny hafa, sy ny fanomezana soketa mialohan'ny famahana ny olana, mba tsy hifangaro voraka tanteraka araka ny fitenenana. Miteny Ilay Mahery: **"ary aza manambaka ny olona amin'ny zavany".**

Adidintsika tokoa ny mampiseho sy milaza ireo rehetra fahatsarana amin'ny fihenjanan'ny olana, mba hanam-pahendrena bebe kokoa isika ary hanam-pandinihana eo am-pikarakarana ny olana, ka aoka isika tsy hiteny tsy am-piheverana eo amin'ny famoahana fanapahan-kevitra farany, amina fahadisoana mandalo anatina minitra voafaritra. Fa tokony hitohy ny fiainam-panambadiana amim-pahasambarana sy fahafinaretana am-polontaonany maro.

Ny olana sasany tokoa dia tsy mahatsiaro afa-tsy ny kilema ao anatin'ny fifanjevoan'ny olana; ary tsy fahampiana sy lesoka izay misy amin'ilay mpiara-dia andaniny, ary toy ny hoe tsy mba misy izany izy ireo!

## Ny fitsarana amin'ny fiverenana amin'ny lalàm-pinoana:

Ny sasany dia faly mionona amin'ny fampandresena ny tenany amin'ny fiankinan-doha amin'izay manjaka eo amin'ny fiaraha-monina, amin'ny fanao mahazatra sy ny fanarahana ny fitsarana nisy izay nolovaina ara-piaraha-monina, manongotra ny zon'ny vehivavy, ary manome ny zo rehetra ho an'ny lehilahy amin'ny zava-drehetra; rehefa manam-pahefana izy, ary tsy manana anjara fitenenana ny vehivavy eo anatrehany, ka nahoana ianao no tsy toa azy dia mifarana ny olana!

Marina fa ny fitsarana araka ny fombafomba sy fanarahana ny fiaraha-monina miangatra sy tsy mandroso; dia tsy mamaha ny olana amin'ny fotoana hahafantaran'ny vehivavy ireo zony, sy hahatsapany izany.

Ary tamina fihetsika manan-danja, mampatsiahy izany ireo boky mirakitra ny ela: fa Ali (a.s) sy Fatima (a.s) dia nangataka ny Irak'Andriamanitra feno fahamendrehana (saw) mba hitsara ny momba ny andraikitr'izy ireo tsirairay avy, dia nitsara ny Mpaminany (saw) fa adidin'i Fatima (a.s) ny manao ny andraikiny ao anatin'ny trano, ary adidin'i Ali (a.s) ny ivelan'ny trano, ary azoko atao ny mandray fanapahan-kevitra miteny ny fahamarinan'izany tatitra izany; fa io tatitra io dia fampianarana, ny tanjona aminy dia hahafantaran'ny mpivady mpino silamo ny fitsarana amin'ny fiverenana amin'ny lalàm-pinoana; ary any amin'ny fandalinam-pinoana, rehefa mitranga ny tsy fitovian-kevitra eo amin'izy ireo, fa tsy miverina sy mitsara amin'ny fanarahana an-jambany (marary), sy ireo fombafomba mampalahelo, satria izany dia mampisy olana sarotra indray.

Tena marina ny varavaran'ny lalàm-pinoana dia malalaka tanteraka ho an'izay mila hanaiky ny didin'Andriamanitra, ka hivoaka amin'ny fanaovan'ny tenany tsy rariny, sy ny fizahozahoany, ary ny tombontsoany kely, na lehilahy izany na vehivavy!

## Ny fahatahorana an'Andriamanitra (Allah)

Tsy fizarana vatomamy ao anatin'ny olana, fa fiezahan'ny rehetra hametraka ny fahamarinana ho an'ny tenany, ary fanamaivanana ny hevitry ny andaniny hafa ho tsy mitombina, ary ny sasany indray

mikiry amin'ny fanovana ny fahamarinana, miantoka ny fanendrikendrehana amim-pahajambana ka manosika azy amin'izany ny fankahalana ao amin'ny tenany, sy ny tsy fitiavany, ka ao anatin'ny tranga toy izany dia adidin'ny olombelona no matahotra an'Andriamanitra, ary hahatsiaro fa Andriamanitra Ilay Mahery sy be voninahitra dia hitsara azy amin'ny andro iray, ary izy dia tsy ho avotra amin'ny famaizan'Andriamanitra, ary na dia tanteraka aza ny fanavotana sy ny fandresena manoloana ilay mpiara-dia aminy tamin'ny alalan'ny lainga sy ny fiantohana ny fanendrikendrehana, dia tsy hisy n'iza n'iza afaka ny hanavotra azy velively amin'ny andro fitsarana!

Ary adidiny ny mametraka an'Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra ifantohan'ny masony eto an-tany ary hatahotra Azy Ilay be voninahitra izy mba hanoratany ho azy ny fitahiana eto amin'ny fiainana an-tany, sy fahasoavana sesehena any an-koatra. Miteny Ilay avo indrindra: **"Kanefa aoka ianareo tsy hamerina azy ireny raha ahiana hitera-doza izany, ka hitarika faniratsirana ny didin'Andriamanitra. Ary izay manao izany, dia manao ny tsyrariny amin'ny tenany ihany. Ary aza raisinareo ho vazivazy ny fanambarana avy amin'Andriamanitra. Ary aoka ho tsarovanareo mandrakariva ireo fahasoavan'Andriamanitra eo aminareo sy ny ampahan-drakitsoratra amam-pahendrena izay nampidininy teo aminareo, ka nanomezany anareo anatra mahasoa. Aoka ianareo hatahotra an'Andriamanitra, ary fantaro fa Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra"** (Al baqara 2.231).

## Ny fakana hevitra momba ny fahendrena:

Hita amin'ny tatitra araka ny lovantsofina avy amin'ny Imamo Ali (a.s): **"tsy ho rendrika izay maka hevitra"; "ary ny mendrika indrindra amin'ny olona dia izay manambatra ny fisainan'ny olona amin'ny fisainany".**

Ka tsy hitombina mihitsy ny iantsoan'ny olona iray fa izy dia afaka mifehy toe-javatra rehetra, ary izy dia afaka hamaha ireo olana rehetra, amin'ny fotoana maro dia sesehena ny trangan-javatra tsy fantatry ny olombelona, ary sahirana ny sasany amin'ny tsy fahampian'ny traikefa amin'ny fiarahana amin'ireo olana, izany rehetra izany no mahatsara ny ialokalofan'ny mpivady amin'ny tombontsoan'ny filàn-kevitra amin'ireo olona manana traikefa, na tompon'ny traikefa izay fantatra fa azo itokisana, ary azo atao ny maka hevitra na dia tsy fantatra aza fa ny lohahevitra dia mahakasika manokana ilay mpaka hevitra ihany, mba hampanalavirana ny tena amin'ny tsiny, ary fanakanana ny fiitaran'ny olana, sy ny fidiran'ny hafa ao anatiny.

# Fizahan-takelaka

Fampidirana.......................................................................................................................... 3

fanekena masina ..................................................................................................................... 5

Ny endriky ny fifamofoana azo antoka ........................................................................................ 11

a) Ny fisian’ny tebiteby sy ny fisalasalana ary tsy filaminan-tsaina mafy: .......................................... 14

b) Ny fiposahan’ireo olana samihafa amina zavatra maivan-danja: ................................................... 14

d) Fiangonan’ireo olana isaky ny mihalava ny fe-potoanan’ny fifamofoana: ...................................... 15

Ireo teboka manan-danja aminao: ............................................................................................. 17

Aza maika hifampitsara ianareo mandritra ny fe-potoanan’ny fifamofoana: ..................................... 17

Tsia maro! Mahomby ............................................................................................................. 18

“Tsia” ho an’ny fiarahana ara-nofo mialohan’ny alin’ny fanambadiana (fiarahana ara-nofo voalohany): ........ 18
“Tsia” ho an’ny fanaovana dia lavitra irery: ........ 19
Ny fahamaikana hiditra amin’ny fanambadiana araka ny sahaza sy antonony: ........ 19
Fanomezana lanja ny fanamafisana ny rohim-pihavanana: ........ 20
Ny fanomanana fanambadiana mahomby ........ 22
Voalohany: ny famakiana amim-pitoniana tanteraka ny amin’ny fanambadiana: ........ 25
Faharoa: ny fakana tombony amin’ireo traikefa nahitana fahombiazana: ........ 26
Fahatelo: ny fakana tombony amin’ireo fotoam-pihaonana arahana toro-làlana, sy ireo ivon-toerana manome fiofanana ara-pianakaviana: ........ 28
Fahefatra: ny anjara asan’ireo ray sy reny: ........ 31
Tsiahivo ny tombontsoan’ny fanambadiana aminao ........ 33
Voalohany: ao anatin’ny fanambadiana dia misy ny famaliana ireo hetahetan’ny vatana sy ny filàna amam-paniriana: ........ 34

Faharoa: ao anatin'ny fanambadiana dia misy filaminana sy fahatoniana:........................................ 35
Fahatelo: ny habetsahan'ny anjaramasoandro:..................................................................... 36
Fahefatra: ny fiarovana amin'ny fivilian-dàlana:.................................................................. 38
Fahadimy: ao anatin'ny fanambadiana no misy ny fitohizan'ny fisianao: .......................................... 39
Mba hahatonga ny fanambadianareo roa ho feno fahasoavana........................................................ 40
Aza alefa lavitra ny masonao: ........................................................................................ 41
Ny fandanjalanjana amin'ny fandaniana:............................................................................. 44
Ny hamaroan'ny vodiondry (mahr: vola na zavatra omena an-dravehivavy halaina vady) dia haratsiana:............................................................................................................. 46
Ny fikasana tsara: ..................................................................................................... 47
Ny fifandrimbonana ara-pinoana:.................................................................................... 49
Ny fifanajana eo amin'ireo mpivady ................................................................................ 51
Ny fifanajana ifamaliana eo amin'ireo mpivady:.................................................................. 53
Fahazoana diso:........................................................................................................ 54

Ny vahatra: .......... 54
Ny fahatanjahana diso: .......... 55
Inona no hamalianao ny Tomponao? .......... 56
Anao ny vokatsoa voalohany: .......... 57
Fanamafisana sy fampiharana: .......... 59
Ny fanatanterahana ireo zo aman'andraikitra .......... 60
Vokatra mangidy: .......... 61
Fakana harena tsy amim-pahendrena: .......... 62
Ireo zo mifandanja: .......... 63
Fotoana tokony ho raisina: .......... 64
Ny fanaovana raharaha ao an-tokantranom-panambadiana: .......... 64
Ny fahazaran-dratsy: .......... 66
Ny vehivavy ihany koa: .......... 67

Ny haloky ny fanaovan-tsoa: .......... 67
Ny fomba fihetsika manoloana ny hadisoana araka ny tokony ho izy .......... 69
Ny fiainana ara-panambadiana sy ny fijerena ny tena zava-misy .......... 74
Ny endrika voalohany: .......... 74
Ny endrika faharoa: .......... 76
Ny endrika fahatelo: .......... 77
Ny endrika fahefatra: .......... 78
Fampitandremana: .......... 78
Ny filazana ny amin'ny fihetseham-po marina .......... 80
Ny fitantanam-bola sy ny fifandraisana ara-panambadiana .......... 86
Ny dingana voalohany: .......... 87
Ireo dingana feno fahasahiranana: .......... 88
Mandraisa fahalalana amin'ireo fahadisoan'ny hafa: .......... 89

Ny fitehirizana dieny mialoha:........................................................................................................ 89
Fanatsarana ny toe-bola:................................................................................................................ 90
Ny fampitomboam-bola azo antoka: ............................................................................................... 90
Aza ilaozana izay velominao:.......................................................................................................... 91
Ny fifandrimbonana ara-bola: ......................................................................................................... 93
Voalohany: ny fandaniana dia adidin'ny ralehilahy: ........................................................................... 93
Faharoa: ny fanaovan-tsoa voalohany: .............................................................................................. 94
Fahatelo: ny fahatsarana ao anatin'ny fifanampiana: ......................................................................... 95
Fahefatra: ny fanokanana manokana ny ara-bola: ............................................................................. 97
Ny fanomezana no fanalahidin'ny anjaram-pivelomana: ..................................................................... 98
Ireo olana misy ara-panambadiana ................................................................................................... 99
Tsy fanitarana ireo olana:................................................................................................................ 100
Fampiasana fomba hifampiresahana amin'ny famahana olana: ........................................................ 101

Ny fametrahana fotoana ho an'ny fifampiresahana: ........ 101
Ny fandeferana sy fo madio: ........ 102
Fantaro ireo filàn'ny andaniny hafa: ........ 103
Ny fampisehoana ny lafitsaran'ny hafa: ........ 103
Ny fitsarana amin'ny fiverenana amin'ny lalàm-pinoana: ........ 104
Ny fahatahorana an'Andriamanitra (Allah) ........ 105
Ny fakana hevitra momba ny fahendrena: ........ 107